

Herinandro
FIARAHA-MIVAVAKA
16 - 23 Martsa,
2019

Miverina amin'ireo zavatra fototra

Departemantan'ny Tanora Foibe Maneran-tany

Global Youth Day
Andron'ny Tanora
Maneran-tany:
16 Martsa, 2019

Sabatan'ny
fiverenana ao an-trano:
23 Martsa, 2019

Lohahevitra:
Ny lafiny
mahakasika
ny fiangonana
eo an-toerana

LESONA 8 AVY AMIN'IREO
LAFINY MAHAKASIKA NY FIANGONANA
EO AN-TOERANA

Ao anatin'ny koa ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra.

MPANORATRA: Charles Blythe
TONIAN-DAHATSORATRA: Pako Mokgwane



Ity herinandro fiaraha-mivavaka ity dia navoakan'ny departemantan'ny Asa Fanompoana ny Tanora, Foibe maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista.*

All rights reserved. Copyright © 2018, by the General Conference of Seventh-day Adventist Youth Ministries Department.

Mpanoratra:
Charles Blythe

Tonian-dahatsoratra:
Pako Mokgwane

Mpandrindra ny tetikasa:
Maria Manderson

Editora Mpanampy:
Sophia Boswell

Teo ambany fanaraha-mason'ny:
Biblical Research Institute

Mpandika teny: ELITRANSLATION

Trano Pirinty Advantista Soamanandrarin'ny
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-Pirenena Km 6 mankany Toamasina
E-mail: impriad@mea.adventist.mg
Tel. 033 37 107 17

Voatolotra ara-dalàna: lah 0259-D/01.19
Ny natonta: 10 000 isa



NY MAHAKASIKA NY MPANORATRA:

Pasitora Charles Blythe:

vao tsy ela no nanompoany amin'ny maha-Pasitora azy ao amin'ny Federasiona Chesapeake any Maryland, Etazonia.

Mialoha ny nipetrahany tao Maryland dia nanompo ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny andro fahafito tany Jamaika izy nandritra ny 23 taona amin'ny maha-pasitoran'ny distrika sy talen'ny asa fanompoana ny tanora sy ny fiahiana tao amin'ny Federasionan'ny Jamaika afovoany sy ny Fivondronamben'ny Indies Andrefana sy ny Fivondronamben'ny Federasionan'ny Jamaika.

Manana ny mari-pahaizana Bachelor of Arts Degree in Religion avy tao amin'ny Northern Caribbean University izy, ary Master of Arts Degree in Counselling Psychology avy tao amin'ny Caribbean Graduate School of Theology tao Kingston, Jamaika.

Filoha Mpitarika ny Pasitora Blythe. Mankafy ny filasiana, filomanosana sy ny filalaovana "scrabble" ary mandany fotoana miaraka amin'ny fianakaviany izy. Nanambady an'i Marvalyn Walker izy. Mirehareha amin'ny maha-Ray aman-drenin'ny ankizy anankiroa dia i Charles Phillip sy i Charlyn Phioniq izy ireo.

Ny foto-keviny dia hoe "fiomanana tsara indrindra ho amin'ny fanompoana tsara indrindra". Faniriany ny hahita tanora mampitombo ireo hery sy talenta nomen'Andriamanitra azy ireo ary manao fanekena amin'ny fifandraisana mahavonjy amin'i Jesôsy Kristy.



Tonian-dahatsoratra:

Pako Mokgwane

Pako Edson Mokgwane, MA, Pasitora sy Mpiahy (aûmonier), manompo amin'ny maha-tale mpiara-miasa ao amin'ny departemantan'ny asa fanompoana ao amin'ny foibe maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista mitandrina ny Andro Fahafito, Silver Spring, Maryland, United States. Azo atao ny mifandray aminy amin'ny mailaka MokgwaneP@gc.adventist.org.

Tranonkala: youth.adventist.org

Alaivo sary an-tsaina ange!

Alaivo sary an-tsaina ny finoana tsy misy fitiavana. Alaivo sary an-tsaina ny tontolo tsy misy fiderana sy fiankohofana miaraka. Alaivo sary an-tsaina ny fiangonana tsy misy ny maha-mpirahalaly sy mpianadahy ary mpirahavavy. Alaivo sary an-tsaina ny fiangonana toy ny fikambanana ara-tsôsialy. Mety mangataka aminao hieritreritra zavatra tsy mety hitranga izahay. Tena sarotra ny haka sary an-tsaina ny tontolo tahaka izany.

Ny **fiangonana eo an-toerana** dia fandaminana ho an'ny tenan'ny mpino, izay ny antom-pisiany dia ny hitory, hitahiry ary haneho ny filazantsara sy ny toetran'i Kristy. Tsy mahagaga raha toa ka tamin'ny *fikaonan-doha maneran-tany tamin'ny taona 2016* no nandraisana ny fanapahan-kevitra fa tokony hanana finjavana hanao ny **fiangonana eo an-toerana** ho toerana tsaratsara kokoa - akany ara-panahy ho an'ireo tanorantsika hifangaroan'ireo taranaka samihafa. Koa raha manamafy ny maha-zava-dehibe ny hetsika iarahan'ny maro tahaka ny lasy, fihaonam-be, "camporee" sy ny sisa ho fanamafisana ny fisakaizana eo amin'ny fiarahamonin'ny tanora eo amin'ny sehatra lehibe kokoa izahay sy hanome tombontsoa azon'izy ireo hararaotina handraisana fanapahan-kevitra sy hifandraisana tendro amin'ny hafa, dia nisafidy ny hametraka ny asa fanompoana ho amin'ny tanora ao amin'ny **fiangonana eo an-toerana** ho ivon'ny laharam-pamehana sy ny dingana. Ny antony mahatonga anay hanao izany dia satria ny **fiangonana eo an-toerana** no tokantrano ara-panahin'ny tanorantsika. Ao amin'ny fiangonana ao an-toerana no mahamambra azy fa tsy ao amin'ny federasiona na ny fivondronambe.

Ao amin'ny fianakavian'izy ireo sy ny fiangonana eo an-toerana no hamahanana ny tanora ara-panahy, hanaovany fanekena ny hanaraka an'i Jesôsy, handray am-po ny antsony ho tonga mpianatra, ary hahita ny toeran'izy ireo ao amin'ny asa fanompoana an'Andriamanitra. Raha toa ka maro amin'izy ireo no mandray fanapahan-kevitra mandritra ny hetsika lehibe ataon'ny fiangonana, ny toerana izay hiahiana azy ireo mba ho tonga mpanara-dia feno fanoloran-tena an'i Jesôsy sy hiaina ny fanandramana kristianina dia ao amin'ny **fiangonana eo an-toerana**. Raha ny marina, ny **fiangonana eo an-toerana** - fa tsy ny federasiona na ny fivondronambe -no mahatsiaro fanenenana. Noho izany, ny tanjontsika dia ny hanetsika sy hampirisika ny tanora mba ho tena handray anjara feno amin'ny iraka nampanaovina ny fiangonana, manomboka amin'ny fiangonan'izy ireo eo an-toerana.

ERITRETO NY FIANGONANA EO AN-TOERANA!

VAKIO ALOHA ITY

- 1. Atombohy ny drafitrao izao.** Fantatsika fa miova ny fitarihana, indraindray, any amin'ny faran'ny taona, kanefa miangavy re raha sitrakao, raha tsy ho mpitarika ny Tanora Adventista intsony ianao amin'ny taona manaraka, dia aoka izany tsy hanakana anao hanao drafitra ny amin'ity herinandro manokana ity. Atombohy ny drafitrao, velabelaro ny tanjonao, angony ny tarikao, ary ataovy azo antoka fa isan'izany tarika izany ny pasitoranareo.
- 2. Vaovaon'ny Andron'ny Tanora Maneran-tany.** Makà vaovao mikasika ny tetikasan'ny Andro Maneran-tany. Io andro io no fiantombohan'ny Herinandro Fiaraha-mivavaky ny Tanora. Mba jereo moa ny tranonkalantsika e! www.youth.adventist.org, na manatona ny talen'ny tanora eo an-toerana misy anao ka jereo izay azonao handraisana anjara.
- 3. Atokany ireo Miaramilan'ny Vavaka anananao.** Atsangano ny tariky ny olon-dehibe hitokana hivavaka tsy tapaka ho anao sy ny departemantanao. Ataovy azo antoka fa vondrona azonao hamborahana ny filànao sy ny departemantanao ireo ao anatin'ny vaomieran'ny vavaka ireo.
- 4. Manokana andro iray hanaovana fifadian-kanina.** Inona moa izany andro fiaraha-mivavaka tsy misy vavaka sy fifadian-kanina izany. Raha azo atao dia manaova fandaminana fifadian-kanina fara fahakeliny andro iray ao anatin'ny herinandro. Ny soso-kevitray dia ny eo afovoan'ny herinandro - Alarobia. Mety manomboka ny alina mialoha io izany (na ny fotoana nisakafoanana farany), ary mitohy mandra-panomboky ny fivoriana ny hariva. Raha toa ianao ka ao amin'ny fiangonana izay tsy dia zatra mifady hanina loatra dia azonao atao ny manomboka fifadian-kanina mandritra ny 12 ora. 12 ora mialoha ny ora hanombohan'ny fivoriana ary mihinan-kanina mialoha ny hanombohan'ny fivoriana. Ohatra, raha manomboka amin'ny 7:00 hariva ny fivoriana dia ny fifadian-kanina izany manomboka amin'ny 7:00 maraina. Misy fifadian-kanina karazany telo: *Ny fifadiana rano*, izay hifadianao ny sakafo rehetra sy ny ranom-boankazo. *Ny fifadian-kanina amin'ny ampahany*, izay hanesoranao karazan-tsakafo sasantsasany sy sakafo manokana. Ny "*fifadiana ranom-boankazo*"; izany dia ny tsy fisotroana afa-tsy ranom-boankazo sy legioma mandritra ny fotoana fisakafoana. Tsidiho ny tranonkalantsika aorian'ny 15 febroary hahitanao ireo torohevitra ny amin'ny fifadian-kanina sy ny fanapahana izany. Miezaha hanolotra fiaraha-misakafo tsotra sy maivana ho an'ireo izay hitsahatra amin'ny fifadian-kanina ao am-piangonana.

Mifidiana hira faneva. Ampandraiso anjara ny antoko mpihira. Raha tsy manana antoko mpihira, dia izao no fotoana fananganana izany. Misafidiana hira tianareo rehetra sady mifanaraka tsara amin'ny lohahevitra isan-kariva, na mifidiana hira iray ho an'ny herinandro manontolo. Manoso-kevitra izahay ny hanaovana ny hira faha-209 ho hira faneva: "Misy toerana mamin'ny foko."

Manangana Tarika Fampandrosoana. Arakaraky ny haben'ny fiangonanao no hanaovana ny tarika ho olona efatra na valo, izay hiaraka hamakivaky ny toriteny valo miaraka aminao. Ireo tanora zokiny sy mpitarika tanora (Mpisavalalana, Sekoly Sabata, ny pasitoranao, sns.) liana sy manolo-tena ihany ampidirina ao anaty tarika; zava-dehibe izany satria ilaina ny hahatsiarovan'ny tarika rehetra ho tompony, fa tsy ianao sy ny mpanampy anao ihany. Angataho hihaona mandritra

ny telo herinandro ny tarika handray an-tanana ny zava-drehetra. Fantaro tsara ny tanjona sy izay tianareo hahatongavana; amin'ny fihaonana voalohany no mety indrindra izany, ka mifidiana tanora iray isan'andro hitondra ny teny.

Ampidiro ao anatin'ny drafitry ny herinandro fivavahanareo ny Andron'ny Tanora Maneran-tany

Ny lafatra indrindra dia ny hahatonga ny Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora (AMT) ho fomba hampianarana ny tanora hanome amim-pandavan-tena tombony ho an'ny fiangonana sy ny fiaraha-monina. Raha tarika kely ianareo ka tsy manana izay hoenti-manana hankalazana ny AMT, dia ity no fotoana fandroanana ny rindrin'ny fisarahana ara-piangonana eo amin'ny toerana misy anao amin'ny fiombonana antoka amin'ny tanora avy amin'ny fiangonana hafa eo an-toerana. Misy torolalana azonao alaina ao amin'ny: <https://youth.adventist.org/GYD/ItemId/745#bottom>

AHOANA NO FOMBA FAMPIASA ITY BOKY ITY MIARAKA AMIN'NY TARIKA MADINIKA NA LEHIBE

- 1. Toerana malalaka firaketana.** Natao hamenoanao izay eritreritrao ity boky ity. Ampiasao ilay toerana malalaka hiraketanao izay fihetsikao manoloana izay henonao tamin'ny toriteny sy ny fanontaniana rehefa mifarana ny andro tsirairay. Azo anoratana vavaka fangatahana koa na hiderana an'Andriamanitra izany. Ampirisihy ny mpandray anjara hampiasa izany araka izay itiavany azy. Azy io diary io! Ilazao izy fa tsy misy lalàna, fa tari-dalana fotsiny ihany. Ny mihaino ny Tompo sy manokatra ny fo hamaly ny fitarihany no laharam-pahamehana. Ry Mpitarika, ho gaga ianao fa hisosa ny peninao mameno ireo pejiny ny diary ireo, raha manokana fotoana ianao hamakiana amim-bavaka sy miaina sahady fa haneho zava-baovao aminao Andriamanitra.
- 2. Manomboha diarim-bavaka.** Tsy misy zava-dehibe ho an'ny fitomboanao ara-panahy mihoatra noho ny fotoana laninao amin'ny fivavahana. Hitombo miaraka aminao koa ny tarika tanoranao. Hanampy anao hihaona amin'Andriamanitra amin'ny fomba vaovao sy mampiantanentana ny diarim-bavaka. Ho vitanao ny manjohy ny diana miaraka amin'Andriamanitra rehefa manao jery todika sy mamerina mamaky ireo valim-bavaka sy mahita ny fomba nitondran'Andriamanitra isaky ny indray mandingana isan'andro ianao. Hevibaovao no ho tonga ao an-tsainao rehefa mandany fotoana eo anatrehany mandrakitra ny vavaka ianao. Mahita fomba marobe hanombohana sy hitahirizana diarim-bavaka ao amin'ny aterineto ianao. Mankanesa ao amin'ny www.google.com ka soraty ny teny hoe “starting a prayer journal.”
- 3. Fanontaniana Isan'andro (FI).** Natao hampieritreritra anao ny hetsika sy ny fanontaniana/fehezanteny isan'andro. Mamorona tarika madinika dia mifampidiniha amin'izy ireo. Makà fotoana tena handinihana hoe inona marina no hevitra ny fanontaniana. Henoy ny Fanahy Masina rehefa mampianatra anao amin'ny alalan'ny Soratra Masina Izy. Ampirisihy ny mpandray anjara hanoratra ny heviny ao anaty diary. Any amin'ny faran'ny vakiteny isan'andro no misy ny fanontaniana isan'andro.

Ireo lafiny mahakasika ny fiangonana eo an-toerana

1. **Sabata:** *Ny teôlôjian'ny Fiangonana (Eklisia) – Amin'ny fomba ahoana no hanazavan'ny Baiboly ny hevitra ny fiangonana eo an-toerana?*
2. **Alahady:** *Ny iraka nampanaovina ny fiangonana eo an-toerana - Amin'ny fomba ahoana no hahatonga ny tanora handray anjara amin'ny iraka nampanaovina ny fiangonana?*
3. **Alatsinainy:** *Ny anjara asan'ny fiangonana eo an-toerana ao amin'ny tenan'i Kristy - Izany dia mifandray amin'ny Fanomezam-pahasoavana sy ny fomba ahafahan'izy ireo manao asa fanompoana amin'ny fampandehanana ny fiangonana.*
4. **Talata:** *Ny andraikitra fitantanam-piainana ho an'ny tanora – Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny tanora mandray anjara amin'ny ara-bolan'ny fiangonana eo an-toerana. Amin'ny fomba ahoana no hahatonga ny tanora zokiny ho afaka hanao ampamoaka ara-panahy amin'ny fitahian'Andriamanitra azy ireo ara-bola.*
5. **Alarobia:** *Ny ohatry ny fitarihana eo amin'ny fiangonana eo an-toerana - fanazavana ny firafitry ny fiangonana eo an-toerana sy ny fomba ahafahan'izy ireo mandray tombontsoa amin'ny fiarahana mifanabe.*
6. **Alakamisy:** *Ny maha-zava-dehibe ny fiankohofana - Amin'ny fomba ahoana no anehoana ny fanoloran-tena amin'Andriamanitra? Firaisana ao anatin'ny fahasamihafana!*
7. **Zoma:** *Ny maha-izy azy ny Advantista– Inona no hamantarana anao amin'ny maha-Tanora Advantista anao?*
8. **Sabata:** **Ny fiangonana amin'ny maha-ampakarina azy - Amin'ny fomba ahoana no tokony hiomanana ho amin'ny fiavian'i Jesôsy?**



Tazomy ho tena zava-misy,

nosoratan'i **Marie Manderson**

I Maria Manderson dia manompo amin'ny tonian-dahatsoratra mpanampy ao amin'ny Departemantan'ny Asa Fanompoan'ny Tanora ao amin'ny Foibe maneran-tanin'ny Fiangonana Adventista, Silver Spring, Maryland, United States. Azo atao ny mifandray aminy ao amin'ny MandersonM@gc.adventist.org. Website: youth.adventist.org

Tazomy ho voalohany ny zavatra voalohany

Torio, Tehirizo ary Entano amin'ny fomba fitenin'Andriamanitra

Matetika rehefa anontanianaon'ny olona mikasika ny anjara asan'ny **Fiangonana** kristianina dia mihevitra araka ny fomba fampianaran'ny Testamenta Vaovao izy ireo, ary ny andinin-tSoratra Masina izay tonga ao antsaiko dia ny Matio 28:19-20, izay anirahan'i Jesôsy ireo Apôstôly hitory ny filazantsara amin'ny firenena rehetra.

Kanefa izany ihany ve no niantsoana ny **Fiangonana** mba hatao?

Tsia, ny Baiboly dia milaza fa an'Andriamanitra ny **Fiangonana** ary nomena azy ny iraka tokana dia ny fitoriana, ny fiarovana, ny fanentanana sy ny fitehirizana ny filazantsara.

Andeha hojerentsika izay lazain'ny Baiboly (Testamenta Taloha sy Vaovao) mahakasika ny anjara asan'ny **Fiangonana** eo an-toerana.

Isa. 12:14	Eto dia hitantsika fa omen'Andriamanitra tombontsoa i Joda mba hilaza amin'ny hafa izay nataon'ny Tompo mba hanafahana ny firenena (Isiraely) amin'ny fahotana.
Isa. 45:22	Etsy ankilany, izy ireo dia natao hampahafantatra ny firenena jentilisa (tsy ao ampiangonana) mahakasika izay nataon'Andriamanitra ho azy ireo ary aseho azy ireo ilay Andriamanitra tokana marina.
Ezek. 3:17-19	Ny andraikitra ny fiangonana eo an-toerana dia ny hampita ny hafa-pamonjena amin'ny olona rehetra. Ao amin'io toko sy andininy io dia maniraka an'i Ezeiela Andriamanitra hampita ny hafatra sy ny fampitandremana. Raha tsy mitory/mampita hafatra isika sy tsy mampitandrina ny olony dia tsy hanana safidy ny hisafidy/hanaiky ny hafatra izy ireo, ary ho faty ary ho fahadisoantsika izany. Hitambesatra eo an-tsorotsika izany.
Ezek. 38:23	Ny Fiangonana eo an-toerana no mampahafantatra ny fahalebiazan'Andriamanitra
Mal. 1:11.	Mizara ny fahalebiazan'Andriamanitra amin'ny olona rehetra Ny Fiangonana eo an-toerana.

Hitantsika ary fa mifarana amin'ny Malakia ny Testamenta Vaovao izay mampahatsiahy ny olona ny hizara ny hatsaran'Andriamanitra amin'ny olona rehetra. Andeha hojerentsika ankehitriny ny anjara asan'ny Ny **Fiangonana** eo an-toerana ao amin'ny Testamenta Vaovao.

Samihafa ve sa mitovy?

Mat. 9:35-38	Nasehon'i Jesôsy ny maha-zava-dehibe ny vavaka amin'ny asa fanompoana/iraka hanatr-arana izao tontolo izao amin'ny filazantsara.
Asa. 13:47	Anisan'ny fikendren'Andriamanitra amin'ny fanavotana izao tontolo izao ho azy ny Kristianina/mambran'ny Fiangonana.
2Tim. 2:15,42 2 Tim. 3:16 Rôm. 10:10-17	Ivon'ny iraka nampanaovina ny Fiangonana ary ilaina amin'ireo dingan'ny fanavotana ny fitoriana ny Filazantsara.
Rôm. 10:10-17	Ny Fiangonana eo an-toerana no fahazavan'izao tontolo izao ary tena ilaina amin'ny dingan'ny famonjena. Eto ny fiangonana mba hamonjy ny olona.
Mat. 28:19,20 Asa. 2:42 Efes. 4:12 Kôl. 1:28	Mba hanomana ireo mambra amin'ny asa fanompoana ho fanorenana ny Fiangonana. Ny fanompoam-pivavahana mahazatra dia tokony hikendry, voalohany indrindra, ny fampianarana sy ny fanompoana ny mambra. "ho fampitaovana ny vahoakan'Andriamanitra ireny mba hahatontosana ny asa fanompoam-piangonana, ka hirafetan'ny tenan'i Kristy." – Efes. 4:12 DIEM
Gal. 2:1-10 1 Tim. 1:3-4; 3:15; Tit. 1:9 2 Tim. 1:13	Hitahiry ny filazantsara. Lazain'i Paoly ho toy ny vato fehizoron'ny fahamarinana azo antoka ny fiangonana. Iray amin'ireo adidiny ny hitahiry ny fahamarinan'i Jesôsy. Tsy maintsy mampita amim-pahatokiana ny filazantsara ny Fiangonana, tsy hanaiky ny fampianaran-diso, ary hitahiry ny fahadiovana ara-poto-pinoana sy fitondran-tena eo amin'ireo mambra ao aminy.
Efes. 3:10 1 Kôr. 12:12-26	Hiaina sy Hampiely ny filazantsara. Nilaza i Paoly fa amin'ny alalan'ny fiangonana no hampahafantaran'Andriamanitra ny fahendreny amin'ny mpanapaka sy ny manam-pahafana. Amin'ny alalan'ny fiainana masin'ireo mambra sy ny firaisana ao amin'ny fahasamihafana no hiantsoana ny fiangonana ho kaleidoskopy - fitaratra maneho ny hatsaran'ny filazantsara izay toriny.
Asa. 13:47	Anisan'ny tanjon'Andriamanitra ho an'ireo Kristianina ny fanavotana izao tontolo izao ho azy.

Nomena ny Kristianina rehetra ny iraka ho misiônera, kanefa amin'ny heviny hafa, dia nomena ny Fiangonana eo an-toerana aloha izany voalohany indrindra. Azo antoka tsara ny hanatanterahan'ny fiangonana ireo filantsika ara-piaraha-monina (hahita namana, hifandray amin'ny hafa) sy ny asantsika ara-piaraha-monina (manampy ny tsy manan-kialofana, manome rà, mandray anjara amin'ny fizarana sakafo, sns), kanefa raha tsy mahomby amin'ny fanarahana ny baikon'Andriamanitra ny hitory, hiaro, hitahiry ary hampielany ny filazantsara isika, ary koa hanao mpianatra sy hitahiry ireo mpino, dia ho tsy nahomby amin'ny iraka kristianina ataontsika.

Ny vavaka araka ny Baiboly no laharam-pahamehana voalohany amin'ny fanatrarana ny olona ary fanehoana azy ireo ny famonjena. Raha fintinina dia an'Andriamanitra ny fiangonana ary tsy maintsy miasa araka ny fomba fiasa avy Aminy isika.

- 
1. Misy zavatra roa izay tokony hataon'ny **Fiangonana** eo an-toerana mandrakariva: toeram-pamonjena fanahy ho an'ny tsy voavonjy, sy toeram-panorenana fanahy ho an'ireo mambra. Manatratra ny tsy mbola voavonjy isika ary mampianatra ireo voavonjy.
 2. Raha toa isika ka mamaky ny Baiboly amin'ny andininy tsirairay, boky tsirairay dia misakafo ny karazana fanafody ara-panahy izay hamahanana sy hanamafisana antsika ho tonga mpanaradia tsara an'i Jesôsy. Ho vonton'ny foto-pampianarana ao amin'ny drafitr'Andriamanitra amin'ny fiainantsika sy ny fiangonana isika.
 3. Mba fantatrao ve fa raha mamaky ny andiana mofon'aina ao amin'ny Fifohazana sy Fanavaozana mandritra ny dimy taona feno isika araka ny tari-dalana ao amin'ny tranonkalantsika dia hahavaky ny Baiboly manontolo? Eny, ao anatin'ny dimy taona; mamaky tsikelikely ianao dia afaka ny hamaky ny Baiboly manontolo. Izany no famahanana ny fanahy. Tsidiho ny rohy ahazoana ny mofon'aina ao amin'ny: <https://youth.adventist.org/Resources/Bible-Readings>.
- 

Herinandro
FIARAHA-MIVAVAKA
16 - 23 Martsa, 2019

Lohateny:
Miverina amin'
ireo zavatra fototra

Lohahevitra:
Ny lafiny mahakasika
ny fiangonana eo an-toerana

LESONA 8 AVY AMIN' IREO
LAFINY MAHAKASIKA NY FIANGONANA
EO AN-TOERANA
Ao anatiny koa ireo fanontaniana hifanakalozan-kevitra.

Daty ôfisialin'ny herinandro fiaraha-mivavaka:
16 - 23 Martsa, 2019

Global Youth Day- Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora:
16 Martsa, 2019
Sabatan'ny fiverenana ao an-trano:
23 Martsa, 2019

Departemantan'ny Tanora Foibe Maneran-tany



Tsarovy fa ny herinandro fiaraha-mivavaka dia mihoatra noho ny toriteny torina ao anatin'ny herinandro. Izany dia herinandro mba hifandraisana ara-panahy; vavaka sy fifadian-kanina no fomba roa voaporofa sy voasedra fa ahafahana manatona kokoa an'Andriamanitra sy mahatakatra ny sitrapony sy ny fikasany ho an'ny fiainantsika.

Soso-kevitra ny amin'ny fandaharam-potoana

1. Vavaka
2. Hira
3. Fiarahabana sy Fampidirana
4. Vavaka ataon'ny isam-batan'olona
5. Hira ataon'ny mpivavaka/Hira manokana
6. Toriteny
7. Fifanakalozan-kevitra sy vavaka
 - Mizara ho tarika 7-10 ary mifanakalo hevitra amin'ireo fanontaniana hita ao amin'ny fiafaran'ny toriteny isan'andro.
 - Fangatahana antom-bavaka sy fivavahana ho an'ny tsirairay.
8. Hiran'ny Mpivory
9. Fanamarihana famaranana
10. Vavaka (Iraisana)

Ireo Izay Nantsoina

Lohahevitra: Ny Teôlôjian’ny Fiangonana (Ekllesia)

Ny fomba anazavan’ny Baiboly ny amin’ny hoe fiangonana eo an-toerana

- **Mifidiana hira mifanaraka amin’ny lohahevitra**
- **Andininy Fototra:** Matio 16:18
- *“Ary Izaho milaza aminao koa: Hianao no Petera, ary ambonin’ ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin’ ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy.”*
- **Hevitra Fototra:** Ny fiangonan’Andriamanitra dia miorina mafy amin’ny fototra tokana, dia i Jesôsy Kristy Tompony.

Fampidirana

Androany isika dia hiresaka momba ny Teôlôjian’ny Fiangonana (Ekllesia). Hijery isika hoe ahoana ny fomba anazavan’ny Baiboly ny amin’ny fiangonana sy ny andraikiny amin’ny fizarana ny vaovao mahafalin’i Jesôsy Kristy. Hahita isika fa ny fiangonana dia fivondronan’olona izay nantsoina avy amin’izao tontolo izao mba hanatanteraka iraka manokana iray—dia ny hiantso ny hafa ihany koa ary hanao azy ireo ho mpianatr’i Jesôsy. Hianatra isika fa ny fiangonana dia miorina eo amin’i Jesôsy ary ny vavahadin’ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy. Hahita isika fa ny fiangonana dia tsy trano hita maso, fa ny vahoakan’Andriamanitra izay nantsoiny manokana dia afaka mivory amin’ny toerana rehetra hiara-miombona ary hiara-mivavaka sy midera.

Amin’ny maha-ampahan’ny vatan’i Kristy azy ireo, ny vahoakan’Andriamanitra izay nantsoiny manokana dia mikatsaka ny fanatrehana sy manatanteraka ny sitrapony. Izy ireo dia fatra-paniry ny fiombonany amin’ny izy samy izy. Mivory ara-potoana izy ireo hanaovana paikady sy handaminana ny amin’ny iraka sy ny fijoroana ho vavolombelona, ahafahany manohy ny fanaovana ny hafa ho mpianatra ary manasa azy ireo ho lasa mpandray anjara amin’ny vatan’i Jesôsy Kristy. Ny vahoakan’Andriamanitra izay nantsoiny manokana dia ampahany amin’ny vatany ary izy ireo no mamaritra ny fiangonany eto an-tany.

Ny toriteny androany dia mampianatra fa:

- a. Ny fiangonana dia mihoatra noho ny trano na tany hita maso fotsiny.
- b. Ny fiangonana dia ahitana ny vahoakan'Andriamanitra izay nantsoiny manokana amin'ny taona rehetra.
- d. Eo amin'i Jesôsy Kristy no nanorenana ny fiangonana.
- e. Ny vahoakan'Andriamanitra izay nantsoiny manokana dia manana andraikitra amin'ny fampitomboana ny fiangonany amin'ny alalan'ny fitadiavana olona hafa ary fanasana azy ireo ho anisan'ny fiangonany.

Toriteny

Ny sasany niantso Azy hoe Mpampianatra, ny hafa niantso Azy hoe Tompo, ary ny hafa niantso Azy hoe Mpamonjy. Fa iza moa Izy? Mpampianatra fotsiny ve Izy? Mpanasitrana ve Izy? Sa mpandrafitra tsotra ve Izy? Miankina amin'izay ametrahanao ny fanontaniana izany. Ity mpampianatra manetry tena avy any Nazareta ity dia zavatra marobe ho an'ny olona marobe.

Ny reniny dia hilaza aminareo fa fanomezana nampanantenaina azy izay nofahanany sy nokolokoloiny hatramin'ny nahaterahany Izy. Ny mpitarika ny fiangonana dia mety hilaza aminareo hoe nanaitra azy ireo Izy tamin'ny fahendreny sy ny fahefany. Ny olon-tsotra dia hilaza aminareo fa Izy ilay Mpampianatra manetry tena avy any Galilia, ilay Mpanasitrana sy Mpanao fahagagana, izay niteny tahaka ny Olona nanana fahefana fa tsy tahaka ireo mpanora-dalana. Ireo namany dia hilaza aminareo fa Izy no mpanoro hevitra sy mpampianatra ary sakaizan'izy ireo.

Kanefa ahoana no nahatonga io olona io, izay avy amin'ny toerana kely, hanana fahefana tahaka izany? Inona no nahatonga Azy hiavaka tokoa? Nahoana izy no nanana mpanara-dia marobe?

Tsotra ny valiny. Tsy mpaminany, na mpampianatra na mpanasitrana fotsiny ihany Izy. Izy no ilay Zanak'Andriamanitra. Ao Aminy ny zavatra rehetra. Ity Mpandrafitra avy any Galilia ity no nanorina ny fiangonana Kristianina. Izy no Zanak'Andriamanitra. Izy no Mpamorona sy Mpiahy izao rehetra izao ary Izy no anton'ny fanompoam-pivavahana sy vavaka ary fiderana ataontsika.

Taorian'ny fahafatesany mahamenatra teo amin'ny hazo fijaliana sy ny fitsanganany tamin'ny maty, dia nomeny hery sy fahefany ireo mpanaraka Azy ary nibaiko azy ireo Izy hitory ny filazantsara amin'ny toerana rehetra sy hanao ny olona rehetra ho mpianatra (Mat. 28:18–20). Ireo lehilahy sy vehivavy feno ny herin'ny Fanahy Masina ireo dia nandrehitra afo izay tsy ho faty mihitsy.

Nitety vohitra sy tanàna ary firenena izy ireo, nitory sy nampianatra. Izay toerana rehetra nandalovany dia nananganany fiangonana. Tsy ela dia nitombo tokoa ny isan'ny mpino sy ny mpivavaka, ary nitaky rafitra sy fandaminana izy ireo. Hojerentsika amin'ny Alarobia izany rafitra sy fandaminana izany.

Ny foto-kevitra ny fiangonana manan-danja indrindra izay tokony ho ao an-tsaina mandrakariva dia ny fifotorany eo amin'i Jesôsy. I Jesôsy no antony mampisy ny fiangonana. Rehefa miala amin'i Jesôsy ho amin'ny zavatra hafa ny fifantohana dia lasa fivoriana ny fiarahamonina tsotra fotsiny ny fiangonana. Tsy tokony hiala eo ambany masontsika mihitsy izany fifantohana izany. Tsy tokony avelantsika ho voahelingelina na ho voahodinkodina amin'ny zavatra hafa ankoatry ny fanandratana an'i Jesôsy, izay Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy, mihitsy ny dikan'ny fiangonana.

Androany isika dia handany fotoana vitsivitsy hahazoana ny fiavian'ny fiangonana Kristianina sy ny dikan'ny teny hoe fiangonana sy ny manodidina izany tamin'ny voalohany. Tena ilaintsika ny mametraka ity fototra ity dieny ety am-boalohany, satria, raha toa ka diso ny teôlôjia na ny fampianarana na ny foto-pinoantsika dia ho diso ihany koa ny fampiharana ataontsika, ny fitondrantenantsika ary ny fomba fiangonantsika.

I Jared dia mambra mafana fo ao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izay nandeha tao amin'ny Oniversite tsy ara-pivavahana iray tao amin'ny tanàna somary lehibe iray. Manasa ny mpiara-mianatra aminy matetika izy hamonjy Fianarana Baiboly isan-kerinandro izay atao ao amin'ny tranon'ny mambran'ny fiangonana eo an-toerana iray izay akaikin'ny faritry ny Oniversite. Isaky ny fanasana omeny dia mamaly azy amin'ny fomba maneso ny namany ary tena manao tsinontsinona sy mihomehy ny fivavahana sy ny mpiangona amin'ny ankapobeny.

Nisy namany iray nilaza manokana ny amin'ny toa tsy firaharahan'ny mpiangona ny zavatra ilain'ny fiaraha-monina nisy azy ireo. I Jared sy ny mpiara-mivavaka aminy sasany dia nanomboka nandinika ny amin'ny fomba ahafahan'izy ireo mitaratra ny filazantsaran'i Jesôsy amin'ny fahafenoany eo amin'ny toerana tsy ara-pivavahana. Nanapa-kevitra ny hanao fanombanana ny zavatra ilaina eo an-toerana izy ireo. Hitany fa maro ireo mpianatra eny amin'ny Oniversite no miady mafy amin'ny fikarakarana ny zavatra fototra ilainy ary maro amin'izy ireo no diso be asa loatra amin'ny fampifandanjana ny raharaha isan'andro sy ny fianarana ka tsy manam-potoana ho an'ny fivavahana.

Nanao ezaka “Andao hosasantsika ny lambanao” izy ireo niaraka tamin'ny fanampian'ny mambra tao amin'ny vondrona Fianarana Baiboly. Maro ireo mambran'ny fiangonana no nanolo-tena hanokatra ny varavaran'ny tokantranony hanampiana ireo mpianatry ny Oniversite be asa loatra amin'ny fanasana ny lambany isan-kerinandro. Tsy vitan'ny hoe voasasa ny lamban'ireo naman'i Jared fa nahazo sakafo mafana sy fitaovana fikarakarana izay fanomezana avy amin'ireo mambran'ny fiangonana Advantista teo an-toerana koa izy ireo.

Rehefa nandeha ny fotoana dia tsy nanana olana intsony i Jared handresena lahatra ny namany sasany hanatrika ny fianarana Baiboly. Taty aoriana, ny ezaka nataon'i Jared dia nanjary zana-piangonana vaovao izay nitombo haingana ka tsy maintsy niantsoana pasitora hikarakara sy hampianatra ilay vondrona, izay mpianatry ny Oniversite ny ankamaroany. Io vondrona io dia mbola miasa eo amin'ny fiaraha-monina ary ohatra tena tsara ny amin'ny

zavatra mety ho vita rehefa mifantoka kokoa amin'ny zavatra ilain'ny olona ny fiangonana fa tsy amin'ny toerana fivavahana.

Maro ireo mpandinika sy manam-pahaizana no efa nitolona tamin'ny fomba fisainana sy hevitra mahakasika ny fivavahana sy ny fiangonana. Ny fomba fisainana eo amin'izao tontolo izao sy ny fiarahamonina, amin'ny ankapobeny, no mitolona amin'ny fahatakarana tsotra ny fiangonana amin'ny mahaivontoeram-pivavahana azy. Tsy ela izay, niasa amin'ny maha-pasitora aho tao amin'ny fiangonana iray tao amin'ny fiaraha-monina izay nanana foto-pisainana mpandala ny fivoarana (progressiste). Teo am-pitan'ny arabe dia nisy toerana fivoriantanora zokiny efa miasa maromaro mba iarahana amin'ny namana. Tsy namaly ny fanasana nalefanay amin'ny fotoam-pivavahana mahazatra mihitsy izy ireo. Nisy mpivady tanora avy eny amin'ny Oniversite tao am-piangonanay nanao hetsika “miverina any an-tsekoly” ho fanatrarana ny fiarahamonina. Maro tamin'ireo olona izay tsy nety nanatrika fotoam-pivavahana no tonga tamin'io fotoana io. Ny mambran'ny fiangonana, izay mpandala ny mahazatra ny ankamaroany, no naneho ny tsy fankasitrahany izy ireo ny amin'ny fanararaotan'ireo “tsy mpivavaka” ireo ny fahalalahan-tanan'ny mambran'ny fiangonana. Tsy ilaina intsony ny milaza fa nifarana teo ilay hetsika.

(Tokony hijanona kely aloha ny mpamaky, avy eo manohy eo amin'ireo fanontaniana eo ambany)

Noho izany, inona moa ny fiangonana? Na, aiza ny fiangonana? Tokony hankany am-piangonana ve isika, ary raha eny dia aiza? Trano hita maso izay tokony handehanantsika ve ny fiangonana?

Ireo dia ampahany vitsy amin'ireo fanontaniana maro tiana hampitaina amin'ny hafatra androany. Hijery ny fiaviana sy ny famaritana ny fiangonana isika ahazoantsika fahatakarana ara-Baiboly mazava tsara ny amin'ny fiangonana araka izay nokendren'i Jesôsy tamin'ny voalohany.

Ny teny hoe fiangonana dia avy amin'ny teny Grika hoe, *Eklesia*. Ny teny hoe Eklesia dia midika fotsiny hoe ireo izay nantsoina manokana. Tamin'ny andron'ny fiangonana voalohany na koa ny fiangonan'ny Testamenta Vaovao, ny fiangonana dia tsy nidika mihitsy ho trano hita maso miaraka amin'ny fotoam-pivavahana mirafitra tsara amin'ny fotoana voatendry.

Nandray teôlôjia diso ny amin'ny fiangonana isika izay mametra ny fiangonana ho toerana na trano hita maso izay andehanan'ny olona. Vokatry'izany, ny fahalalako ny fiangonanay tamin'ny fahazazako dia trano kely hazo tao amin'ny tanàna na fiarahamonina miaraka amin'ny lakolosy lehibe maneno isaky ny Alahady maraina hahafantaran'ny olona ny fotoana tokony hiangonana hanaovana ny fotoam-pivavahana.

Nihalehibe tao amin'ny ankohonana Advantista Mitandrana ny Andro Fahafito aho. Tsy nanana lakolosy lehibe teo ivelany izahay hiantsoana ny olona hiangona. Lakolosy kely tao am-piangonana no nanananay hamantarana ny fiantombohan'ny fotoam-pivavahana na ny fifindrana amin'ny fotoana manaraka. Nanana hira momba izany mihitsy izahay.

*“Misy fiangonana ao an-dohasaha akaikin’ny ala
Tsy misy toerana tsara noho izy
Tsy misy toerana izay tena mamin’ny fahazazako
Tahaka ilay fiangonana kely ao an-dohasaha
Tena mamy rehefa Sabata (Alahady) maraina
Ny mihaino ny fanenon’ny lakolosy
Tena mahafinaritra ny fiantsony
Oh, mankanesa ao amin’ily fiangonana ao an-dohasaha.”*

Misy hatrany ireo foto-kevitra miraikitra amin’ny fampianarana sy teôlôjiantika izay milaza fa ny fiangonana dia toerana andehanana fotsiny ihany. Ny fiangonana dia toerana hita maso izay andehanantsika isaky ny herinandro amin’ny fotoana napetraka.

Tamin’ny andron’ny fiangonana voalohany, ary tao an-tsain’ireo mpanorina fiangonana, dia tsy mandeha any am-piangonana na mankaty am-piangonana izay trano hita maso isika, tsy mamonjy ny fotoam-pivavahana amin’ny 9:15 na amin’ny 11:00 isika, fa isika mihitsy no manao ny fiangonana.

Ny fiangonana dia ny vatan’ny mpino (olona nantsoina manokana), izay mitety trano sy fiarahamonina mampianatra ny mpino vaovao ary manangana mpianatra maro hafa mba hanao tahaka izany koa. Noho izany dia mihodina hatrany ilay faribolana, ary mitombo tsy manam-petra intsony.

Izao no vakintsika ao amin’ny Asa. 2:42–47:

Ary izy ireo naharitra tamin’ny fampianaran’ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana. Dia raiki-tahotra ny olona rehetra teo, ary fahagagana sy famantarana maro no nataon’ny Apostoly. Ary izay rehetra nino dia niray toerana, sady niombonany avokoa ny fananany rehetra, ary namidiny ny taniny sy ny fananany ka nozarainy tamin’izy rehetra araka izay nilainy avy. Ary dia niray saina isan’andro izy ka nazoto nankeo an-kianjan’ny tempoly ary namaky mofo tao an-trano ka nihinan-kanina tamin’ny fialiana sy ny fahatsaram-po, nidera an’Andriamanitra sady nahita fitia tamin’ny vahoaka rehetra. Ary ny olombonjena dia nanampin’ny Tompo isan’andro ho isan’ireo.

Izany no teôlôjia ara-Baibolin’ny fiangonana; izany no modely araka ny Testamenta Vaovao.

Ny foto-kevitra ny Testamenta Vaovao ny amin’ny fanaovana mpianatra dia ny maha-mpianatra na mpanompo na mpitandrina ny mambra rehetra.

Tamin’ny andron’ny fanavaozana dia tena sarotra, na koa tsy vita mihitsy aza ho an’ireo nantsoina manokana na ireo izay mandray anjara amin’ny vatan’i Kristy ny hipetraka amin’ny toerana hita maso iray. Ireo olona izay nanaiky ny fampianaran’ny Soratra Masina dia nenjehina sy nampijalina tahaka ny bibidia hovonoina.

Tany amin’ny tendrombohitra sy harambato ary zohy no nahitan’ireo mpanao fanavaozana ireo fiarovana. Niara-nipetraka tao amin’ny zohy sy harambato izy ireo, niara-nivavaka sy namaky ny Soratra Masina. Satria vitsy

ny Baiboly, dia nampianarina hitadidy ampahany betsaka amin'ny Soratra Masina ny ankizy sy ny tanora hahafahany mamerina izany ho tsianjery. Tsy nanana trano hita maso tahaka ny amin'izao fotoana izao izy ireo.

Velombelona sy natanjaka tsara ny fiangonana, nefa ny toerana fivoriany dia niovaova tamin'ny toerana rehetra izay hitany ahazoany mitsoaka ireo mpanenjika. Amin'ny faritra maro amin'izao tontolo izao, eny fa na dia amin'izao fotoana izao aza dia mbola misy ireo vondron'ny mpino miangona eny ambany hazo, na ao amin'ny tokantrano iray, na amin'ny toerana rehetra izay hitany mba ahafahany manararaotra ny fifandraisana sy fiombonana amin'Andriamanitra. Mitety toerana sy vohitra izy ireo, indraindray aza manao dia an-tongotra lavitra tokoa hizarana ny vaovao mahafalin'ny filazantsaran'i Jesôsy Kristy.

Tena mazava tsara ny lazain'ny Baiboly, fa amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesosy antsika, dia izany no tokony hanolorantsika tena rehefa niova ny fontsika sy rehefa nahazo ny fahatakarana marina ny momba ny fiangonana. Diniho ity tenin'i Ellen White ity:

“Ny fiangonana no fitaovana notendren'Andriamanitra hilaza ny famonjena amin'ny olona. Nalamina ho amin'ny fanompoana izy, ary ny hitondra ny filazantsara ho an'izao tontolo izao no asa nanirahana azy. Hatramin'ny voalohany dia drafitra nataon' Andriamanitra ny hampitaratra izao tontolo izao ny fahafenoany sy ny fahampiany. Tokony haneho miharihary ny voninahiny ny mambra ao amin'ny fiangonana, dia izay nantsoiny hiala amin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga.”
- Vavolombelona Mahery t. 11

Manambara koa ny Baiboly fa ireo mpino vaovao ireo dia nanampy isa ny fiangonana tamin'ny alalan'ny batisa isan'andro ary lasa mpianatr'i Jesôsy Kristy. Nantsoina izy ireo hiala amin'ny fiainana nahazatra azy ho amin'ny fiainana vaovao ao amin'i Jesôsy. Tao anatin'izany ny fomba fiainana feno fanompoana am-pitiavana sy fangorahana ny hafa.

Rehefa nanampy isa ny fiangonana ireo mpianatra vaovao dia nampianarina ihany koa izy ireo handeha sy hanao mpianatra vaovao; noho izany, ireo nantsoina manokana dia nanolo-tena mandrakariva amin'ny fiantsoana ny hafa. Amin'izao fotoana izao dia misy ny olona sasany miantso izany hoe môdely fananganana fiangonana. Nokolokoloiny ireo mambran'ny fiangonana vaovao ary nampianariny ny fomba hamerenana ny môdelin'ny fanaovana mpianatra amin'ny alalan'ny fitetezana trano sy vohitra ary tanàna, miantso, mampianatra ary manangana, avy eo mandeha any amin'ny vohitra na tanàna manaraka.

Izany no môdelin'ny Testamenta vaovao ny amin'ny fiangonana *Eklesia*: fivondronan'olona izay nantsoina avy amin'izao tontolo izao hanatanteraka iraka manokana—hiantso ny hafa ihany koa ary hitarika azy ireo ho lasa mpianatr'i Jesôsy. Izany no teôlôjia ara-Baibolin'ny fiangonana. Amin'ny maha-tanora sy lehibe antsika, andeha isika hivavaka mandritra ity herinandro ity mba hanehoan'Andriamanitra antsika ny fomba ahafahantsika manolo-tena kokoa amin'ny modelin'ny fanaovana mpianatra. Mandritra ireo fito andro manaraka isika dia hijery foto-kevitra maro hanaovantsika izany ho fampiharana tena izy amin'ny fiainantsika.

Hijery isika ny amin'ny fomba ahafahantsika mampiasa ireo fanomezam-pahasoavana sy talenta ananantsika amin'ny fampitomboana sy fampivelarana ny fiangonana. Hahita isika fa ny maha-mambran'ny fiangonana antsika dia misy dikany mihoatra noho ny fivoriana miaraka amin'ny olona indray mandeha isaky ny herinandro hanaovana fanompoam-pivavahana sy fiarahana. Ho hitantsika ny tena votoatiny sy ny tena fifaliana sy faharavoana azo avy amin'ny fanoloran-tena manokana amin'ny dingan'ny fanaovana mpianatra ireo nantsoina manokana na ny fiangonana.

Tiako ny hiverina any amin'ny fanombohan'ity famelabelarana ity. Ny sasany niantso Azy hoe Mpampianatra, ny hafa niantso Azy hoe Tompo, ary ny hafa niantso Azy hoe Mpamonjy. Fa iza moa Izy? Mpampianatra fotsiny ve Izy? Mpanasitrana ve Izy? Sa mpandrafitra tsotra ve Izy?

Nametraka fanontaniana toa izany tamin'ny mpianany i Jesôsy raha niresaka izy ireo indray andro. Milaza ny Baiboly fa nanontany azy ireo Izy hoe: “Ataon'ny olona ho iza moa Aho?” Valinteny samihafa no nomen'izy ireo Azy. Ny sasany niantso Azy hoe Mpampianatra, ny hafa niantso Azy hoe Tompo, ary ny hafa niantso Azy hoe Mpamonjy. Fa iza moa Izy? Mpampianatra fotsiny ve Izy? Mpanasitrana ve Izy? Sa mpandrafitra tsotra ve Izy? Miankina amin'izay ametrahanao ny fanontaniana izany. Ity mpampianatra nanetry tena avy any Nazareta ity dia zavatra marobe ho an'ny olona marobe. “Hoy ny sasany: Elia; ary hoy ny sasany: Jeremia, na anankiray amin'ny mpaminany.”

Kanefa avy eo dia napetrak'i Jesôsy tamin'ny mpianany mahitsy ny fanontaniana. Nanontany izy hoe: “Fa hianareo kosa manao Ahy ho iza?” Tahaka ny mahazatra dia i Petera no namaly hoe: “Hianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona.” Dia namaly Jesosy ka nanao hoe, “Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra.” Nidera an'i Petera Izy noho ny fahalalin-tsainy ary avy eo Izy nanao ny iray amin'ireo fanambarana mahery vaika indrindra momba ny fiangonany.

Nilaza Izy hoe: “Ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy.” Ny fiangonan'Andriamanitra dia miorina eo amin'i Jesôsy. Izy no fototry ny fiangonany. Izany no fahamarinana izay naseho an'i Petera. Jesôsy no Kristy. Izy no zanak'Andriamanitra. Andriamanitra dia manorina ny fiangonany eo amin'i Jesôsy zanany. Vokatry izany dia matanjaka ny fiangonana ary hatanjaka hatrany. Andriamanitra mihitsy no Tompon'ny finoantsika sady Mpanefa azy. Izy no fiantombohany, Izy no fiafarany.

Ny fiangonan'Andriamanitra dia miorina mafy amin'ny fototra tokana, dia Jesôsy Kristy izay Tompony. Izany fiangonana izany no niantsoana antsika rehetra hiditra ho mambra. Rehefa manaiky an'i Jesôsy Kristy isika dia tsy lasa mpandray anjara amin'ny fiangonany fotsiny fa lasa mpandray anjara Aminy mihitsy. Mambra ao amin'ny vatany isika ary lasa mpandray anjara amin'ny maha-Andriamanitra Azy.

Tsy mahagaga raha miara-mihira am-pifaliana amin'ny poeta isika hoe, “Faly aho, tretrika aho fa ankohonan'ny Ray.” Andeha isika hifaly sy hiravoravo fa

anisan'ny ankohonan'Andriamanitra. Andeha isika handray ny maha-isika antsika amin'ny maha-mpandray anjara antsika amin'ity hetsika maneran-tany ity izay miorina ao amin'i Jesôsy Kristy.

Andeha isika handany fotoana isan'andro mandritra ity herinandro ity hangatahana an'Andriamanitra hameno antsika amin'ny Fanahiny ary hametraka ao am-pontsika ny faniriana ho lasa mpandray anjara mavitrika amin'ny môdeliny amin'ny fanaovana mpianatra. Andeha isika hikatsaka ny heriny sy ny fitarihany ahafahantsika mamerina indray ny hafanam-pon'ny fiangonana voalohany amin'ny fandehanana mitety toerana hiantso olona vaovao ary hampianatra azy ireo hanohy ny faribolan'ny fanaovana ny hafa ho mpianatra izay hanohy hiantso ny hafa mandra-pahatonga ny vokatra ho an'ny fanjakan'Andriamanitra hitombo betsaka.

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra

1. Inona no dikan'ny teny hoe Eklesia?
2. Nahoana no lazaina hoe manao fiangonana isika fa tsy mandeha any am-piangonana?
3. Inona no andraikitr'ireo izay lasa mambran'ny fiangonana?

Misiônera ao an- Tokantrano sy any lvelany

Lohahevitra:

Ny Iraky ny Fiangonana eo An-toerana

Ahoana ny fomba hahatonga ny tanora handray anjara amin'ny iraka?

- **Hira faha-376:** Feon'i Kristy no miantso, na 366: Mamafaza voa
- **Andininy Fototra:** Matio 28:19,20
- **Hevitra Fototra:** Ny fiainana iainantsika isan'andro dia fijoroana ho vavolombelona mahery ny amin'ny hery manovan'ny fahasoavan'i Jesôsy.

Fampidirana

Ny hafatra androany dia hampianatra antsika amin'ny Iraky ny Fiangonana. Hijery isika ny amin'ny fomba hahatonga ny tanora handray anjara amin'ny iraka. Misy anjara asa ho an'ny rehetra mandrakariva amin'ny fanatanterahana ny iraka izay nomen'Andriamanitra ny fiangonany. Maro ireo fikambanana sy orinasa amin'izao fotoana izao no mampiseho ny fanambarana iraka ananany ao amin'ny efitrano fandraisana ao amin'ny birao na foibeny. Ny sasany aza mamelatra antontan-taratasy feno izay ahitana ny vina sy ny fanambarana iraka ary koa ny tanjona stratejika izay kendren'ny orinasa.

Ny Baiboly no antontan-taratasy ôfisialin'Andriamanitra izay mamaritra ny drafitra ho famonjena ny olombelona. Io drafitry ny famonjena io no ventin'ny plana stratejikan'Andriamanitra amin'ny ankapobeny. Ny boky sy toko tsirairay avy ao amin'ny Baiboly dia manome fanambarana sy fanazavana amin'ny tsipiriany ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny famonjena ny olombelona.

Rehefa tonga teto an-tany i Jesôsy dia nanome fanambarana iraka tsotra sy mazava kokoa ho an'ny fiangonany. Izany fanambarana izany dia hita ao amin'ny Matio 28:19,20. Handany fotoana isika ao amin'ny hafatra androany handinihana ireto manaraka ireto:

- a. Inona no irak'i Kristy ho an'ny fiangonany?
- b. Ahoana no ahafahan'ny tanora mandray anjara amin'ny iraka ankapoben'ny fiangonan'Andriamanitra?

- d. Hamantatra ireo fahafaha-manao manokana sy ireo fikasana amin'ny iraka izay efa nandraisan'ny tanora anjara ary mbola azony andraisana anjara isika.
- e. Farany, hisy ny antso ho an'ny tanora tsirairay avy hanolotena handray anjara mavitrika amin'ny iraka eo an-toerana sy any ampitan-dranomasina.

Toriteny

Ny ankamaroanareo izay mamaky ity dia mbola tanora loatra ka tsy mahatadidy ny ny fotoana niantsoana ny Tanora Advantista hoe Mpanompo Vonona. Ny sasany amin'ireo mpitarika dia mety mahatadidy ny hira izay nohiraina tamin'izany. Tahaka izao ny tonony:

“Ny Mpanompo Vonona dia midika ho tena fanompoana,

Eo am-pitondrantsika ny hafatry ny filazantsara ho an'izao tontolo izao.

Mpilatsaka an-tsitrapo, Mpilatsaka an-tsitrapo, tiako izany anarana izany,

Mpilatsaka an-tsitrapo, Mpilatsaka an-tsitrapo, Jesôsy no torina.

Miasa am-pahatokiana isan'andro izahay,

Hatramin'izao sy mandritra ireo taona ho avy.

M – midika hoe Mpanompo na Misiônera isika

V – midika hoe Vonona, milatsaka an-tsitrapo.”

Izany no hiaka tamin'ireo fandaharan'ny tanora rehetra. Nanana firehetampo sy fahavitrihana ny tanora handray anjara amin'ny fanompoana an'Andriamanitra isaky ny nohiraina izany hira faneva izany. Androany isika dia handany fotoana hizarana ny fomba hahafahan'ny tanora ho misiônera mavitrika eo amin'ny fiangonana eo an-toerana misy azy.

Omaly isika dia nametraka ny famaritana ara-Baiboly ny amin'ny atao hoe fiangonana. Araka izany famaritana izany dia ireo izay mambran'ny fiangonana no antsoina handeha sy hamokatra mambra vaovao. Tamin'ny fiantombohan'ny hafatra omaly dia nametraka isika fa ny mpanorina ny fiangonana dia i Jesôsy Kristy. Fomba hafa ilazana izany ihany koa ny hoe miorina eo amin'i Jesôsy Kristy ny fiangonana.

Midika izany fa ireo rehetra lasa mambran'ny fiangonana Kristianina dia lasa mandray anjara amin'ny vatan'i Kristy, ary noho izany dia mandray ny toromarika avy Aminy, izay *Loha sy Fototry* ny fiangonana. Taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, ary talohan'ny niverenany tany an-danitra, dia nanome iraka manokana sy mazava ho an'ny mpianany i Kristy.

Izany iraka izany dia hita ao amin'ny Mat. 28, andininy 19 sy 20, ary manao hoe:

“koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny

Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.”

Io andalana ao amin'ny Soratra Masina io dia fantatra kokoa amin'ny anarana hoe “Ilay Iraka Lehibe”. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia io no fanambarana iraka nomen'i Kristy ho an'ny fiangonany. Satria ny fiangonana dia tsy toerana hita maso fa ny mpino nantsoina manokana no mandrafitra vatana iray; io iraka io dia ho an'ireo rehetra izay nantsoina manokana. Io no fanambarana iraka ho an'ireo rehetra izay ao anatin'ny vatan'i Kristy amin'ny fotoana rehetra.

Ahoana no ahafantarantsika izany? Satria milaza Izy ao ami'ilay andalana hoe: “(...) *ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.*” Ny andrasan'i Kristy amin'ny mpanaraka mahatoky Azy dia ny hanatanteraka io iraka manan-danja io raha mbola misy izao tontolo izao, raha mbola misy fanahy iray tavela tokony hampianarina sy hovonjena.

Andeha indray aloha aho hanao fanavahana iray tena manan-danja ao amin'ny teôlôjiansika.

Satria, raha toa ka diso ny teôlôjia na fampianarana na foto-pinoantsika, dia ho diso koa ny fampiharana ataontsika, ny fitondran-tenantsika ary ny fomba fiangonantsika. Ity iraka ity dia tsy nomena ho an'ny sasany voatokana ao amin'ny fiangonana. Tsy iraka ho an'ireo apôstôly, na evanjelista, na pasitora, na mpitarika fiangonana fotsiny izany. Io iraka io dia ho an'ny fiangonana, ho an'ireo nantsoina manokana, ho an'ireo rehetra ao anatin'ny vatan'i Kristy.

Ny toromarika nomena ireo izay nantsoina manokana dia ny handeha sy hanao mpianatra na mpanara-dia izay hanaraka azy ireo avy eo hanao mpianatra hafa hatrany hatrany mandra-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao. Vaovao mahataitra sy mahaliana ho ahy izany. Tena faly sy mientanentana aho mahafantatra fa ny antony mahatonga ahy ho ao anatin'ny fiangonana amin'izao fotoana izao dia noho ny olona iray teo alohako izay nahatoky tamin'ny asany ary nanaraka ny iraka navelan'i Jesôsy taonjato maro lasa.

Mba alaivo sary an-tsaina hoe inona no mety ho nitranga raha toa ka nilaza ny andiana mpianatra iray 500 taona teo aloha hoe tsy ilaina na tsy tokony hatao intsony izany. Efa ampy ny mpianatra ananantsika, na efa tsy ilaina intsony ilay iraka. Andeha hatsahatra ny fampianarana sy ny fitoriana ny filazantsara. Efa voavonjy avokoa ireo rehetra izay tokony hovonjena. Afaka mijanona tsy manao mpianatra intsony isika.

Mino aho fa azonao ny tiana holazaina. Tsy misy mihitsy ny fotoana amin'ny tantaran'izao tontolo izao izay azo ilazana hoe tsy ilaina intsony na efa lany andro ny iraka. Raha tsy izany izaho sy ianao dia tsy nahazo ny tombontsoa ho anisan'ity hetsika lehibe izay ahitana ny vatan'i Kristy ity. Ary mihoatra noho izany, mety ho lasa vahoaka tsy manam-panantenana na fahafahana hovonjena isika.

Misy anjara asa ho an'ireo pasitora sy loholona ve ny iraka lehibe amin'izao fotoana izao? Eny, misy tokoa. Misy anjara asa ho an'ireo diakona sy evanjelista ary mpiasa ara-pilazantsara ve? Tena misy. Misy anjara asa ho an'ireo mpampiele boky sy mpampianatra ary mpitsabo ve? Misy tokoa. Ary misy anjara asa ho

an'ireo tanora ve ny fanatanterahana ny iraka lehibe? Efa fantatrao. Eny, misy anjara asa ho azy ireo. Manana anjara asa aho, manana anjara asa lehibe avokoa isika rehetra amin'ny fanatanterahana ny irak'i Kristy.

Raha tena jerena, ny tanora dia afaka mampisy vokany sy fiantraikany amin'ny tanora hafa izay tsy vitan'ny pasitora sy ny mpitarika. Ny tanora dia manana hery miasa mangina eo amin'ny namany izay tsy ananan'ny olon-dehibe na ny evanjelista. Amin'ny maha-ampahan'ny vatan'i Kristy anao dia manana toerana manokana sy tsara izay tsy ananan'ny olona hafa ianao. Tsy vitan'ny hoe afaka mifanerasera amin'ireo namana sy sakaizanao ianao fa afaka mijery koa ny tontolo lehiben'ny teknôlôjia sy ny tambajotra sôsialy. Manana hery miasa mangina sy fitaovana izay toa tsy voakitika sy tsy ampiasaina akory ianao.

“Na manao ahoana ny habe na hakelin'ny talenta anananao, dia tsarovy fa nomena anao ireo ho fanehoam-pitokiana ihany. Tsapain'Andriamanitra ianao hahafahanao maneho raha marina ianao. Ananany trosa mikasika ireo fahaizana rehetra ireo ianao. Azy ny herim-batana, herin-tsaina, herim-panahy anananao ary ho Azy no hampiasana ireo rehetra ireo. Ny fotoanao, ny hery miasa mangina avy aminao, ny fahaizanao, ny hakinganao, dia hampamoahina eo anatrehany izay nanome ireny. Izay mitady hanatanteraka amin'ny fo rehetra ny draftra lehiben'Andriamanitra hanavotana ny olombelona no mampiasa amin'izay tsara indrindra ny talentany.” - Hafatra ho an'ny tanora, t. 34

Maro ireo fiangonana izay mandeha ra sy sempotra satria tsy misy tanora na koa misy fahafahana sy fitaovan'ny tanora tsy ampiasaina akory fa mipetra-potsiny. Tsy hampientana sy hahafaly ve raha afaka manainga sy manosika ny mpianatra ireo mpitarika tanora mba hahafahan'izy ireo hanolotena amin'ny iraka izay navelan'i Jesôsy ho an'ireo mpanara-dia Azy rehetra? Tsy fotoana mety ve izao hitondrana ny tanora hiverina amin'ny fampianaran'ny Soratra Masina ary hanaingana azy ireo hampiasa ny fanomezam-pahasoavana sy talenta ananany hanampy amin'ny fanatanterahana ilay iraka lehibe?

“Raha miaraka amin'izay azon'izany andian-tafika miasa izay ahitana ny tanorantsika, voaofana ara-dalàna izany omena, moa tsy hiparitaka haingana amin'izao tontolo izao ny hafatr'Ilay Mpamonjy voahombo sy nitsangana tamin'ny maty ary ho avy tsy ho ela!” (Education, ” p. 271)

Ry tanora, ianao dia ampahan'ny vatan'i Kristy, anisan'ireo nantsoina manokana, anisan'ny fiangonana, tahaka ny hafa rehetra. Mandania fotoana izao anio izao hamakiana indray ilay iraka lehibe izay nomen'ny Kômandinao sy sakaizanao dia i Jesôsy Kristy.

“koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mpianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.” - Matio 28:19, 20

Ny fanontaniana lehibe izay hodinihina androany dia ny hoe 'amin'ny fomba ahoana'. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny tanora ho lasa mpandray anjara mavitrika amin'ny iraky ny fiangonana? Aiza no ahitantsika asa fanompoana tena ilaina? Ahoana no ahafahantsika hanolo-tena sy handray anjara?

Mahazo fanontaniana tahaka izany matetika aho. Raha ny tena marina, amin'ny maha-pasitora ahy dia izaho matetika no olona hatonina ahazoana valiny na fomba fijery mahakasika ireo karazam-panontaniana ireo. Raha misy fanontaniana izay tsy voavalin'ireo mpitarika dia tsotra ny vahaolana, anontanio ny pasitora. Ary marina izany, satria ny pasitora, amin'ny maha-mpitarika ara-panahy ny vatan'i Kristy azy, dia tokony hanao laharam-pahamehana ny fanomezana safidy maro samy hafa amin'ny fampandraisana anjara ny mambra rehetra amin'ny iraky ny fiangonana.

Noho izany, ahoana no ahafahan'ny tanora hanolo-tena amin'ny iraky ny fiangonana? (*Fantatro tsara fa tsy voatery hanana fanomezam-pahasoavana na talenta mitovy ny rehetra. Hojerentsika amin'ny famelabelarana rahampitso ny momba ny fanomezam-pahasoavana.*)

Fa amin'izao fotoana izao, raha mivory hiara-hivavaka eto isika, dia maro ireo tanora izay mahatsapa antso manokana amin'ny iraka ary nanokana taona iray na roa hialana amin'ny tokantranony ary handehanana mankany amin'ny firenena hafa hizara ny filazantsara. Mety tsy mandeha any ampitan-dranomasina ny sasany, fa manolo-tena hanompo ao amin'ny fireneny ihany, any amin'ireo toerana tsara indrindra ahafahany mampiasa ny talentany amin'ny fahafenoany amin'ny asa fanompoana.

Maro ireo tanora izay miara-miasa amin'ny pasitora sy mpiasa lahika ao amin'ireo rantsana maro samihafa amin'ny ezaka misiônera. Ireo mpitendry mozika manan-talenta dia mizara ny filazantsara amin'ny hira sy mozika. Ireo tanora izay matihanina amin'ny fitsaboana sy fikarakarana ny fahasalamana dia manolo-tena hiara-miasa amin'ireo mpitandrina amin'ny fanaovana asa fanompoana maro samihafa, avy amin'ny fampianarana mahandro sakafo ka hatramin'ny fanaovana lahateny amin'ny resaka fahasalamana ary fitondrana toeram-pitsaboana.

Ireo tanora izay matihanina amin'ny fananganana trano dia nanao dia lehibe nilatsaka antsitra-po hiasa hanangana toerana hanaovana fotoam-pivavahana any amin'ireo vohitra sy tanàna lavitra, manerana izao tontolo izao. Ny fizarana ny filazantsara dia tsy midika ho fitorian-teny fotsiny ihany. Ireo tanora izay matihanina amin'ny teknôlôjia dia milatsaka an-tsitrapo hanampy amin'ny fampitana ny filazantsara amin'ny alalan'ny onjampeo sy fahitalavitra na ireo sehatra maro samihafa ao amin'ny aterineto.

Mety mbola mahatsapa ianao fa amin'ny maha-tanora anao dia tsy misy toerana ho anao. Tsy mahay mitendry zava-maneno, na mihira, na mandaha-teny amin'ny resaka fahasalamana, na manao asa fananganana ianao. Kanefa ianao dia mpampianatra, mpanolo-tsaina na mahay mivavaka mafy amin'Andriamanitra. Mety mitondra fitaovana fotsiny no ataonao, tahaka an'i Arona; na koa mandamina ny fitaovana, na manasa ny fiarahamonina. Tena maro tokoa ireo fomba ahazoanao manampy amin'ny iraky ny fizarana ny filazantsara.

Ny tena zava-dehibe dia ny fahafahan'ny tanora ho lasa fijoroana ho vavolombelona mahery vaika eo amin'ny fomba fiainany ny amin'ny fahasovana sy famonjen'Andriamanitra. Ny fomba iainantsika isan'andro dia efa fijoroana ho vavolombelona, fanambarana velona ny amin'ny hery manovan'ny fahasovan'Andriamanitra. N'aiza n'aiza alehantsika dia mitory ny filazantsara isika, manisy fiantraikany eo amin'ny olona amin'ny alalan'ny fitondran-tenantsika, ny tenantsika, ny fihetsika asehontsika. Mahery vaika

kokoa ny filazantsara rehefa iainana sy ampiharina noho ny filazana sy fampianarana izany fotsiny.

Betsaka ny fanafenana misy eo amin'ireo toerana ambony amin'izao fotoana izao, ary mety ho lasa fijoroana ho vavolombelona mahery vaika ho an'i Jesosy ny fahadiovana sy ny fanaovana ny marina ary fanehoana traikefa tsara any amin'ny toeram-piasana. Ny fitenintsika mihitsy, sy ny fisehontsika ary ny fahasamihafana eo amin'ny zavatra hanintsika sy tsy hanintsika rehefa sakafo antoandro dia afaka hanokatra varavarana hijoroantsika ho vavolombelona. Tsy tokony hataontsika ho ambanin-javatra mihitsy ny fiantraikan'ny fahazarantsika sy fomba fiainantsika isan'andro. Vavolombelon'Andriamanitra isika na aiza na aiza ipetrahantsika, na iasantsika na ilalaovantsika. Ny toriteny izay misy fiantraikany maharitra indrindra dia tsy ireo izay lazain'ny vava fa ireo izay hitan'ny maso.

Izany no nahatonga ny Departemantan'ny Tanora eo anivon'ny Foibe Maneran-tany hametraka ny hetsika antsoina hoe “Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora” tamin'ny taona 2013. Io hetsika io dia natao manokana hampandraisana anjara ny tanora amin'ny asa fanasoavana sy fiantrana isaky ny Sabata fahatelo amin'ny volana Martsa. Tanora ana hetsiny manerana ny tany no mitondra ny filazantsara eny an-dalambe amin'ny fomba azo ampiharina. Araka ny topy maso hita ao amin'ny tranonkalan'ny Departemantan'ny Tanora eo anivon'ny Foibe Maneran-tany dia:

Ny vinan'ny Andro Manerantany ho an'ny Tanora dia ny hamerina indray ny tena maha-izy azy ny Tanora Advantista amin'ny maha-hetsika maneran-tany azy izay manao asa fanompoana sy mandray anjara amin'ny fanambarana ny filazantsara mandrakizay ary manomana ho amin'ny fiverenan'i Jesôsy Kristy fanindroany. Ny finoana ara-pivavahana dia mihoatra lavitra noho ny fandehanana any am-piangonana sy fihainoana toriteny fotsiny. Ny tena fampiharana ny fivavahana dia ahitana ny fanambarana ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiainana ny iraky ny filazantsara napetrak'i Jesôsy nialoha ny niakarany tany an-danitra, dia ny fampitodihana an'izao tontolo sahirana sy very fanantenana izao mankany amin'ilay fanantenana faratampon'ny tontolo tsara kokoa izay namboariny ho antsika amin'ny alalan'ny fanaovana ireo asa tsy misy fitiavan-tena rehetra azontsika atao. Ny foto-kevitra ny Andro Maneran-tany ho an'ny Tanora dia miorina ao amin'ny teny famaranana nolazain'i Jesôsy tao amin'ny fanoharan'ny Samaritana Tsara Fanahy: “Mandehana hianao, ka mba manaova toy izany koa” (Lio. 10:25-37), ary mitondra ny anarana hoe “Ianao no toriteny”.

Amin'io Sabata iray ao anatin'ny taona io, ny tanora dia mikendry ny ho toriteny, fa tsy mandeha mihaino na manao toriteny mahazatra. Izany no tena fitiavana am-perinasa. Izany no tena fanatanterahana araka ny tokony ho izy ny Iraka Lehibe avy amin'i Jesôsy, dia ny hitoriana ny filazantsara amin'izao tontolo izao. Tsy misy fifaliana lehibe mihoatra noho ny fanarahana ny dian-tongotr'i Jesôsy, ny ho lasa tanany sy tongony amin'ny fanisiana fiantraikany sy fanovana fiainana ho amin'ny tsara kokoa.

Ny tanora koa dia manao asa fanompoana isan-tSabata amin'ny fampandrosoana sy fampiantranoana. Ny sasany amin'izy ireo dia tena manana traikefa amin'ny

fikarakarana sy fizarana sakafo. Araka ny nambaran'i Sôlômôna, ilay lehilahy Hendry hoe: "Izay rehetra azon'ny tananao atao dia ataovy amin'ny herinao." Tsy misy ny fetrany amin'izay azo ampiasana ny tenan'ny olona iray izay manaisotra ny izaho ary mamela ny Fanahy Masina hampiasa azy.

Ny vavaka asandratro dia ny hanaovanao ny fanambarana ny irak'i Kristy ho fanambarana ny irakao manokana. Raha fintinina, aza hadinoina mihitsy fa ny antony mahatonga anao ho anisan'ny fianakaviamben'Andriamanitra amin'izao fotoana izao dia satria nahatoky tamin'ny iraka lehibe ireo mpianatra teo alohanao. Nozarainy tamin'ny olona iray izany, izay nizara izany tamin'ny olona hafa izay nizara izany taminao, mba hahatonga anao ho voavonjy amin'ny alalan'ny fahasovan'Andriamanitra.

Mety ho ny rainao na ny reninao io olona izay nizara ny vaovao mahafaly taminao io, nefa tadidio: nizara izy ireo. Mety ho namanao na mpiara-belona aminao io olona io, nefa tadidio: nizara izy ireo. Mety ho mpiara-mianatra aminao na mpampianatra io olona io. Kanefa nizara izy ireo. Mety ho pasitora na evanjelista io olona io. Kanefa nizara izy ireo. Andriamanitra dia nanana mpianatra mahatoky sy vonona ary mpankatò mandrakariva izay nizara tamim-pitiavana ny hafatry ny famonjena izay anananao sy ananako fahafahana mizara amin'izao fotoana izao.

Mahafantatra olona ve ianao ao amin'ny vondrona misy anao, na fiarahamonina, na sekoly misy anao, na toerana hafa izay mbola mila famonjena? Mahafantatra olona ve ianao izay mety ho voaova amin'ny tsara kokoa ny fiainany raha fantany ny zavatra azon'Andriamanitra atao ho azy tahaka izay nataony ho anao? Manana fanomezam-pahasoavana na talenta na zavatra hafa ve ianao izay azonao ampiasaina hanampiana izany olona izany ho lasa mpianatr'i Jesôsy?

Andeha isika handany minitra vitsivitsy ivavahana amin'izao ankehitriny izao hangatahanao amin'Andriamanitra ny hametrahan'ny olona iray ao am-ponao izay azonao trararina ho Azy.

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra:

1. Nahoana no antsoina hoe "Ilay Iraka Lehibe" ny Mat. 28:19,20?
2. Inona ny anjara asan'ireo rehetra izay mpanara-dia na mpianatr'i Jesôsy mifandray amin'ny iraka?
3. Mifanakaloza hevitra ny amin'ny dikany ho an'ny tenanao manokana momba ny teny fikasana nomen'i Jesôsy fa momba antsika mandra-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.

Mandray ny fanomezam-pahasoavako

Lohahevitra:

Ny Anjara Asan'ny Fiangonana eo An-toerana na ny Vatan'i Kristy (Fiangonana eo An-toerana)

Izany dia mifandray amin'ireo Fanomezam-pahasoavana Ara-panahy sy ny fomba ahafahan'ny tanora mampiasa azy ireo amin'ny asa fanompoana ao amin'ireo hetsiky ny fiangonana.

- **Andininy Fototra:** Joe. 2:28,29
- **Hevitra Fototra:** Ny tsirairay avy amintsika, na tanora na antitra dia manana fanomezam-pahasoavana ara-panahy, izay tokony hampirisihina sy hampivelarina ho amin'ny fampitomboana ny vatan'i Kristy sy ny asa fanompoana.

Fampidirana

Androany isika dia hifantoka amin'ireo anjara asan'ny Fiangonana na ny Vatan'i Kristy, izay mifandray amin'ireo Fanomezam-pahasoavana Ara-panahy sy ny fomba ahafahan'ny tanora mampiasa azy ireo amin'ny asa fanompoana ao amin'ireo hetsiky ny fiangonana. Omena ho an'ireo mpianatr'i Jesôsy Kristy tsirairay avy ny Fanahy Masin'Andriamanitra. Tamin'ny andron'ny Pentekôsta dia nisy firosahan'ny Fanahy Masina izay tsy nisy hatramin'izay ho fanatanterahana ny faminiana nomen'i Joela ao amin'ny toko 2:27,28.

Andriamanitra Fanahy Masina dia manome fanomezam-pahasoavana ara-panahy ho an'ny mambran'ny fiangonan'Andriamanitra tsirairay avy. Ireny fanomezam-pahasoavana ireny dia ampiasaina ho amin'ny fampitomboana ny vatan'i Kristy sy ny asa fanompoana. Ilaina ny fanomezam-pahasoavana sy fahaiza-manao rehetra amin'ny fanatanterahana ny iraka.

Ny tanora dia manana fanomezam-pahasoavana manokana amin'ny fahaiza-manao sy ny fahalalana sasany izay mety tena hahomby amin'ny asa fanompoana.

Misy ny olona sasany izay mihevitra fa tsy manana fanomezam-pahasoavana na talenta, na tsy mahay mamantatra ny fanomezam-pahasoavana ananany. Ny tanora dia afaka mandray tombontsoa avy amin'ny hevitra ny mpanoro hevitra ara-panahy amin'ny fanampiana azy ireo hamantatra ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy ananany. Fanampin'izany, dia misy ireo fitaovana

ara-panahy maro samihafa izay afaka manampy amin'izany dingana izany. Hita any amin'ny faran'ity famelabelarana androany ity ny iray amin'ireo fitaovana ireo.

Androany isika dia haka fotoana mba:

- a. Hianatra bebe kokoa ny amin'ny anjara asan'ny Fanahy Masina
- b. Hamantatra ireo fanomezam-pahasoavana sy fahaiza-manao ao amin'ny fiangonana eo an-toerana.
- d. Hanakatra ny antony ilàna ny fanomezam-pahasoavana sy fahaiza-manao rehetra amin'ny fanatanterahana ny iraka.
- e. Hijery ny lisitr'ireo fanomezam-pahasoavana mba hamantarana ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy manokana izay anananao.

Toriteny

Tena mahagaga sy mampientana ny mahafantatra fa raha nifidy lehilahy sy vehivavy handray anjara amin'ny hetsika maneran-tany napetrany Izy, dia nijery lehilahy sy vehivavy tsotra mba handrafitra ny vatan'i Kristy, dia ny fiangonana, na ireo izay nantsoina manokana. Na monina any amin'ny vohitra kely na tanàn-dehibe isika, na any amin'ny tanàna madinika na any amin'ny faritra ambanivohitra, na aiza na aiza misy vondrona mpino mandrafitra ny vatan'i Kristy, dia misy mandrakariva ny fanokanana ny fiainantsika ho mpandray anjara mavitrika amin'ny hetsika manerantany napetrany.

Inona no tanjon'izany? Tsy vitan'Andriamanitra irery ve ny manao ireo anjara asa rehetra ao amin'ny fiangonana? Nahoana Izy no mila ahy handray anjara amin'ny famonjena ny olombelona? Tsy tombontsoa manokana ho an'Andriamanitra irery ve izany? Tena mila ahy ho mpandray anjara mavitrika ao amin'ny fiangonana misy ahy ve Andriamanitra? Ireo no fanontaniana sasany hojerena manokana raha manohy ny resadresaka momba ny fiangonan'Andriamanitra isika.

Mba lazao amiko hoe inona no heverinao fa hitranga raha indray andro misy mpamboly ovy avy any ambanivohitra tonga ao amin'ny Sekoly na Oniversite misy anao ary manao lahateny mahakasika ny Lalan-tsain'i Einstein momba ny "Relativité" na ny Lalàn'i Newton momba ny fihetsehana (Einstein's Theory of Relativity or Newton's Laws of Motion) na taranja hafa mitovy amin'izany? Inona no mety hasehona voalohany? Mety ho fahatairana na tsy finoana. *Tena tsy mampino. Tena izao mihitsy ve no mitranga?* Izany koa angamba no mety ho navaliko.

Izao indray, alaivo sary an-tsaina hoe tanora avy any Egipta ianao, mandehandeha eny an-dàlamben'i Jerosalema indray maraina, ary maheno antokon'olona izay mpanarato ny ankamaroany, tsy nahazo fampianarana akory nefa miresaka mampiasa ny tenin-drazanao. Ary, tsy Egiptianina ireo olona ireo fa Jiosy avy ao Jerosalema izay mampiasa ny fiteny Grika na Hebreo amin'ny ankapobeny, fa tsy fiteny Arabo na Arameanina.

Nefa isika dia mamaky ao amin'ny Asan'ny Apôstôly toko faharoa fa nisy olona sasany nanao izany mihitsy. Tamin'ny andron'ny Pentekôsta, dia nirotsaka tamin'ny vondrona mpino vitsivitsy izay niangona tao amin'ny efitrano ambony ny Fanahy Masina. Nitsangana i Petera ary nanomboka nitoriteny teo amin'ny vahoaka lehibe izay tonga tao Jerosalema hankalaza ny fetin'ny Paska. Milaza ny Baiboly fa raha mbola niteny Izy, ireo mpianatra hafa, izay mpanarato tsy nandalo fianarana ny ankamaroany, dia nanomboka nandika ny toritenin'i Petera tamin'ny fitenin'ny olona izay tonga avy amin'ny firenena maro samihafa hankalaza ny fetin'ny Paska.

Nandritra ny famelabelarana nataony dia nolazainy ny faminiana ao amin'ny bokin'i Joela.

“Ary rehefa afaka izany, dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho; Dia haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana; Ary na dia ny mpanompolahy sy ny mpanompovavy aza dia handatsahako ny Fanahiko amin'izany andro izany.” (Joe. 3:1,2)

Ny mpaminany Joela dia efa nahita mialoha ny amin'ny fisehoan'ny Fanahy Masina amin'ny andro farany izay tsy mbola nisy mihitsy teo aloha. Fanehoan-talenta mahagaga sy mampiantanentana izay ho hita rehefa mandray ny firosahan'ny Fanahy Masina ny tanora sy ny antitra araka ny faminiana'ny mpaminany Joela. Talenta sy fanomezam-pahasoavana ary fahaiza-manao izay tsy mbola hita mihitsy no hiseho eo amin'ireo izay omen'Andriamanitra izany fanomezana izany. Araka ny lazain'ny mpaminany dia hahazo fahitana sy fanambarana momba ny tanjon'Andriamanitra ho an'ny fiainany ny tanora. Izany dia hamafisina sy ekena amin'ny alalan'ny fahendrena omena ireo Kristianina zokiny ao anaty nofy.

Ny Fahatanterahana

Io faminiana io dia nambaran'i Petera fa tanteraka amin'ny ampahany tamin'ny Pentekôsta, kanefa tahaka ireo faminiana maro hafa ao amin'ny Baiboly, dia misy lafiny roa ary mbola mifandray sy azo ampiharina tsara amin'izao andro farany izao. Ny apôstôly Paoly dia milaza ny anjara asan'ny Fanahy Masina amin'ny fanomezana sy fizarana ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny fiangonan'Andriamanitra. Ao amin'ny 1 Kôr. 12:4–11, dia mamaritra karazana fanomezam-pahasoavana maro samihafa izay omen'ny Fanahy Masina ho an'ny mpino Kristianina izy. Anisan'izany ny fanomezam-pahasoavan'ny mpampianatra, ny mpitarika ara-panjakana, ny pasitora, ny mpanampy, ary ny maro hafa.

Manoratra i Ellen White hoe:

“Nametraka fanomezam-pahasoavana maro samihafa ao amin'ny fiangonana Andriamanitra. Sarobidy ireny eo amin'ny toerana tokony hisy azy ary afaka mandray anjara avokoa ny rehetra amin'ny asa fanomanana ny olona amin'ny fiverenan'i Kristy tsy ho ela.” (*Gospel Workers*, t. 481)

Tena mazava tsara ao amin'ny Soratra Masina fa tsy drafitr'Andriamanitra ny hitoeran'ny fanomezam-pahasoavana rehetra ao amin'ny olona iray. Tahaka izany koa, mazava tsara fa Andriamanitra dia maniry sy miasa mba hahazoan'ireo rehetra izay nateraka indray ao amin'ny Fanahy Masina,

fanomezam-pahasoavana iray na mihoatra. Mariho tsara fa ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy dia tsy talenta voajanahary, izay ananan'ny olona rehetra, fa ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy dia natokana ho an'ireo Kristianina nateraka indray. Ny fanomezam-pahasoavana rehetra, anisan'izany ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana sy ny fahasoavana, dia omen'ny Fanahy Masin'Andriamanitra ho an'ny zanak'olombelona. Tombontsoantsika ny mandray sy mampiasa izany ho amin'ny tanjona izay kendren'Andriamanitra. Amin'ny maha-mpianatra Kristianina azy, ny Tanora Advantista tsirairay dia afaka mahazo antoka fa azony raisina izany fanomezam-pahasoavana izany, tahaka ny Kristianina rehetra, na tanora na antitra, na matotra na tsia.

Ny Teny Fikasana

Nanome teny fikasana ho an'ny mpianany i Jesôsy nialoha ny nialany teto amin'izao tontolo izao fa handefa mpananatra hafa, izay nambarany fa ny Fanahy Masina izany. Araka ny namberan'i Jesôsy, ny Fanahy Masina, ankoatra ny asa hafa, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana. Ny Fanahy Masina dia mbola miasa sy mihetsika amin'ny fiainana andavanandron'ny olona rehetra, na tsapantsika izany na tsia. Anisan'ny anjara asan'ny Fanahy Masina ny fizarana fanomezam-pahasoavana ho an'ny zanak'Andriamanitra. Miovaova araka ny fahaiza-manao sy fahamatorana Kristianina ananantsika ireny fanomezam-pahasoavana ireny. Ny fanomezam-pahasoavana rehetra dia nomena mba hampitomboana ny fiangonan'Andriamanitra sy hanampiana ny mpianatra rehetra amin'ny asa fanompoana.

“Ianareo no Vatan'i Kristy. Noho izany, ny Soratra Masina sy ny tomban-kevitra ao amin'ny fiangonana dia matetika tsy mifanaraka; ny endrika ivelany toa milaza fa tsy manana fanomezam-pahasoavana ny fiangonana, ny Soratra Masina kosa milaza hoe ‘Tsy marina izany! Ianareo no Vatan'i Kristy.’ Raha raisintsika amin'ny teniny Andriamanitra dia tokony hino isika fa efa nanome Izy, na farafaharatsiny vonona hanome ho an'ny fiangonana ny fanomezam-pahasoavana rehetra ilaina amin'ny fiainana, ny fahasalamana, ny fitomboana ary ny asa fanompoana.”

– John Stott

Noho izany, ahoana no ahafantarako ny fanomezam-pahasoavana ananako? Na, manana fanomezam-pahasoavana ve aho? Ahoana moa raha tsy nahazo ny fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy Masina aho? Mety afaka hanana fanomezam-pahasoavana ve aho raha toa ka tsy feno ny Fanahy Masina?

Izao no valiny tsotra ho an'ireo fanontaniana ireo: rehefa lasa ampahany amin'ny vatan'i Jesôsy Kristy isika dia tokony heverina fa manana ny Fanahy Masina. Ny Fanahy Masin'Andriamanitra no manosika ao am-pon'ny lehilahy sy vehivavy ny faniriana hanaiky an'i Jesôsy sy ho lasa ampahany amin'ny vatany sy ireo nantsoiny manokana. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia i Jesôsy no mitarika antsika ho eo Aminy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Ny Fanahy no manintona ny lehilahy sy vehivavy ho eo amin'i Jesôsy. Milaza i Jesôsy hoe: “*Ny fanahy no mahavelona; ny nofo tsy mahasoana na inona na inona; ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana.*” – Jaô. 6:63. Ao amin'ny

Jaona 16:8 dia milaza Izy fa ny Fanahy Masina no mampiaiky antsika ny fahotana. Rehefa manaiky an'i Jesôsy Kristy ho Tompo sy Mpamonjy ianao ary manapa-kevitra ny ho lasa ampahany amin'ny vatany, ny fiangonany dia efa mandray ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina. Ny fahamarinana hafa dia izao: ireo rehetra izay manana ny Fanahy Masina dia manana fara fahakeliny fanomezam-pahasoavana iray avy amin'ny Fanahy.

Maro ny fomba azo hamantarana ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy, fa ny fomba tsotra indrindra dia ny fahitan'ireo mambra hafa ao amin'ny vatan'i Kristy. Mampirisika ny tanorantsika rehetra aho hihevitra am-bavaka ny hanao ny Fanombanana ny Fanomezam-pahasoavana Ara-panahy. Azonao jerena any amin'ny tranonkalan'ny Departemantan'ny Tanora eo anivon'ny Foibe Maneran-tany izany (<https://youth.adventist.org/Resources/Spiritual-Gifts-Assessment>). Io fitaovana io dia tena manampy amin'ny fijerena ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy anananao ary hamantarana ireo herinao amin'ny iraka izay niantsoana anao.

Ny tsirairay avy amintsika, na tanora na antitra dia manana fanomezam-pahasoavana ara-panahy. Ireny fanomezam-pahasoavana ireny dia tokony hampirisihina sy hampivelarina ho fampitomboana ny vatan'i Kristy sy ny asa fanompoana. Talohan'ny nisian'ny fitaovana fanombanana ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy dia efa nampiasa ny fanomezam-pahasoavana nananany ireo mambran'ny vatan'Andriamanitra hampitomboana ny fiangonany. Tamin'ny fotoana maro dia ireo izay manana fahaiza-manavaka tao amin'ny vatan'i Kristy no mahita sy manaiky ireny fanomezam-pahasoavana ireny. Ny fanahin'ny fahaiza-manavaka ihany no fitaovana nananan'izy ireo hanaovana ny lisitry ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy. Ny fanomezam-pahasoavana sasany dia mora fantarina noho ny hafa. Rehefa hitanao sy ampiasainao ao amin'ny fiangonana misy anao ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy azonao dia hisy fitomboana eo amin'ny fiainanao sy ny fiangonana anaovanao asa fanompoana.

Tena mora ny mamantatra ireo izay manana fanomezam-pahasoavana amin'ny fihirana sy ny fitendrena mozika. Ireo olona izay havanana amin'ny fampiantranoana dia mahafinaritra sy sariaka ary faly mandray mandrakariva. Ny olona sasany dia mpahandro sakafo matihanina ary mahafinaritra azy ny mikarakara sakafo ho an'ny olona rehetra. Ny sasany dia manana fanomezam-pahasoavana amin'ny fampianarana sy fizarana ny Tenin'Andriamanitra. Misy ny sasany izay mianatra fotsiny mba ahazoana antoka ny amin'ny tena fahatakarana sy dikany marina ny ao amin'ny Soratra Masina.

Ny olona sasany dia mpitarika matihanina ary manana ny fanomezam-pahasoavan'ny fandaminana sy fahaizana mizara andraikitra. Ny sasany dia notahin'Andriamanitra amin'ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana sy fahaiza-manao ara-pahasalamana. Amin'izao fotoana izao dia marobe ireo fanomezam-pahasoavana sy talenta izay ampiasaina amin'ny fanaparitahana ny filazantsara.

Lasa fitahiana lehibe ho an'ny vatan'i Kristy ireo tanora izay manana fanomezam-pahasoavana amin'ny teknôlôjian'ny haino aman-jery. Maro ireo izay nampiasa ny fanomezam-pahasoavany amin'ny teknôlôjia moderina handefasana mivantana ny fanompoam-pivavahana ao am-piangonana any

amin'ny aterineto. Ny hafa dia namorona tranonkala sy sary. Tsy misy ny fetrany amin'ny isan'ny fanomezam-pahasoavana sy talenta izay ampiasain'ny tanora ho tombontsoan'ny fiangonan'Andriamanitra.

Misy ireo toerana sasany eto ambonin'ny tany izay mety tsy tratran'ny filazantsara mihitsy tahaka ny amin'izao fotoana izao raha tsy noho ireo fanomezam-pahasoavana sy talenta mahagagan'ny tanora toa anao, izay nanokana ny talentany sy ny fotoany ho amin'ny asan'Andriamanitra.

Ny zanak'Andriamanitra rehetra dia nantsoina mba ho mpitandrina. Ny pasitora no notendrena ho mpiandry ondry. Inona ny anjara asan'ny mpiandry ondry? Ny mpiandry ondry no mikarakara ny ondry. Ny andraikiny voalohany dia ny hihazona ny filaminan'ny andian'ondry. Ny mpitandrina kosa dia mpanompo. Noho izany, notendren'Andriamanitra ny mambra tsirairay avy amin'ny adraikitra voafaritra tsara hanampy ny pasitora amin'ny asan'ny mpiandry ondry izay ataony.

Ny loholona, ny mpitarika fiangonana, ny mpandraharaha dia miasa ho mpitandrina, sy mpanampy ny pasitora; ny mambra rehetra tao amin'ny Testamenta Vaovao dia samy nandray izany anjara asa izany avokoa. Tsy olona mpitsikera mpanitsy ny rahalahiny sy mpiambina ny pasitora izy ireo; teôlôjia diso izany ary tsy ara-Baiboly.

Anisan'ny anjara asan'ny mpitarika fiangonana sy pasitora ny manofana ny mambra hampiasa ny fanomezam-pahasoavana sy talentany amin'ny fomba mahomby amin'ny iraky ny fiangonana. Ny Fanahy no mizara ny fanomezam-pahasoavana, fa isika no tokony hampiasa azy amin'ny tokony ho izy ahazoana ny tombontsoa betsaka indrindra ho an'ny fiangonana eo an-toerana. Tena manan-danja amin'ny fanatanterahana ny iraka ny fanomezam-pahasoavana sy ny tantanan'ny tanora.

Noho izany, ahoana no ahafahanao mampiasa ny fanomezam-pahasoavanao hanampiana ny fitomboan'ny fiangonana misy anao?

Mariho tsara fa ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy dia tsy talenta voajanahary (manana talenta voajanahary avokoa ny rehetra fa ny Kristianina nateraka indray ihany no manana fanomezam-pahasoavana ara-panahy).

1. Ataovy ny Fanombanana ny Fanomezam-pahasoavana Ara-panahy (<https://youth.adventist.org/Resources/Spiritual-Gifts-Assessment>).
2. Mitadiava torohevitra sy fitarihana avy amin'ireo mpanoro hevitra hendry sy mahay izay miezaka mampiasa ny talenta nomen'Andriamanitra azy ao amin'ny fiangonana.
3. Makà fotoana amin'ity herinandro ity hangatahana an'Andriamanitra hanampy anao hahafantatra ny fanomezam-pahasoavanao ary hitady fahafahana hanampy amin'ny irak'i Kristy. Angataho Izy hanampy anao hahay hanavaka ny fahasamihafan'ny tena fanomezam-pahasoavana ara-panahy marina sy ny tsy izy.
4. Mitadiava olona itokiana ao am-piangonanao ary zarao aminy ny fahazotoana na enta-mavesatrao amin'ny asa fanompoana

an'Andriamanitra. Anontanio izy raha misy ny fahafahana ahazoana mampiasa ny fanomezam-pahasoavanao amin'ny fomba mahomby.

5. Mivavaha mangataka ny fitarihana sy ny fahafenoan'ny Fanahy Masina hahatonga anao ho mpiasa mahomby ao am-piangonanao.
6. Aza kivy raha toa ka tsy misy valiny na vokany tsara dieny am-boalohany. Mahalana ny tanora no alefa eo no ho eo any amin'ny sehatra izay tena ananany talenta. Manàna faharetana ary mivavaha mandrakariva mba hanokafan'Andriamanitra varavarana ahazoanao mampiasa ny fanomezam-pahasoavanao. Indraindray mety haharitra herinandro na volana na taona maromaro izany, fa Andriamanitra dia mahatoky ary handefa olona afaka hamantatra ny fanomezam-pahasoavanao ary hanampy anao hampiasa izany amin'ny fomba mahomby.

Mety hanana fanomezam-pahasoavana mihoatra ny iray ianao. Raha izany dia takin'Andriamanitra hampiasa ny fanomezam-pahasoavana rehetra nomeny anao hanompoanao Azy ianao. Misy asa ho an'ny rehetra ao amin'ny iraka lehibe napetrak'Andriamanitra hamonjena ireo izay very. Manana asa voafaritry tsara izay tsy vitan'ny hafa ianao. Ry tanora namako, fantaro fa n'inon'inao asa nomen'Andriamanitra anao, dia tsy misy olona hafa afaka ny hanao izany. Aza mandà ny fahafahana izay omena anao hanompoana. Nomen'Andriamanitra anao hampiasaina amin'ny asa fanompoana Azy ny talentanao. Enga anie ianao hahita ny toerana mety ahafahanao mampivelatra ny fanomezam-pahasoavanao amin'ny fanompoana Azy.

Fanontaniana Hifanakalozan-kevitra:

1. Ny mpaminany Joela dia namaritra vanim-potoana izay hirotsahan'ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny tanora sy antitra, lehilahy sy vehivavy. Mifanakaloza hevitra ny amin'ny tsipirian'izany faminiana izany.
2. Inona ireo fomba ahazoanao mamantatra ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy anananao?
3. Makà fotoana hanaovana lisitra ny amin'ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy ao amin'ny Soratra Masina. Manaova lisitry ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy anananao.

Lisitry ny Fanomezam-Pahasoavana Ara-Panahy

Tranonkala: <https://youth.adventist.org/Resources/Spiritual-Gifts-Assessment>. Fanadinana manampy amin'ny famantarana ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy io.

Iza no manana ny volan'Andriamanitra?

Lohahevitra:

Ny Andraikitra ny Tanora amin'ny Fitantanana

Ahoana no ahafahan'ny tanora mandray anjara amin'ny raharaha ara-bolan'ny fiangonana eo an-toerana

- **Andininy Fototra:** 2 Kôr. 9:7
- **Hevitra Fototra:** Ny lesona manan-danja indrindra amin'ny fitantanampianana Kristianina dia ny fitiavan'Andriamanitra ahy. Ny faharoa dia Andriamanitra no nanao ahy sy izay rehetra manodidina ahy.

Fampidirana

Ny tsara indrindra taminy sy ny tenany rehetra no nomen'Andriamanitra raha nanolotra an'i Jesôsy zanany ho sorona noho ny fahotantsika Izy. Talohan'izany aza dia nomeny antsika ny zava-drehetra ao amin'ny tontolo izay noforoniny, anisan'izany ny rivotra iainantsika sy ny masoandro isan'andro. Tsy misy fomba ahafahantsika manome mihoatra noho izay nomen'Andriamanitra. Mandeha ho azy ny fanomezana amin'Andriamanitra sy ireo izay mandray tombontsoa avy amin'ny fitahiany isan'andro.

Androany isika dia handany fotoana hijery ny momba ny Fitantanampianana Kristianina. Hiresaka isika ny amin'ny andraikitra ny tanora mifandray amin'ny fanohanana ny fiangonana eo an-toerana. Indraindray dia tsy azo tsara ny foto-kevitra ara-Baiboly momba ny fitantanampianana Kristianina, ary vokat'izany dia kely ny fampianarana mifantoka amin'io sehatra io.

Hianatra isika androany fa Andriamanitra no tompon'ny zava-drehetra. Izy no nanao antsika sy ny zava-manan'aina rehetra. Ny olombelona no zavaboary mana-tsaina indrindra amin'izay rehetra noforonin'Andriamanitra. Napetrak'Andriamanitra amintsika ny fitantanana am-pahendrena ho Azy ny zavatra rehetra noforoniny. Ao anatin'izany ny zavaboary rehetra ary koa ny fotoana sy talenta ary ny harena ara-materialy ananantsika rehetra.

Ny fomba hanaovantsika laharam-pahamehana sy fampiasantsika ireny zavatra ireny dia mifandray betsaka amin'ny tombambidiny sy fankasitrahana omentsika ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra ho antsika. Handany fotoana isika handinika ny fomba ahafahan'ny tanora manohana ny fiangonana misy azy amin'ny alalan'ny fotoany sy ny talentany, ary hiresaka koa isika ny amin'ny fomba ahafahany mandray anjara amin'ny raharaha ara-bolan'ny fiangonana.

Ny hafatra androany dia mijery:

- a. Ireo singa mandrafitra fototra ao amin'ny Fitantanam-piainana Kristianina.
- b. Ny fomba ahazoan'ny tanora manome ny fotoany sy talentany hanohanana ny iraka.
- d. Ny antony ilan'Andriamanitra ny vola.
- e. Ny fomba ahafahan'ny tanora mandray anjara amin'ny raharaha ara-bolan'ny fiangonana sy ny iraka.

Toriteny

Tamin'ny tapany faran'ny taonjato faha-17, ny mpitoriteny Alemà August H. Francke dia nanorina fitaizana zaza kamboty hikarakarana ireo zaza tsy manan-kialofana tao Halle. Indray andro, raha tena nila vola hanohizana ny asany i Francke, dia nisy vehivavy mpitondratena Kristianina mahantra iray tonga teo am-baravarany nangataka vola *ducats* iray sy farantsa volamena iray. Noho ny toe-bolany anefa dia nilaza taminy tamim-panajana sy tamin'alafelo izy fa tsy afaka ny hanampy azy.

Kivy ilay vehivavy ka nanomboka nitomany. Tohina ny fon'i Francke ka nasainy niandry teo ilay vehivavy ary nandeha nankany amin'ny efitranony hivavaka izy. Rehefa avy nangataka ny fitarihan'Andriamanitra izy dia nahatsapa ny Fanahy Masina manosika azy hanova hevitra. Natoky izy fa ny Tompo no hiahy ny zavatra ilainy ary nomeny ilay vehivavy ilay vola. Roa andro taty aoriana, nahazo taratasy fisaorana avy amin'ilay vehivavy izy. Nanazava izy hoe noho ny fahalalahan-tanany dia nangataka tamin'ny Tompo izy handrotsaka fanomezana ho an'ilay fitaizana zaza kamboty. Iny andro iny ihany dia nahazo 12 *ducats* avy amin'ny vehivavy manan-karena iray i Francke ary mbola nahazo 2 mihoatra avy amin'ny namany iray tany Soeda. Nihevitra izy fa efa nahazo valisoa lehibe ny amin'ny nanampiany ilay mpitondratena, kanefa nisy nampilaza izy fa hahazo farantsa volamena 500 avy amin'ny Andriana Lodewyk Van Wurtenburg.

Rehefa naheno izany i Francke dia nitomany ranomasom-pankasitrahana. Tsy nihanahantra izy raha nanome ilay mpitondratena nila fanampiana fa vao maika aza nihananan-karena.

W. A. Criswell, *A Guidebook for Pastors*, t. 154.

L. Kraft, filohan'ny Kraft Cheese Corp., izay nanome teo ho eo amin'ny 25% amin'ny fidiram-bolany goavana ho an'ny asa Kristianina nandritra ny taona maro, dia nilaza fa “Ny hany fampiasam-bola nataoko izay nahazoako tombony mandrakariva sady nampitombo ny vola azoko dia ny vola izay nomeko an'i Jehôvah.” Nilaza i J. D. Rockefeller fa “Tsy ho afaka nanome ny ampahafolony avy amin'ny dollar iray tapitrisa voalohany azoko mihitsy aho raha tsy nanome ny karamako voalohany indrindra, izay \$1.50 isan-kerinandro.”

Ny fampiasana rehetra na amin'ny fotoana na amin'ny talenta na amin'ny fanomezam-bola izay omentsika ny asan'Andriamanitra dia hitovy mihitsy amin'ny fitahiana be dia be izay raisintsika isan'Andro. Andriamanitra no tompon'ny zava-drehetra amin'izao tontolo izao. Tsy manam-petra ny harena ananany. Raha ny tena marina, Izy no manome izay zavatra rehetra ilaintsika isan'andro. Androany isika dia haka fotoana handinihana ny fahatokian'Andriamanitra amintsika ary ny valiny omentsika Azy.

Maro ny olona miady hevitra ny amin'ny ilan'Andriamanitra na ny fiangonana vola. Satria Andriamanitra no tompon'ny zava-drehetra dia tsy afaka manome ny harena rehetra ilaina amin'ny raharahany ve Izy? Ka inona ary no tena ataon'ny fiangonana amin'ny volako? Misy fahasamihafana ve na manome aho na tsia? Ny fanomezako ve sa ny habetsahan'ny omeko no mampisy fahasamihafana lehibe amin'ny fanatanterahana ny tanjona na irak'Andriamanitra amin'ny asany eto an-tany?

Ny fanandramana ao amin'ny fiainan'ny mpitoriteny sy teôlôjianina Anglisy Andrew Fuller no maneho izany fahamarinana izany. I James Duff, ao amin'ny *Flashes of Truth*, dia mitantara ny amin'ny fotoana iray niverenan'i Fuller tany amin'ny tanàna nahaterahany hanangona vola ho an'ny misiona any ivelany. Namany taloha ny iray amin'ireo nifandray taminy. Rehefa naseho azy ny zavatra ilaina dia hoy ilay lehilahy hoe, “Satria ianao io ry Andrew, dia omeko \$5 ianao.” “Tsia,” hoy i Fuller, “tsy afaka mandray ny volanao ho an'ny asako aho, satria izaho no nomenao azy,” dia naveriny ilay vola. Azon'ilay lehilahy ny tiany holazaina. “Marina ny anao ry Andrew. Ity misy \$10 satria ho an'i Jesôsy Kristy izany.” Namarana i Duff hoe “Aoka hotadidintsika, tsy ny habetsahan'ny omentsika ho fanampiana ny asany fa ny antony manosika antsika no jeren'Andriamanitra.”

Izao no lazain'ny Baiboly, “Hianao, Tomponay sy Andriamanitray, no miendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery; Fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra, Ary noho ny sitraponao no nahanisy sy nahary azy.” (Apôk. 4:11). Mila antsika Izy, mila antsika rehetra, tsy ny vola sy talenta ary ny fahaizantsika ihany, fa ny tenantsika iray manontolo mihitsy no ilainy, ary ny fanahintsika ho any Aminy mandrakizay.

An'i Jehovah ny tany sy izay rehetra eo aminy. Izao rehetra izao sy ny mponina eo aminy. – Sal. 24:1

Noho izany, rehefa nanao ny olombelona Andriamanitra dia nomeny azy ny zavatra rehetra ilainy hahasambatra sy hampahazo aina azy teto ambonin'ny tany. Nomeny antsika ny renirano sy ny ranomasina, ny masoandro sy

ny kintana, ny hazo sy ny voankazo, ny zava-drehetra mihitsy. Tsy mila na inona na inona Andriamanitra satria Azy ny zava-drehetra. Kanefa, ilain'Andriamanitra ny olona rehetra sy ny zava-drehetra hatokana sy hampiasaina amin'ny tanjona kendreny eto an-tany.

Efa napetratsika fa ny iraka na tanjon'Andriamanitra ho antsika dia ny handehanantsika hanao mpianatra izay andeha hanao mpianatra, ary hanohy nyasamandra-pahavoavonjy ny rehetra izay te ho voavonjy. Raha mbola misy ny olona eto ambonin'ny tany izay tsy mbola anisan'ny fiangonan'Andriamanitra dia mbola manan-kery hatrany io iraka io. Ary, raha mbola manan-kery na mbola ilaina io iraka io dia mbola mila ny fanampiantsika mandrakariva Andriamanitra; ilainy isika, isika rehetra, ny fiainantsika, ny fotoantsika, ny talentantsika, ny fahaizantsika ary koa ny volantsika.

Ny lesona manan-danja indrindra amin'ny fitantanam-piainana Kristianina dia ny hoe tia ahy Andriamanitra. Ny faharoa dia Andriamanitra no nanao ahy sy izay rehetra manodidina ahy. Tsy vitan'ny hoe tian'Andriamanitra sy namboariny aho, fa Azy ny zava-drehetra ary anisan'izany aho. Mihoatra izany, Izy no miahya ahy, miaro ahy, mikarakara ahy, ary manome aina ahy amin'ny fotoana rehetra iainako. Izy no manome ny rivotra iainako, noho izany dia Azy ny fofonaiko rehetra.

Nymaso izay ampiasaiko hijerenadianamboarin'Andriamanitra. Ny atidoha izay ampiasaiko handinihanasy hianaranadianamboarin'Andriamanitra. Ny tanana izay ampiasaiko hanoratana sy hiasana dia mbola namboarin'Andriamanitra ihany koa. Ny tongotra izay ampiasaiko hihazakazahana sy hitsambikinana rehefa milalao dia nomen'Andriamanitra ahy koa. Ny rantsan-tanana sy maso ampiasaiko hanoratana amin'ny solosaina na handefasako hafatra amin'ny fitaovana elektrônika, dia mbola Andriamanitra no nanamboatra azy. Ary ny herin'ny atidoha sy ny fahalalana nampiasain'ireo izay namorona ireny fitaovana ireny dia mbola an'Andriamanitra koa.

Ny fanontaniana mipetraka angamba dia ny hoe “inona ary no zavatra ananako izay tsy an'Andriamanitra na tsy avy Aminy?” Ny valiny marina sy tokana dia tsy misy. Izay no zava-misy, izay manamboatra na mamorona zavatra iray dia manana ny zo amin'izany zavatra noforoniny izany. Io olona io ihany koa no manana ny zo hamaritry ny fomba hampiasana izany fananany izany. Amin'izao fotoana izao isika dia maheno matetika ny hoe “copyright” na zon'ny mpamorona. Na amin'ny zavatra vokarin'ny orinasa izany na fananana ara-tsaina, na “software” (rindram-baiko) na asa ara-pianarana, dia manana zo amin'izany fananana izany ary afaka mamaritra ny fomba azo na tsy azo ampiasana izany ilay mpamorona.

Andriamanitra no tompon'ny zava-drehetra amin'izao tany izao ary manana zo Izy hamaritry ny fomba hampiasana ny fananany rehetra. Azony takina ny rehetra avy amin'izany, na ny ampahany, na tsy mitaky Izy. N'inon'inona safidiny, dia Izy no mbola tompony, ary manana ny zo hanapaka ny amin'ny fomba tiany hampiasana ny zavaboariny.

Namboarin'Andriamanitra ny olombelona mba hanompo Azy, mba hitia sy hanaja ary hankatò Azy. Kanefa tsy nijanona teo Izy, rehefa nikomy ny olombelona ka niala tamin'Andriamanitra, dia nomeny ny zanany lahy tokana

hamonjy azy ary hanavotra ny olombelona hiverina Aminy. Noho izany, ny olombelona dia an'Andriamanitra indroa, amin'ny alalan'ny famoronana sy ny famonjena.

Ny zavatra angatahin'Andriamanitra amintsika dia ny hanajantsika Azy amin'ny maha-Mpamorona sy Mpamonjy antsika Azy amin'ny fanomezantsika ny tenantsika manontolo ho Azy. Rehefa manolotra ny tenantsika manontolo ho Azy isika dia rariny raha Azy ny zavatra rehetra ananantsika ary azony ampiasaina. Kanefa Andriamanitra dia manome antsika ny fahafahana hampiasa izay rehetra omeny antsika ho tombontsoantsika. Mangataka fotsiny Izy ny hanekentsika fa Izy no tompo ary hanomezantsika ny sasany amin'ireo fanomezana sy talenta ary fotoana sy vola mba hampiasaina amin'ny iraka nomeny.

Maro ireo tanora izay mbola tsy mahalala fa tia azy ireo Jesôsy ary miahy azy ireo. Mila antsika rehetra Andriamanitra hanampy hanao azy ireny ho mpianany. Mila ny talentantsika rehetra, ny fotoantsika rehetra ary ny fananantsika rehetra Izy hampiasaina hanatrarana azy ireny tahaka ny nanomezan'ny hafa ny azy hanatrarana antsika. Tsy mangataka amintsika ny zavatra izay tsy efa nomeny antsika Izy. Na izany aza, dia mbola tsy ny zava-drehetra no angatahiny.

Hoy Andriamanitra hoe omeo ny tsara indrindra avy aminao. Horaisiko izay rehetra heverinao ho tsara indrindra, ny ampahany tsara indrindra amin'ny fotoanao, ny tsara indrindra amin'ny talentanao, ny tsara indrindra amin'ny volanao, ny tsara indrindra amin'ny fiainanao. Satria, hoy Izy, ny tsara indrindra no efa nomeko anao. Raha ny tena marina, ny zava-drehetra no efa nomeko anao.

Rehefa nomen'Andriamanitra i Jesôsy zanany ho sorona noho ny fahotana, dia tsy ny tsara indrindra avy Aminy ihany no nomeny fa ny rehetra avy Aminy mihitsy. Tamin'ny fanolorany an'i Jesôsy dia ny tenany mihitsy no natolotr'Andriamanitra. Io fanomezan'Andriamanitra io dia nomena maimaimpoana ho an'izay rehetra mandray Azy. Milaza ny Baiboly hoe *“Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.”* – Jao. 3:16

Noho io sorona lehibe io dia manana zo ho lasa zanak'Andriamanitra izay rehetra mandray izany fanomezana izany. *“Fa izay rehetra mandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany”* – Jao. 1:12. Io no fanomezana sarobidy indrindra avy amin'Andriamanitra izay nomeny maimaimpoana ho an'ny rehetra. Io fanomezana goavana io no ahazoantsika ny tombontsoa hantsoina hoe zanak'Andriamanitra sy mpandova ary mpiara-mandova amin'i Jesôsy.

Na dia mbola volana Oktôbra ary izao dia mampahatsiahy ahy ny zanako vavy eto am-panoratana fa efa akaiky ny Krismasy. Raha ny tena marina, nilaza izy fa efa Krismasy izao. Ho an'ny olona maro, ny Krismasy dia midika ho fanolorana sy fandraisana fanomezana. Ny ankamaroan'ny olona dia manantena ny hahazo fanomezana, kanefa ny ohatra sy fitsipika izay

nomen'ny Raintsika any an-danitra dia ny hoe mahafa-po kokoa ny manome noho ny mandray.

Eny tokoa, rehefa manome ny fotoana sy talenta ary fananantsika ho an'Andriamanitra isika dia mamerina fotsiny ihany ny zavatra izay efa nomeny antsika na efa noraisintsika. Tsy manome an'Andriamanitra mba ahazoana zavatra isika. Manome Azy avy amin'ny haben'izay efa noraisintsika isika. Na ny fotoantsika na talenta na fananantsika ara-materialy izany, dia avy Aminy ny zava-drehetra; fitahiana avy Aminy ihany no averintsika. Mamaritra izany fitsipika izany i Paoly raha nilaza ao amin'ny Asa. 20:35 hoe "*Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray.*" Ary ao amin'ny 2 Kôr. 9:7 dia milaza izy hoe "*fa ny mpanome amin'ny fifaliana no tian'Andriamanitra*". Ny fanolorana dia fifaliana ho an'ireo izay mahatsapa ny fitahian'Andriamanitra.

Ny asa fanomezana ny fotoana sy ny talenta ary ny fananana materialy ananantsika dia anisan'ny fanompoam-pivavahana tahaka ny mivavaka sy ny mihira ary mamaky ny Baiboly. Isaky ny mankeo anatrehan'Andriamanitra isika, n'aiza n'aiza izany, dia tokony hitondra ny tsara indrindra avy amintsika ho eo Aminy; izany hoe ny tsara indrindra amin'ny fotoantsika, ny tsara indrindra amin'ny talentantsika ary ny tsara indrindra amin'ny fananantsika materialy.

Milaza indray i Paoly hoe takiana amin'ny fitantanam-piainana ny fahatokian'ny olona iray. 2 Kôr. 9:7. Amin'ny maha-mpandray ny fitahian'Andriamanitra antsika dia tokony ho mpitantana falifaly sy miramirana isika.

Rehefa mandinika ny zavatra rehetra izay nomen'Andriamanitra anao ianao, moa misy ve zavatra izay sarobidy loatra na masina loatra ka tsy tokony omena an'Andriamanitra?

Na inona na inona angatahin'Andriamanitra amintsika dia efa nanome mihoatra noho izany Izy. Ohatra, mangataka amintsika Andriamanitra ny hanomezantsika Azy ny fotoana iray ao anatin'ny herinandro amin'ny alalan'ny fitsaharana sy fiderana. Tsy dia betsaka io fangatahany io raha jerena ireo andro enina izay efa omeny antsika hampiasaintsika manokana. Azy ny fotoana rehetra. Azony atao ny mangataka na mitaky izay ora tiany isan'andro ho Azy manokana. Kanefa miteny fotsiny izy hoe "Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy." Io 24 ora io ihany no takin'Andriamanitra amintsika ho Azy manokana, nefa raha ny tena marina, Azy ny fotoana rehetra ary tokony ampiasaina ho voninahiny.

Tahaka izany koa, milaza Andriamanitra fa ny ampahafolony amin'ny fananantsika ara-bola na ara-materialy no ho Azy manokana. Ny fananantsika sy ny fidiram-bolantsika rehetra dia Azy avokoa. Azony atao tsara ny milaza fa mila mihoatra ny ampahafolony Izy, kanefa avelany hitazona ny sivy ampahafolony isika hampiasaintsika amin'izay heverintsika fa mety indrindra. Raha toa ka esorin'Andriamanitra ny fahafahantsika mampidi-bola na manapa-kevitra ny hitazona ny fitahiana ara-bola fanampiny Izy dia tsy afaka miady hevitra isika satria Azy ny zavatra rehetra. Raha manapa-kevitra ny hampitombo ny fananana ara-bolan'ny mpiara-belona aminao mihoatra noho ny anao Izy dia tsy afaka hiady hevitra Aminy ianao. Zon'ny tenany manokana

izany. Izy no tompon'ny zavatra rehetra ary Izy no manapa-kevitra ny amin'ny fomba hizarany ny fananany.

Kanefa mbola misy mihoatra noho izany. Tsy vitan'ny hoe tompon'ny zavatra rehetra Andriamanitra ary mangataka ampahany amin'ny fananantsika ho Azy manokana, fa milaza Izy hoe raha mankatò Azy isika ary mamerina ampahatokiana izay takiny, dia hampitomboiny mihoatra noho izay takatry ny saintsika ny sisa tavela. Andeha isika hijery andalan-teny roa ao amin'ny Soratra Masina izay ahitana izany teny fampanantenan'Andriamanitra izany. Ny voalohany dia vakintsika ao amin'ny Mal. 3:8–10:

“Handroba an’Andriamanitra va ny olona, no mandroba Ahy hianareo? Nefa hoy hianareo: Amin’inona moa no androbanay Anao? Amin’ny fahafolon-karena sy ny fanatitra. Voaozona amin’ny ozona hianareo nefa Izaho no robainareo, dia izao hianareo rehetra iray firenena izao. Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin’ ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin’izany Aho, hoy Jehovah, Tompon’ny maro, raha tsy hovohako ny varavaran’ny lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo.”

Teny fikasana mahafinaritra izany ho an’ireo izay mahatoky amin’ny famerenana amin’Andriamanitra izay Azy. Mariho tsara anefa fa misy ozona ihany koa ho an’ireo izay tsy mahatoky.

Ny teny fikasana faharoa dia hita ao amin’ny Isa. 58:13,14:

“Raha miaro ny tongotrao amin’ny Sabata hianao ka tsy manao izay tianao amin’ny androko masina, ary manao ny Sabata hoe Fahafinaretana, ary ny nohamasinin’i Jehovah hoe mendrika hohajaina, ka manome voninahitra azy ary tsy mandeha amin’ny lalanao, na manao izay tianao, na miteniteny foana, Dia hiravoravo amin’i Jehovah hianao, ary hasandratro ao amin’ny havoana amin’ny tany hianao, sy hofahanako amin’ny lovan’i Jakoba rainao; Fa ny vavan’i Jehovah no efa niteny”.

Ny fankatoavana an’Andriamanitra dia ahazoana tombontsoa lehibe mandrakariva. Rehefa raisintsika amin’ny teniny Andriamanitra ary manaja Azy am-pahatokiana amin’ny maha-mpitantana tsara antsika dia hampitomboiny betsaka ny fitahiana izay efa nomeny antsika. Ny tsara indrindra taminy sy ny rehetra avy Aminy no nomen’Andriamanitra rehefa nanolotra an’i Jesôsy ho vidin’ny fahotantsika Izy.

Ny fanontaniana androany dia hoe: moa misy ve zavatra betsaka loatra na sarobidy loatra amiko ka tsy haveriko amin’Andriamanitra taorian’izay rehetra efa nomeny ahy? Moa betsaka loatra ve ny mamerina amin’Andriamanitra ny ampahafolony amin’ny fananako ary fanati-pitiavana? Betsaka loatra ve ny manome ora vitsivitsy amin’ny fotoako isan’andro na isan-kerinandro ho Azy? Betsaka loatra ve ny mampiasa ny fanomezana sy ny talenta ananako amin’ny asa fanompoana Azy ho fitahiana ny hafa na ho fijoroana ho vavolombelona ho Azy? Vonona ve aho ny hanolotra fanatitra vokatry ny fitiavana ho Azy noho izay rehetra efa nataony ho ahy?

Tadidio: ny mpitantana tsara dia mitantana ny fotoana, fahaizana, fananana ary vola omen'Andriamanitra azy.

Fanontaniana Hifanakalozan-kevitra:

1. Inona no fototry ny fitantanam-piainana Kristianina? Nahoana Andriamanitra no manana zo hitaky amintsika ny ampahany amin'ny fotoantsika sy ny talentantsika ary ny fananantsika?
2. Ampahany manao ahoana amin'ny fotoantsika sy ny fananantsika ara-bola no lazain'Andriamanitra fa Azy manokana?
3. Nanolotra ny fanomezany lehibe indrindra ny lanitra rehefa nanolotra an'i Jesôsy ho fanatitra ho an'ny fahotantsika. Ifanakalozy hevitra.

Manaraka ny Mpitarika

Lohahevitra:

Ny firafitry ny Fitarihana ao amin'ny Fiangonana

–fanazavana ny firafitry ny fiangonana eo an-toerana ary ny fomba ahafahan'ny tanora mandray tombontsoa amin'ny fiaraha-miasa

- **Andininy Fototra:** Asa. 6:3,4
- **Hevitra fototra:** Ny fandaminam-piangonana dia mbola mitondra fitomboana sy fivoarana hatrany eo amin'ny fiangonan'Andriamanitra ankehitriny.

Fampidirana

Misy lamina sy rafitra any an-danitra. Manantena filaminana eo amin'ny asa aman-draharaha isan'andro ihany koa Andriamanitra avy amin'ny fiangonany eto an-tany satria taratry ny tenany izany. Efa hatramin'ny andron'ny patriarika sy ny mpaminany no nametraka rafitra ho an'ny fiangonany Andriamanitra. Nisafidy lehilahy sy vehivavy mba ho mpitarika hatrany Izy nandritra ireo vanim-potoana nifandimby teo amin'ny tantaran'ny olony.

Tsy niova izany ankehitriny. Rehefa avy niakatra tany an-danitra i Jesôsy, dia nitombo haingana tokoa ny fiangonana, hany ka nilaina maika ny nametraka rafitra sy fandaminana. Nanendry olona ireo mambra ho amin'ireo andraiki-pitarihana samihafa hita tao amin'ny fiangonan'ny Testamenta Vaovao rehefa avy nivavaka mafy. Nitondra voka-tsoa lehibe teo amin'ny fitomboana sy ny fivoaran'ny fiangonana izany.

Androany dia haka fotoana isika handinika ny fipetraky ny fitarihana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana ary amin'ny fomba ahoana no ahafahan'izany manampy eo amin'ny filaminana sy ny fitomboan'ny fiangonana. Misy sampana maro samihafa izay mifantoka manokana amin'ny vondrona sy tetikasa maro samihafa ny fiangonana ankehitriny. Rehefa mitombo ny filàn'ny fiangonana, dia mitombo koa ny fanampiana ilain'ireo sampan'asa rehetra.

Ny tanora dia afaka ny handray tombontsoa betsaka avy amin'ny traikefan'ireo mpitarika ao amin'ny fiangonana izay afaka ny ho mpampianatra sy mpiahy azy ireo. Raha mahay miara-miasa amin'ny mpitarika eo an-toerana ny tanora dia handray lesona sy tombontsoa betsaka tokoa.

Ny hafatra androany dia hifantoka amin'ny:

- a. Lamina sy rafitra ao amin'ny fiangonana eo an-toerana,
- b. Fomba hifidianan'Andriamanitra ireo mpitarika ho amin'ny asa fanompoana,
- d. Anjara asan'ny pasitora, loholona, sy ireo mpitarika hafa ao amin'ny fiangonana eo an-toerana,
- e. Fomba ahazoan'ny tanora mandray tombontsoa amin'izany,
- f. Fanazavana ny rafitry ny fiangonana eo an-toerana.

Toriteny

Ny iray amin'ireo antony nampijoro sy nampitombo ny fiangonana nandritra ireo vanim-potoana nifanesy dia noho ny fototra mafy izay iorenany. Raha toa ka miverina mijery ny famaritana sy ny hevitra ny atao hoe fiangonana isika, dia hitantsika fa tsy ny trano na ny toerana no atao hoe fiangonana. Ireo olona ao anatiny no atao hoe fiangonana, ireo *Eklesia* na koa olona natsoina. Vatan'i Kristy ny fiangonana, ireo izay manaiky *Azy* sy mino ny fampianarany ka vonona ny handeha sy hiantso ny hafa mba ho mpanara-dia *Azy*.

Raha lazaina amin'ny fomba hafa, Jesôsy Kristy no mpanorina sy fototra iorenan'ny fiangonana. Tsy hoe eritreritra na foto-kevitra fotsiny izany. Iza no lazain'i Jesôsy, "...ary ambonin' ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin' ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy." – Mat. 16:18. Maro ireo olona niezaka ny handrava ny fiangonan'Andriamanitra na hamorona fiangonana hosoka, kanefa ny fiangonana dia mitombo sy miroborobo hatrany na dia misy aza ny olana sy ny sedra.

Tadidiko fony aho mbola kely, dia naheno matetika ny anarana hoe *Shepherd Rods* sy *Brinsmead*. Tsy anisan'ny vatan'i Kristy voalohany na olona natsoina izy ireo, izay ihany no fantako momba azy ireo tamin'izany. Vondrona nisaraka tamin'ny fiangonana Advantista Mitandrana ny Andro fahafito izy ireo. Rehefa nandeha ny fotoana dia tonga saina aho fa maro ireo vondrona hafa izay nisaraka tamin'ny fiangonana Advantista maneran-tany. Ny ankamaroan'izy ireny dia manjavona na mihen-danja rehefa mandeha ny fotoana, antony maro no mahatonga izany, kanefa ny tsy fisian'ny rafitra sy ny lamina mazava no antony lehibe iray.

Maro ireo vondrona ara-pivavahana manerana izao tontolo izao no manambara fa ny fiangonan'Ilay Andriamanitra velona na tena fiangonanan'Andriamanitra marina tokoa. Samy manambara ny rehetra fa Jesôsy Kristy avy any Nazareta no fototra niaingany. Tamin'ny naha-tanora kristianina ahy, dia tombon-tsoa ho ahy ny nananako mpitarika ara-panahy feno fanoloran-tena izay nanampy ahy hijery marina hoe iza marina no fiangonan'Andriamanitra araka ny Soratra Masina. Ity misy zavatra iray tsy azo iadian-kevitra: ny fiangonana dia mifototra sy miorina eo amin'i Jesôsy Kristy. Izany no nambarany.

Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ny Zanak'Andriamanitra, ilay Mpamonjy izao tontolo izao mihitsy no manambara fa ny fiangonana dia miorina Aminy na Izy no fototra, amin'ny fahefany ary ny azy irery ihany. Ny fiangonana tamin'ny Testamenta Vaovao dia nitombo sy niroborobo hatrany teo ambanin'ny fitondran'ireo Apôstôly fotoana maro taorian'ny niakaran' i Jesôsy tany an-danitra. Raha nitombo ny fiangonana dia hita fa nila karazana rafitra sy fandaminana. Teo no naha-zava-dehibe tokoa ny fandaminam-piangonana ary ny tsipirian'izany dia voalaza ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly.

Mino aho fa ilaina ny maneho izay voalazan'i Ellen White momba ny tsipirian'io trangan-javatra io ao amin'ny boky "Vavolombelona Mahery".

Tonga teo amin'ny fotoan-tsarotra ny mpianatr'i Jesosy teo amin'ny fanandramany. Teo ambany fitarihana hendry nataon'ny apostoly izay niray hina teo amin'ny asany teo ambanin'ny herin'ny Fanahy masina, dia nandroso haingana ny asa nankinina tamin'ireo mpitondra ny hafatry ny filazantsara. Nihalehibe hatrany ny fiangonana, koa io fitomboan'ny isan'ny mambra io dia nampitondra entana vesatra hatrany ny topon'andraikitra.

Nilaina ny fizarana indray ireo andraikitra izay nozakain'ny olombitsy tamim-pahatokiana nandritra ireo andro voalohany teo amin'ny fiangonana. – VM, t. 80

Fitahiana lehibe ho an'ny Fiangonana ny fanendrena ireo fitolahy ireo hanara-maso ny asa voafaritra tsara. – VM, t. 81

Io andalan-teny eo ambony io dia maneho amin'ny tsipiriany ny olana teo anatrehan'ny fiangonan'ny Testamenta Vaovao. Niatrika izany olana izany ny fiangonana tamin'ny alalan'ny fangatahana torohevitra ary nentiny teo anatrehan'Andriamanitra tamim-bavaka ilay raharaha. Taorian'ny vavaka maro sy ny fifanakalozan-kevitra, ny fitarihana—izay notarihin'ireo Apôstôly—dia nanaiky ny hanendry diakona mba hijery manokana ny lafiny samihafan'ny asa izy ireo. Ireo diakona ireo dia tsy niandraikitra ny fizarana fitaovana tamin'ireo mambra fotsiny, fa nandray anjara koa tamin'ny fitoriana ny filazantsara.

Tsy fantatsika hoe inona koa ireo andraikitra hafa mety nosahanin'izy ireo na koa inona ireo anjara asa hafa izay noheverina fa hampilamina ny fandehan'ny fiangonan'ny Testamenta Vaovao. Mazava ho azy fa nila olona nisahana ny ara-bola sy ireo andraiki-pitantanana hafa. Raha notendrena ireo diakona mba hijery manokana ny fizarana fitaovana, nisy olona hafa nilaina teo amin'ny fanampiana amin'ny fanangonana ireo fitaovana sy ireo fanomezana ara-bola. Mazava ihany koa fa mba hahazoana antoka fa voakarakara avokoa ny rehetra, dia nila karazana fandraisana an-tsoratra. Ny fahafantarantsika ny anaran'ireo diakona fotsiny aza dia efa midika fa nisy olona nisahana ny fandraisana an-tsoratra ny zava-niseho teo amin'ny fiangonana ary mety miaraka amin'ny lisitry ny mambra mihitsy aza.

Na tsy ananantsika avokoa ary ny tsipiriany rehetra, dia afaka milaza isika fa nisy olona hafa niara-niasa tamin'ireo diakona sy ireo Apôstôly tamin'ny fikarakarana ireo zavatra nilaina isan-karazany tao am-piangonana. Ilay andalan-teny dia mampiasa ny teny hoe mpandraharaha; maneho izany fa voatendry hanatanteraka andraikitra samihafa ao amin'ny fiangonana izy

ireo tamin'izany fotoana izany. Mbola manohy mamelabelatra izany dingana manan-danja izany i Ellen White.

“Nabaribarin’ny voka-tsoa hita mivaingana avy hatrany ny maha-fandaminana avy amin’Andriamanitra an’io dingana io. ‘Dia nandroso ny tenin’Andriamanitra ary nihamaro indrindra ny isan’ny mpianatra tany Jerosalema, ary maro be kosa ny mpisorona nanaiky ny finoana.” – VM, t. 81

Tamin’ny nandraisana ny Roa ambin’ny folo lahy no nanaovana ny dingana voalohany teo amin’ny fandaminana ny fiangonana izay hiandraikitra ny asan’i Kristy eto an-tany aorian’ny fiakarany ho any an-danitra. – VM, t. 18

Avy amin’ireo teny azo avy amin’ny tsindrimandry ireo dia hitantsika fa vao nanomboka ny ministeran’i Jesôsy dia efa nisy fanosorana. Jesôsy mihitsy no nanao ny fanosorana ny roa ambin’ny folo. Mbola atao ankehitriny ny fanosorana ny mpandraharaha sasany ao am-piangonana. Fanamasinana izay mampiavaka ny olona voafidy manokana mba hanao asa masina manan-danja tokoa ao amin’ny fiangonan’Andriamanitra izany. Mbola ampiharina ihany izy io ao amin’ny fiangonantsika ankehitriny.

Ao amin’ny fiangonana Advantsita Mitandrina ny Andro Fahafito manokana dia misy karazany telo ny asa izay ilàna io fanosorana io. Izany dia ny asan’ny pasitora, ny loholona ary ny diakona. Lehilahy sy vehivavy manompo ny fiangonan’Andriamanitra no nantsoina manokana ho amin’ireo asa masina ireo—izany rehetra izany dia ezaka atao mba hanatsarana sy hampandrosoana ny iraka nomen’Andriamanitra ny olony. Fanampin’ireo asan’olombo-boahosotra ireo, dia maro ireo karazan’andraikitra izay nilaina napetraka raha nitombo ho lasa hetsika maneran-tany ny fiangonana.

Ao anatin’ireo andraikitra maro sy departemanta samihafa ao amin’ny fiangonana ankehitriny dia misy iray natokana ho an’ny tanora. Nomena io sampana io ny andraikitra hanofana sy hitaiza ireo tanora mba hanompo ao amin’ireo lafiny maro samihafan’ny asa mba hisy fiantraikany eo amin’ny fiangonana eo an-toerana ka hatrany amin’ny fianakaviamben’ny fiangonana. Ny departemantan’ny tanora dia manome fitarihana sy fanofanana ny tanora mifanaraka amin’ny zavatra ilainy. Mankasitraka ny fijerin’ireo mpamaky lain’ny tanora Harry Fenner sy Luther Warren isika, izay nanomboka ny fivorian’ny tanora voalohany indrindra tany amin’ny taona 1879. Ankehitriny isika dia mijoro amin’ny fototra mafy izay napetrak’izy ireo raha manohy mandray anjara betsaka amin’ny iraka maneran-tany. Mbola manampy amin’ny fitomboana sy ny fivoaran’ny fiangonan’Andriamanitra ny fandaminam-piangonana. Amin’ny maha-tanora anao, dia manampy betsaka ny fifanakalozan-kevitra amin’ny pasitora eo an-toerana sy ireo mpitarika mikasika ny fandaminam-piangonana. Ary ampirisihiko ihany koa ireo tanora mba handray anjara mavitrika amin’ny asa sy ny prôgraman’ny fiangonana eo an-toerana.

Moa ve mila olona halain-tahaka avokoa ny olona rehetra?

Taona maromaro izay, raha Filohan’ny Tanora tany Carraïbes ny tenako, dia nanao ilay nantsoiny hoe “Iray Volan’ny Tanora eo amin’ny Fitarihana” izahay. Araka izany anarany izany, notendrena mba hitarika ny fiangonana

misy azy ireo ny tanora mandritra ny volana iray manontolo isan-taona. Hanampy azy ireo ny mpitarika ny departemanta samihafan'ny fiangonana ary ho hitan'izy ireo mivantana ny fandehan'ny fitarihana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana. Tena mampiantanentana tokoa ny mahita tanora sy ireo mpandraharaha mahazatra miara-mipetraka ao amin'ny kômitim-piangonana, miara-manomana ny asa fanompoan'ny fiangonana. Mbola tanterahina izany any amin'ny fiangonana maro ankehitriny.

Io prôgrama io dia natao manokana mba hanomezana tombontsoa ny tanora mba hampianarin'ny mpandraharahan'ny fiangonana ao amin'ny sehatra tahaka ny fitantanam-piangonana, ny lovam-piangonana ary ny foto-pinoana. Mandritra io volana io dia mandany fotoana miaraka ny tanora nahazo andraikitra sy ny filohan'ny departemanta mifampianatra ny fomba hanatsarana sy hampivoarana ny tanjon'ny departemanta ho an'ny fiangonana. Zava-dehibe tokoa ny fampitana ny traikefa sy ny fahendren'ireo mambra lehibe ao amin'ny fiangonantsika ho any amin'ny taranaka manaraka amin'ny fomba malalaka sy mirafitra tsara. Afaka mianatra momba ny lamina sy ny rafitry ny fiangonana ireo tanora mahazo andraikitra ka hahita tsara ny fizotry ny fandraisana fanapahan-kevitra eo amin'ny ambaratonga samihafa ao amin'ny rafitry ny fiangonana.

Dia ahoana avy eo?

Ny fiantraikan'io prôgrama io, ny tombontsoany sy ny fitahiana azo avy aminy dia tsapa hatrany aorian'io volana iray io. Ireo tanora dia mandray anjara amin'ny kômitim-piangonana mialoha, mandritra ary aorian'ilay volana. Manao fivoriana izy ireo amin'ny faran'ilay volana ka mizara ny fanandramany sy ny fiantraikan'izany tamin'izy ireo tsirairay avy. Ny fijoroana ho vavolombelon'ireo manompo dia hanentana ireo tanora hafa mba handray anjara mavitrika ao amin'ireo asa fanompoana maro samihafan'ny fiangonana eo an-toerana. Rehefa mampita ny lovam-piangonana sy ny rafitry ny fiangonana ireo mpitarika lehibe, dia mamela lova izy ireo ary misy fiantraikany maharitra amin'ny taranaka mandimby izany, izay haharitra ela na tsy eo intsony aza izy ireo.

Rehefa mianatra amin'ireo mpitarika lehibe ireo tanora nomena andraikitra, dia mitondra ny harem-pahaizany eo amin'ny fikarohana, famoronana ary fanavaozana mba hanatsarana ny asa fanompoan'ny fiangonana eo an-toerana. Ny fiangonana dia manana tanora manan-talenta tokoa, ary ny talenta arapanahy ananan'izy ireo dia afaka ny hitondra fanatsarana lehibe tokoa ao amin'ny asa fanompoan'ny departemanta tsirairay ao amin'ny fiangonana eo an-toerana. Ny fahakingan'izy ireo eo amin'ny resaka teknôlôjia, ohatra, dia afaka ny ho tombony lehibe eo amin'ny fomba fanaparitahana ny vaovao mahafaly, hahatonga izany ho manintona sy mora takarina kokoa, indrindra ho an'ireo tanora namany na ny taranaka aty aoriana.

Mino aho fa tsara alain'ny fiangonana Advantista maneran-tany rehetra tahaka izany. Maro amin'ireo tanora izay nandray anjara tamin'io prôgrama fampianarana mandritra ny volana iray io no manohy manompo ny fiangonana amin'ny fomba miavaka hatramin'izao. Nanana tombon-tsoa izy ireo ny hiaramipetraka amin'ireo mpitarika efa be traikefa nandritra ny fivoriana ary afaka nandinika sy nandray anjara tamin'ny fizotry ny fandraisana fanapahan-kevitra ao amin'ny fiangonana. Nitarika ny fotoam-pivavahana izy ireo ary nitry teny —nandritra ny volana iray manontolo ny ankamaroan'izy ireo.

Inona no fiantraikan'izany prôgrama izany teo amin'ny fahatsapan'izy ireo ny momba ny fiangonana?

1. Lasa nisy dikany vaovao avokoa ny zavatra rehetra momba ny fiangonany satria nisy ny fifanakalozan-kevitra malalaka ary mazava kokoa ny fahazoan'izy ireo ny iraka.
2. Lasa zava-dehibe kokoa ny fandraisana anjara tamin'ny fizotran'ny fandraisana fanapahan-kevitra rehetra.
3. Tsapan'ny tanora kokoa ny lanjan'ny fivoriana fiheveran-draharahan'ny fiangonana sy ireo fivoriana hafa an'ny fiangonana.

Na ny tanora na ny lehibe dia samy ilaina avokoa amin'ny fametrahana ny fomba fifampitondrana sy ny filaminana ao amin'ny rafitry ny fiangonana eo an-toerana. Fitahiana sy tombony lehibe no ho an'ny fiangonana amin'ny lafiny rehetra rehefa manaiky ampianarin'ireo mpitarika lehibe efa be traikefa ireo tanora. Tsy tokony ho menatra ny handray andraikitra ny tanora rehefa antsoina eo amin'ny fitarihana. Ilaina ny fahaizantsika sy ny talentantsika mba hisian'ny fandraisana anjara feno. Mampanantena Andriamanitra ny hampitao ireo izay nantsoina sy vonona ny hanompo Azy.

Naheno fijoroana ho vavolombelona mampiantanentana tokoa aho avy amin'ireo tanora momba ny fiantraikany tsara azon'izy ireo tamin'ny fanandramana azo avy amin'ireo prôgrama ireo. Manentana ireo tanora aho ny mba ho mpianatra feno fanetren-tena sy feno fahazotoana. Maro tokoa ny zavatra azo raisina avy amin'ny feon'ny traik'efa. Araho hatrany ny famaritana voalohany ny atao hoe fiangonana. Ny fiangonana dia fitambaran'ny mpino izay nantsoina ho mpampianatra na hahatonga ny mpino hafa ho mpianatra mba ho tafiditra ao anatin'ny fiangonana na olona nantsoina manokana.

Maro tokoa ireo zavatra azontsika ampianarina sy ianarana avy amin'ny hafa, indrindra fa avy amin'ireo izay efa nandalo tamin'izany. Iray amin'ireo fomba tsara indrindra hanaovana izany ny mianatra avy amin'ireo mpianatra efa be traikefa hoe ahoana no fomba hanaovana ny hafa ho mpianatra—izany no ataon'ny prôgrama fiahiana sy fampianarana ny tanora. Reharehako mihitsy ny nahazoako ny prôgrama maha-mpianatra sy fiahiana azoko avy amin'ny fiangonana teo an-toerana sy ny ambaratongam-pitantanana ambony kokoa. Tadidiko mazava ny fientanentanana sy ny fampirisihana azoko avy amin'ny mpitarika ny tanora tao amin'ny fiangonana keliko tany ambanivohitr' i Jamaïque. Nahazo hery tokoa aho avy amin'ny mpitarika MV. Averiko hatrany izany tantara izany satria namela fiantraikany maharitra tato an-tsaiko Izy.

Avy amin'izany fiandohana ambany izany, dia niakatra teo amin'ny laharan'ny mpitarika ny tanora aho ary lasa loholon'ny fiangonana avy eo. Ireny andro taloha ireny no nanosika ahy hanokana ny fiainako amin'ny asa fanompoana amin'ny fotoana feno ho an'ny fanompoana ny fiangonan'Andriamanitra. Nandritra ireo taona nolaniko tany am-pianarana dia nanome mpiahy sy mpampianatra tsara tokoa ho ahy Andriamanitra. Rehefa niditra tamin'ny asan'ny pasitora aho dia nahazo fitahiana tamin'ny fananana pasitora zokiny izay nanome ahy fahafahana hampivelatra ny fanomezam-pahasoavan'ny fiantsoana ahy.

Rehefa nantsoina ho filohan'ny tanora aho tany amin'ny federasiona ary avy eo tany amin'ny fivondronambe dia tsy afaka ny tsy hieritreritra ny niatombohan'izany rehetra izany, tany amin'ny fiangonana kely nisy ahy tany ambanivohitr' i Jamaïque, tamin'ny alalan'ny mpitarika tanora iray vonona sy mahatoky.

Manentana ny tanora aho mba hampiasa ny prôgramam-piahiana sy fampianarana omen'ny fiangonana maneran-tany, indrindra ho an'ireo Mpisantatra sy Mpisavalalana. Tombontsoa ho ahy ny nahitako tamin'ny masoko ny fiantraikany lehibe naterak'izany teo amin'ny fiainan'ny tanorantsika maro. Mino aho fa anisan'ny fitahiana lehibe indrindra ho an'ny fiangonana Advantista ny sampana Mpisavalalana. Mahafantatra tanora an-jatonjatony aho izay hitako niakatra teo amin'ny andraiki-pitarihana tao amin'ny fiangonana noho ny fototra tsara noraisin'izy ireo tamin'ny naha-Mpisantatra sy Mpisavalalana azy.

Maro ireo izay lasa Filoha Mpitarika sy filohan'ny tanora, ary manana andraikitra manan-danja tokoa ao amin'ny fiangonana misy azy ireo na any amin'ny ambaratonga ambony kokoa eo amin'ny rafitry ny fiangonana.

Ny planin'Andriamanitra mikasika ny fandaminam-piangonana dia fitahiana lehibe tokoa tamin'ny fijoroana sy ny fitomboan'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito maneran-tany.

Ry zatovo, ankehitriny no fotoana tokony handraisana anjara, hanomezana ny tsara indrindra vitanao amin'ny asa fanompoana. Moa ve manana talenta na fanomezam-pahasoavana manokana ianao? Moa ve ianao vonona ny handray anjara mavitrika amin'ny iraka nampanaovina ny fiangonanao? Atombohy amin'ny fandraisana anjara mavitrika ao amin'ny fiangonana misy anao izany. Izay no fiantombohan'ny zavatra rehetra. Manantena anao Andriamanitra ry tanora malala—hamaly ny antsony ve ianao?

Fanontaniana ifanakalozan-kevitra:

1. Inona no nanosika ireo Apôstôly hanendry diakona tao amin'ny fiangonan'ny Testamenta Vaovao, ary tamin'ny fomba ahoana no nisafidianana ireo diakona ireo?
2. Inona no maha-zava-dehibe ny fandaminam-piangonana?
3. Manaova adihevitra momba ireo fomba heverinao fa ahafahan'ny tanora handray anjara bebe kokoa amin'ny fizotry ny fandraisam-panapahan-kevitra sy ny iraka nampanaovina ny fiangonana.

Ny maha-manokana ny Fiankohofana

Lohahevitra:

Ny maha-zava-dehibe ny fanompoam-pivavahana

– ahoana no fomba hanehoana ny fanoloran-tena ho an'Andriamanitra.
Firaisana ao anatin'ny fahasamihafana!

- **Andininy Fototra:** Sal. 100
- **Hevitra fototra:** Tokony hotazomina ao an-tsaintsika foana hoe iza no ifantohan'ny fanompoam-pivavahantsika; tokony ho azontsika ny tanjon'izany fanompoam-pivavahana izany ary tokony hahafinaritra izany fanandramana izany.

Fampidirana

Ny olombelona dia mikatsaka olona na zavatra hiankohofana hatrany. Ao amin'ity tontolo izay feno fahasamihafana izay iainantsika ankehitriny ity dia samy manana ny dikany maro amin'ny olona samihafa ny atao hoe fanompoam-pivavahana na fiankohofana. Ny olona sasany miankohoka amin'ny biby, ny sasany miankohoka amin'ny olona hafa, ary ny hafa miankohoka amin'ny zavatra ara-materialy.

Kanefa ny inona no tena fiankohofana ary inona no tena maha zava-dehibe izany? Ankehitriny isika dia haka fotoana handinihana ny fomba tokony hanehoantsika ny fanoloran-tenantsika ho an'Andriamanitra. Hojerentsika ny maha-zava-dehibe ny fanompoam-pivavahana, eo amin'ny fiainan'ny tanora manokana indrindra indrindra.

Moa ve misy fomba manokana tokony hanaovana fotoam-pivavahana? Moa ve misy filaharan-javatra tokony arahina? Moa ve misy fiantraikany amin'ny fanompoam-pivavahana ny kolontsaina? Inona no dikan'ny hoe firaisana ao amin'ny fahasamihafana? Ireo no santionany amin'ireo fanontaniana izay hoesahintsika androany.

Ny fiankohofana dia ateraky ny fanandraman'ny tena manokana niaraka tamin'Andriamanitra. Ny famalian'ny olona an'Andriamanitra dia miankina amin'ny fifandraisana ananany amin'Andriamanitra sy ny zavatra tsapany mikasika an'Andriamanitra. Ny ankamaroan'izany fahatsapany izany dia avy amin'ny tontolo misy azy sy ny fanandraman'ny tsirairay.

Ao amin'ity hafatra ity dia ho hitantsika:

- a. Fa ny hiantefan'ny fiankohofana dia tokony ho ilay Andriamanitra marina tokana ihany.
- b. Fa ny anton'ny fanompoam-pivavahana dia ny hanome voninahitra an'Andriamanitra sy ny hisian'ny fiombonana eo amin'ny zanak'Andriamanitra rehetra.
- d. Fa ny fanandraman'ny fiankohofana dia ateraky ny fanandramanan'ny tena manokana an'ny tsirairay.
- e. Ny anjara asan'ny kolontsaina na ny fanandraman'ny tsirairay eo amin'ny fanandraman'ny fiankohofana.
- f. Ny fomba ahafahantsika mahatratra fiombonana amin'ireo fomba samifaha fiankohofantsika.

Toriteny

Mpivavaka mafana fo i Davida sy ireo mpanoratra hafa ny Salamo. Tsy ho azo eritreretina mihitsy izany hoe mamaky ny Salamo kanefa tsy mahatsapa ny fiderana sy fiankohofana ary ny fivavahana amin'Andriamanitra. Raiso ho ohatra ny Salamo faha-100.

“Mihobia ho an'i Jehovah, ry tany rehetra. Manompoa an'i Jehovah amin'ny fifaliana; Mankanesa eo anatrehany amin'ny fihobiana (...) Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, Ary eo an-kianjany amin'ny fiderana (...)”

Avy eo ny Salamo 150

“Haleloia. Miderà an'Andriamanitra eo amin'ny fitoerany masina. Miderà Azy eo amin'ny habakabaky ny heriny. Midera Azy noho ny asany lehibe; Miderà Azy araka ny haben'ny voninahiny. Miderà Azy amin'ny fitsofana ny anjomara; Miderà Azy amin'ny valiha sy ny lokanga. Miderà Azy amin'ny ampongatapaka sy ny dihy; Miderà Azy amin'ny zava-maneno tendrena sy ny sodina. Miderà Azy amin'ny kipantsona maneno; Miderà Azy amin'ny kipantsona tsara feo. Aoka izay rehetra manam-pofonaina samy hidera an'i Jehovah. Haleloia.”

Miankina amin'ny hoe avy aiza isika, sy ireo fanandramana izay niaviantsika, dia mety ho samihafa ny fanompoam-pivavahana sy ny fiankohofana amin'Andriamanitra, mety ho malahelo sy mangina na midobodoboka sy mihetsiketsika. Koa satria efa napetratsika sahadany fa ny fiangonana dia tsy ny vatan-trano fa ireo vatan-tenan'ireo “olona nantsoina” no mamaritra azy na ireo olom-bofidin'Andriamanitra, noho izany dia tokony hoheverina ihany koa fa ireo olona ireo dia tokony ho hita any amin'ny toerana rehetra, ny tanibe rehetra izay misy kolontsaina marobe.

Koa ny fiankohofana izany dia maka ny fomba fanao sy ny filamatra iainana amin'ireo kolontsaina. Ny fiankohofana dia ateraky ny fanandramana

hiarahana amin'Andriamanitra eo amin'ny tontolon-kevitra ny fomba nanaovantsika tsirairay avy izany fanandramana niaraka taminy izany. Ny sasany izay mamaky dia mety hahatsiaro ny tantaran'i Mosesy teo amin'ny roimemy mirehitra afo; teo no nihaonany tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny roimemy izay mirehitra afo kanefa tsy nahalevonana. Avy tao amin'ny roimemy no nitenenan'Andriamanitra tamin'i Mosesy. Nesorin'i Mosesy ny kapany ho setrin'ny toromarika avy amin'Andriamanitra, ho fanajana ny fanatrehan'Andriamanitra.

Tsy ela izay dia nanatrika fanompoam-pivavahana aho izay nanesoran'ny mpitoriteny ny kirarony ho mariky ny fanajana avy amin'ny fihaonany tamin'ny kolontsaina izay nandramany taona maromaro taloha. Mazava tamiko fa ho an'ireo olona izay nanana izany fanandramana izany na tsy mahafantatra zavatra hafa afa-tsy io kolontsaina io, dia hihevitra fa satria izany no notakin' Andriamanitra tamin'i Mosesy, noho izany mandeha ho azy izany ho an'ny olona rehetra fa io no endrika na fomba fivavahana manerana izao tontolo izao. Mitovy amin'izany koa, misy fikorontanana betsaka sy adihevitra lava kanefa foana mikasika ny fomba fanehoana fanompoam-pivavahana mety sy azo ekena eo amin'Andriamanitra. Iza amin'ireo fanandramana fanompoam-pivavahana no tsara indrindra? Iza no ekena sy ankasitrahan'Andriamanitra kokoa? Iza no hoeken'Andriamanitra ary ny an'iza no holaviny? Tena niteraka fifandonana tokoa izany, koa maro tamin'ireo olona, indrindra ny tanora mpivavaka no diso fanantenana sy very hevitra ary kivy. Ny sasany aza niala tamin'ny tenan'i Kristy satria natao izay hahatsapan'izy ireo fa tena mpanota sy tsy matahotra an'Andriamanitra izy ireo noho ny fomba fanehoan'izy ireo ny tenany amin'Andriamanitra izay tian'izy ireo sy tia azy ireo tsy misy fepetra.

Misy singa fototra telo izay tokony hotehirizina ao an-tsaina raha miresaka ny fiderana sy fiankohofana. Voalohany, tsy maintsy heverintsika hoe iza no hiantefan'ny fiderana sy fiankohofana. Faharoa, tsy maintsy takatsika ny zava-kendren'ny fiderana sy fiankohofana ary farany, tsy maintsy jerentsika ny fanandramana teo amin'ny fiderana sy fiankohofana.

Ny Apôk. 14;6,7 no maneho mazava hoe iza no hiantefan'ny fiderana sy ny fiankohofana ataontsika. Iza no fivakiny: “*Matahora an'Andriamanitra ka omeo voninahitra Izy (...)*”. Eo aloha kely amin'ny toko faha-4;11, dia omena antsika ny antony tokony hiankohofantsika amin'Andriamanitra. Iza no no voalazany: “*Hianao, Tomponay sy Andriamanitray, no miendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery; Fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra, Ary noho ny sitraponao no nahanisy sy nahary azy.*”

Andriamanitra irery ihany no tokony hiantefan'ny fiankohofantsika satria Izy no mpahary ny zavatra rehetra. Velona sy mihetsika ary miaina isika noho Izy. Tokony homentsika azy ny zavatra rehetra. Izy no nanao antsika. Izy no manohana antsika, ary Izy no nanavotra antsika. Miankohoka sy mivavaka amin'Andriamanitra isika satria izy irery ihany no mendrika ny haja sy ny fiderana. Miankohoka sy mivavaka Aminy isika satria tsy misy hafa izay manana ny fahefana hamorona sy handrava. Izy irery ihany no Andriamanitra. Izy no manana ny hery rehetra, eo amin'ny fotoana rehetra, manana ny fahalalana rehetra. Andriamanitra ary Andriamanitra irery ihany no mendrika ny voninahitra sy ny haja ary ny fiderana rehetra.

Ny singa fototra faharoa amin'ny fiankohofana dia ny zava-kendrena. Nahoana isika no miankohoka sy mivavaka? Mikatsaka mandrakariva ny hiankohoka sy hivavaka ny olombelona. Tena efa raiki-tampisaka ao amin'ny mahaisika antsika ny manome endrika fankalazana na fanajana olona na zavatra. Izany no antony ahitantsika firenena maro tany aloha be tany tao amin'ny firaketana ny tantara manana andriamanitra maro samihafa izay niantefan'ny fiankohofana ny ny fivavahan'izy ireo. Amin'ny toe-javatra sasany dia misy andriamanitra maro araka izay filàna sy ny toe-javatra. Ireny andriamanitra ireny, matetika, dia nataon-tanana na zavatra hafa tsotra fotsiny hita eny amin'ny zavaboary izay noharian'Andriamanitra. Manana zava-kendrena manokana ny andriamanitra tsirairay ary antsoina rehefa misy filàna manokana. Noho izany dia misy fanontaniana tokony apetraka hoe: Nahoana no miankohoka sy mivavaka ny olombelona?

Maro samihafa ny zava-kendren'ny fiankohofana. Mba ho fanehoana ny hatsarany sy fiderana an'Andriamanitra izay nanao antsika. Natao hitondra antsika ho tena eo anatrehany ny fiankohofana. Ho fanampin'ny fitondrana antsika amin'ny fanandramana lalindalina kokoa amin'Andriamanitra, ny fiankohofana koa dia mampiorina sy manamafy ny fisakaizantsika amin'ny hafa. Mitarika antsika hanakaiky kokoa an'Andriamanitra sy hampifanakaiky antsika kokoa izany. Fotoana fiombonana amin'ireo mambran'ny tenan'i Kristy izay mitovy hevitra izany. Kanefa mihoatra noho izany, ny fiankohofana no mampiitatra ny fiangonana mankany amin'ny fiaraha-monina, izay hanompoantsika tahaka ny nanompoan'i Kristy. Ny asa fanompoana kristianina rehetra dia fanompoam-pivavahana.

Fanomezana tanteraka ny tenantsika manontolo amin'ny teny sy ny vavaka ary ny fanatitra ataontsika sy amin'ny asa fanompoana ny fiankohofana. Ary indrindra fanandramana sy fihaonana amin'Andriamanitra sy ny olona isan'andro isan'andro ny fiankohofana. Na aiza na aiza misy antsika ary na inona na inona ataontsika dia tokony hikatsaka ny hizara ny fahatsaran'Andriamanitra sy ny fitahiany amin'ireo zavatra rehetra ataontsika isika. Ireo asa fanompoana atao isan'andro ireo dia mahatratra ny fara tampony amin'ny fiarahana sy ny fifankatiavana rehefa mihaona ireo mpino mitovy hevitra mba hankalaza ireo fitahian'Andriamanitra.

Farany, tena zava-dehibe ny ahatakarantsika ny fanandraman'ny fiankohofana. Ny olona rehetra dia samy manao fanandramana manokana amin'Andriamanitra. Sahala amin'izany koa, ny olona rehetra dia maneho ny fanoloran-tenany amin'Andriamanitra niainga avy tamin'iny fanandramana iny. Ny ankamaroan'ny fiangonana dia manaraka litorjia efa voafaritra araka ny laharany. Ao amin'ny ankamaroan'ny Fiangonana Advantista mitandrana ny Andro Fahafito dia tena mitovy izany filaharana izany manerana izao tontolo izao, miaraka amin'ny fahasamihafana kely etsy sy eroa. Matetika ny endrika isehoany sy ny fomba fiankohofana sy ny fivavahana dia mifangaro amin'ny fanandraman'ny tenan'ny fiankohofana.

Tsy dia misy ifandraisany firy amin'ny fanandraman'ny fiankohofana ny endrika sy ny fomba fiankohofana. Ny fahaiza-mikaroka ananan'ny mpitarika fanompoam-pivavahana sy ny fahitsian'ny mpivavaka tsirairay no mamaritra, amin'ny lafiny betsaka ny fanandramana amin'ny fiankohofana. Ny tenin'Andriamanitra dia mampirisika antsika ho tonga eo anatrehany

amin'ny fisaorana sy eo ankianjany amin'ny fihobiana. Mazàna, arakaraka izay hoentintsika ao amin'ny fanompoam-pivavahana ihany no azontsika avy ao. Na dia manana ny anjara asa tazominy aza ny pasitora sy ny mpitarika fanompoam-pivavahana dia ny mpivavaka tsirairay no tompon'andraikitra amin'ny fahatanterahana faratampony ao amin'ny fiankohofana.

Ny vokatr'io Salamo io, ny fiankohofana dia tsy miainga avy amin'ny toerana fivorianananyfotoanaiarahanamivavakaamim-pirahalalahiana. Nyfiankohofana dia toe-tsaina, fomba fiaina, fomba fiasan'ireo hetsika sy fanandramana atao isan'andro. Arakaraka ny habetsaky ny fandraisan'ajaran'ny saina sy ny fo miaraka amin'Andriamanitra sy ny teniny isan'andro no habetsaky ny tombontsoa azo amin'ny fanandraman'ny fiarahana mivavaka sy miankohoka. Tena sarotra ny manao fanandramana ny anankiray raha tsy eo ilay iray hafa. Izy roa miaraka, izany hoe ny fanandraman'ny fiankohofana ataon'ny tena manokana sy ny iarahana amin'ny besinimaro dia manana ny anjara asany amin'ny fanandraman'ny fiankohofana sy ny fivavahana amin'ny ankapobeny.

Mampirisika ny tsirairay avy aminareo aho handray fanapahan-kevitra hentitra sy feno finiavana ny hifantoka amin'ny fihaonan'ny tenanao manokana amin'Andriamanitra. Tena resaka ho an'ny tenanao manokana izany. Afaka manao zavatra betsaka koa ny ray aman-drenintsika. Kanefa amin'ny maha-olona manana ny maha-izy azy antsika dia tsy maintsy raisintsika ny andraikitra sy ny maha-tompony antsika ny fifandraisana ara-panahy. Ity herinandro ity dia natokana ho an'ny tanora ho iray amin'ireo tombontsoa fanararaotra amin'ny fiarahana mivavaka sy ho fanohanana ny fihaonanao ara-panahy amin'Andriamanitra. Tsy ny habetsaky ny fivoriana fiaraha-mivavaka na ny fanompoam-pivavahana no miantoka ny fototra kristianina mafy orina. Na dia izany aza, ny fanandramana amin'ny fanompoam-pivavahana iraisana sy ny fiankohofana ataon'ny tena manokana no manome hery sy fanampiana amin'ny dia kristianina ataontsika. Raha fehezina dia isika tsirairay avy no tompon'andraikitra amin'ny filazonana ny fifandraisana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fifandraisana Aminy isan'andro.

Rehefa ny zavatra ifantohan'ny fiankohofana no miala amin'izay hiantefan'ny fiankohofana mankany amin'ny fombafomba sy ny endriky ny fiankohofana dia misy mandrakariva adihevitra tsy misy farany sy tsy misy na inona na inona ary fikorontanana. Raha mandeha miverina any amin'ny modelin'ny Testamenta vaovao isika dia hahita fa ireo nantsoina hivoaka, na ny tenan'ireo mpino an'Andriamanitra dia mampifanaraka ny fanompoam-pivavahana ataony hifandrindra amin'izay rehetra toerana misy azy sy ny tontolo iainana misy azy ireo. Amin'ny fotoana sasany dia eny amoron-drano izy ireo, amin'ny fotoana hafa dia tao an-tokantrano, na any amin'ny sinagôga, eny na dia any amin'ny fonja aza. Ny marina, ny fanompoam-pivavahana dia tsy dia miankina loatra amin'ny toerana manokana na fomba fanao na endrika manokana, fa mifanaraka amin'ny toe-javatra na ny tontolo iainana izay misy azy ireo ary amin'ny toe-javatra sasany aza dia amin'izay filan'ny vondrona na toe-javatra manokana.

Tamin'ny izaho mbola zatovolahy dia mbola tadidiko tsara ny fihaonako tamin'Andriamanitra tamin'ny fomba mahatalanjona. Tamin'ny fiandohan'ny taona 1980, dia namaky ny toritenin'ny herinandro fiaraha-mivavaka tahaka ity iray ity aho. Tahaka ny ankamaroan'ny zatovo dia nanana olana

sarotra mahakasika ny maha-izaho ahy aho. Tsaroako ny namaky sy nigoka ireo teny tsirairay avy tamin'ny tari-dalana tao amin'ny boky kelin'ny herinandro fiaraha-mivavaka nantsoina hoe “Accent” (*tsindri-peo*). Nilaza ny mpanoratra fa azontsika atao ny miseho araka izay tena maha-isika antsika eo amin'Andriamanitra ary miresaka aminy tahaka ny namana akaiky. Efa fantatr'Andriamanitra sahady izay maha-isika antsika sy ny zavatra eritreretintsika na hilaza izany Aminy isika na tsia; vakiny ny fisainantsika. Na dia ny fisainana mahatsiravina ananantsika amin'ny olona iray hafa aza, hitany sy fantany avokoa ireny. Tena noraisiko ara-bakiteny ireo teny ireo. Tena nanana fisainana miiba sy fihetseham-po tsy tsara saiky tamin'ireo olona rehetra manodidina ahy tokoa aho vokatry ny krizin'ny maha-izaho ahy teo amin'ny fahatanorako.

Raha mbola nanohy namaky aho dia nanoso-kevitra ny mpanoratra fa tokony hitady toerana misokatra amin'ny lanitra aho izay ahafahako mijery mivantana ny habakabaka ary miteny mivantana amin'Andriamanitra tahaka ireny miresaka mivantana Aminy ireny. Ny torolalana dia ny mivavaka amin'Andriamanitra, ny miresaka Aminy ary maneho Aminy ireo fisainana miiba sy fihetseham-po tsy tsara rehetra izay nananako tamin'ireo olona rehetra izay noheveriko fa manohitra ahy. Dia mbola narahiko koa ny teny rehetra voalaza tamin'ireo tari-dalana ireo; niaraka tamin'ny Baiboliko sy ny boky kely “accent” tsindri-peon'ny asa fanompoan'ny tanora aho dia nankeo amin'ny toerana malalaka an-kalamanjana teo an-tanimbolin'ny raiko, ary teo, miaraka amin'ireo hazo fihinam-boa no nandoarako teo anatrehan'Andriamanitra ny fahatafintohinana sy fahatezerana ary ratra rehetra izay nananako tamin'ny olona rehetra ary tao anatin'izany ireo ray aman-dreniko sy ireo ankohonana tao am-piangonana. Mbola tsaroako tahaka ny vao omaly ny fiadanana tsapako taorian'izay fihaonana izay. Tena fanandramana be dia be izany ka dia lasa fahazarana ho ahy ny mandeha eo amin'io toerana io indrindra nandritra ny maraina maromaro ary miankohoka amin'Andriamanitra, mamboraka Aminy ny momba ahy rehetra.

Izany fihaonana tamin'Andriamanitra lalina izany no tena nanandratra ahy avo indrindra tamin'ny fanandramana amin'ny fiankohofana. Raha ny tena marina dia nandritra izany fanandramana tao an-tany hay, teo anivon'ny hazo fihinam-boa sy ny bozaka tao an-tanimbolin'ny raiko no nanamafisana ny antsoko amin'ny asa fanompoana ho tonga mpitandrina amin'ny fotoana feno. Niriko mandrakariva ny ho tonga pasitora amin'ny fotoana feno, kanefa tao anatin'ny fanandramana ny krizin'ny maha-izaho ahy teo amin'ny maha-zatovo dia very izany fitiavana sy afo miredareda izany. Nanomboka nijery ireo lalan-kafa momba ny asa hataoko aho. Saiky very izany faniriana miredareda ny ho mpitandrina izany noho ny fanandramana sy ny fihaikana sarotra nolalovako teo amin'ny maha-mpitarika tanora ahy teo amin'ny fiangonana teo an-toerana. Teo amin'izany fanandramana teny an-tampon-tendrombohitra sy ny firesahana mivantana amim-pahamatorana tamin'Andriamanitra izany izay nanehoako ara-bakiteny ny fihetseham-po ratsy nokolokoloiko tamin'ny olon-drehetra, ary ao anatin'izany ny tenako, teo no nanaovako voalohany fanandramana tena izy ny amin'ny fiankohofana.

Tsy izany velively no raiki-pohy izay tsy maintsy ampifandrindrana sy ampiharina amin'ny fanandramana amin'ny fiankohofana rehetra.

Hatramin'izay dia nanompo amin'ny maha-filohan'ny tanora tao amin'ny federasiona sy ny fivondronambe aho ary nahita karazana endrika sy fomba ary fanaovana fanompoam-pivavahana maro samihafa izay andramanao izay mamaky ankehitriny. Ary dia avy amin'ireny fanandramana ireny no nahazoako fitahiana sy fankasitrahana lehibe Ilay Andriamanitra mahagaga izay mankafy ny endrika fiankohofana sy fiderana samihafa asehontsika.

Amin'ny maha-pasitora sy mpitarika tanora ahy dia talanjona aho mahita ny toa fahombiazan'ny devoly amin'ny fiezahany hizarazara antsika amin'ny fampiasana ny fahasamihafantsika. Hitako ny hanaovan'i Satana ny fifantohan'ny fiankohofantsika hiala amin'Andriamanitra hankany amin'izay zavatra tian'ny tsirairay manokana sy ireo endrika samihafa. Natao hiderana an'Andriamanitra ny fiankohofana sy hanehoana firaisam-po amin'ny tenan'ireo mpino. Kanefa ny fahavalon'ny fanahintsika dia nahatonga ny maro amin'ireo tenan'i Kristy ho variana sy mivily lalana ary kivy - satria tsy Andriamanitra no nataony ho zavatra ifantohana fa ny zavatra tiany manokana sy ireo fihetsika ankafiziny.

Tena tian'Andriamanitra ny fisian'ny karazan-javatra samihafa sy ny fahasamihafana. Izany no nanaovany antsika. Na ao amin'ny endrika fanehoana ny mozika izany na ny endrika fanehoana amin'ny tantara vokatry ny fahaiza-mamorona. Ao amin'ny kolontsaina sy fiteny ary ny olona rehetra dia misy karazany maro samihafa ny mozika sy ireo endrika isan-karazany vokatry ny fahaiza-mamorona hanehoana ny fiankohofana. Tian'Andriamanitra raha ireny karazana endrika samihafa ireny no hirindra ho iray hanehoana ny fanandramana amin'ny fanompoam-pivavahana. Ny zava-maneno tsirairay avy dia mamoaika feo samihafa. Na tendrena tsirairay na ampiarahina ao anaty ôrikesitra na tarika; ny haren'ireny zava-maneno ireny dia manandratra ny fanahy sy manome voninahitra an'Andriamanitra rehefa afantoka amin'ny tena zavatra hiantefan'ny fiankohofana.

Mino aho fa maro ireo tanora, ao anatin'izany ireo taranaky ny taon'arivo sy ireo taranaka mandimby izay nomen'Andriamanitra talenta maro samihafa, afaka hanatsara bebe tokoa ny fanandramana eo amin'ny fiankohofana. Ny sasany mety hifanaraka amin'ny kolontsaina iray kokoa noho ny hafa kanefa izy rehetra dia samy manome voninahitra sy fiderana avokoa ilay Iray izay niantso ny tenan'ireo mpino hiala amin'izao tontolo izao. Tena tian'Andriamanitra ny famoronana zava-baovao. Mino aho fa tena ankasitrahany ny fahaiza-mamorona sy mikarokaroka ary ny fahasamihafana eo amin'ny fanehoana araka ny kolontsaina ny fiankohofana.

Tafiditra ao anatin'ny fiankohofana ny fisainana sy ny fahatsapana, ny lafiny ara-tsaina sy ny fihetseham-po. Raha ny marina dia mahakasika ny tenantsika manontolo ny fandraisan'anjara amin'ny fiankohofana, ny ara-batana sy ny ara-piaraha-monina, miaraka amin'ireo fanehoana azy rehetra, ny fanazavana azy araka ny kolontsaina sy ny fanandramana. Manasa antsika Andriamanitra hitondra ny tenantsika manontolo, isika rehetra, amin'ny maha-fanatitra velona, sitrak'Andriamanitra. Izany no fanompoam-pivavahana tokony hataontsika. Aoka izay rehetra manam-pofon'aina avy amin'ny firenena rehetra, sy ny foko rehetra ary ny samihafa fiteny sy ny olona rehetra hidera an'i Jehôvah. Deraina anie ianao Jehôvah.

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra:

1. Ny olombelona dia mikatsaka mandrakariva zavatra iray na olona mba hiankohofana sy hivavahana. Miombon-kevitra amin'izany ve ianao sa tsia?
2. Tamin'ny hafatra tamin'ity hariva ity dia nifantoka tamin'izay iantefan'ny fiankohofana sy ny zava-kendreny ary ny fanandraman'ny fiankohofana isika. Velabelaro misimisy kokoa ny mahakasika izany.
3. Inona no anjara asan'ny kolontsaina sy ny fanandraman'ny tena manokana eo amin'ny fanandraman'ny fiankohofana?

Mandray ny Maha-iano anao

Lohahevitra:

Ny Maha-Advantista

— *Inona no mampiavaka ny Tanora Advantista?*

- **Andininy Fototra:** Apôk. 12:17
- **Hevitra Fototra:** Ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia Kristianina izay manaiky ny fampianaran'ny Soratra Masina, ao anatin'izany ny didy folo sy ny Sabatan'ny Andro Fahafito, sady miandry ny Fiverenan'i Jesôsy Kristy Fanindroany.

Fampidirana

Ny Kristianina Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia manana ny maha-izy azy miavaka sy manokana. Na dia mizara foto-pinoana maro mitovy amin'ny fiangonana Kristianina hafa aza isika, dia misy ireo fampianarana miavaka izay mahatonga antsika hitokana ary mahatonga antsika ho samihafa amin'ny fomba maro.

Ny fahazoantsika ny faminanian'ny Baiboly sy ny fifandraisany amin'ny zavamisy amin'izao fotoana izao, ohatra, dia zavatra lehibe iray izay mitondra ny fomba fijerintsika ny amin'ny "*eschatologie*" na izay mahakasika ny fiafaran'izao tontolo izao araka ny Baiboly. Tahaka ny ankamaroan'ny Kristianina dia miandry ny fiverenan'i Jesôsy fanindroany ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Kanefa isika dia manana fahatsapana fahamehana mifototra amin'ny faminanian'ny Baiboly izay tsy dia ankasitrahan'ny fiangonana Kristianina hafa.

Fanampin'izany koa, ny fahazoantsika ny momba ny fitsarana izay mifandray amin'ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apôk. 14 sy ny faminanian'ny 2300 andro dia miavaka amin'ny fomba maro raha oharina amin'izay azo sy inoan'ny ankamaroan'ny olona. Kanefa koa isika dia tsy mino hoe mahatonga antsika ho ambony kokoa na tsara kokoa noho ireo Kristianina hafa izany fiavahana izany.

Tahaka ireo mpino hafa dia manaiky isika fa ny famonjena dia tsy azo avy amin'ny asa tsara na fitandremana ny lalàna. Ny Advantista dia mino fa ny famonjena dia avy amin'ny fahasovana amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesôsy

Kristy Tompontosika. Io fanomezan'ny fahasoavana maimaimpoana izay omena ny rehetra io ihany no fitakiana tokana ahazoana famonjena.

Ho valin'izany fanomezan'ny fahasoavana izany dia manaraka an'i Jesôsy isika ary mankatò ny didiny rehetra amin'ny fomba feno. Vokatry ny fitosahan'ny fitiavan'Andriamanitra ho an'ny mpanota dia tsy manan-tsafidy isika afatsy ny hitia Azy koa ary hizara izany fitiavana izany ho an'ireo namantsika. Milefitra tanteraka ao ambanin'ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fisafidianana hanana fiainana mifanaraka amin'ny didiny rehetra tahaka ny nileferan'i Jesôsy tao ambanin'ny sitrapon'ny Rainy ary nankatoavany ny didiny.

Androany isika dia handany fotoana hifantoka amin'ny sasany amin'ireo fiavahana fototra ireo ary hijery ny amin'ny fomba hanavahan'ireo foto-pinoana ireo antsika amin'ny fiangonana Kristianina hafa, ary koa ny maha-isika antsika amin'ny maha-Tanora Advantista antsika.

Toriteny

Fony aho mbola Mpitarika Tanora dia nanana hira faneva izahay izay milaza fotsiny hoe:

“Tanora Advantista izahay, avy amin'ny tany sy ranomasina rehetra,

Miara-mivavaka, miara-miasa sy miara-milalao am-pirindrana feno fifaliana,

Manana finoana hozaraina amin'ny olona rehetra n'aiza n'aiza izahay,

Hafatra feno fitiavana avy amin'Andriamanitra ao ambony

Haneho amin'izao tontolo izao fa miahly azy izahay. Tanora Advantista.”

Fa iza moa ireo tanora Advantista ireo? Inona no zavatra inoany? Ahoana no hamantarantsika azy ireo? Mahazo ireo fanontaniana ireo matetika aho rehefa milaza amin'ny olona fa Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Mahazo karazana famaritana mahavariana marobe ihany koa aho ny amin'ny maha-isika antsika mifototra amin'ny fanandramana sy ny fifaneraserana manokana amin'ireo mambran'izany vondrona mpino miavaka izany. Mino aho fa efa naheno famaritana sy hevitra maro karazana avy amin'ny olona maro samy hafa koa ianareo. Mety ho ao anatin'izany ny filazana antsika ho sekta na hafahafa, na olona mivavaka amin'ny andro Sabotsy sady tsy mihinana kisoa.

Raha ny marina, mahafantatra mambran'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito maro aho izay manana fahasaratana lehibe amin'ny filazana ny momba antsika sy ny zavatra inoantsika ao anatin'ny fehezanteny iray. Noho ny antony maro dia azoko tsara ny mahatonga izany ho tena sarotra atao. Raha tohizana ny zavatra nojerentsika omaly dia betsaka amin'ny zavatra fantatsika sy azontsika amin'ny maha-Advantista antsika no avy amin'ny fanandraman'ny tenantsika manokana. Matetika isika dia manaiky fotsiny izay hitantsika sy fantatsika avy amin'ny fanandramantsika

eo an-toerana ary mampiasa izany ho fenitra ho an'ny vatan'ny mpino iray manontolo manerana ny tany.

Indraindray dia mety ho tsara sy marina ireny fanazavan-kevitra sy fanandramana ireny, indraindray kosa anefa dia mety tsy ho tsara loatra ary mety ho diso mihitsy aza. Tsy milaza ny tenako ho matihanina na manana ny tena fanazavana marina na fehezanteny mamaritra ny maha-izy azy ny Advantista akory aho. Kanefa dia manana fahatakarana ny amin'izay inoan'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito avy amin'ny fikarohana ny Soratra Masina sy ny fotoana nolaniko tao amin'ny seminera ary amin'ny maha-mpitandrina voahosotra ahy aho.

Noho izany, alohan'ny hiresahako ny mahakasika ny maha-isika antsika dia mamela ahy hizara ny fahazoako manokana ny maha-izy azy ny Advantista ao anatin'ny fehezanteny iray. ***Ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia vondrona Kristianina mino ny Baiboly izay manaiky ny fampianaran'ny Soratra Masina, ao anatin'izany ny didy folo sy ny Sabatan'ny Andro Fahafito, sady miandry ny Fiverenan'i Jesôsy Kristy Fanindroany.***

Maro ny zavatra izay azo tsoahina sy hazavaina avy amin'io fanambarana io. Ny ankamaroan'ny olona dia mampiasa fotsiny ny teny hoe Advantista hanafuhezana ny hoe Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito rehefa miresaka momba ity vondrona mpino ity. Hampiasa izany koa aho amin'ny ankamaroan'ity famelabelarana ity. Raha ampiasaina io famaritana eo ambony io dia maro ireo fahamarinana fototra izay miavaka tsara ho foto-pinoana sy hamantarana ny fitsipi-piainana fototra.

Finoana ny Baiboly

Ny finoana ny Baiboly dia midika fa manaiky ny Soratra Masina iray manontolo ho fanambarana ny sitrapon'Andriamanitra isika. Ny Advantista dia mino fa "izay soratra rehetra dia nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra" (2 Tim. 3:16,17). Midika izany fa ny Baiboly no Tenin'Andriamanitra izay nampitaina tamin'ny alalan'ireo lehilahy sy vehivavy nahazo tsindrimandry avy amin'Andriamanitra. Ireo lehilahy sy vehivavy ireo dia nahazo tsindrimandry mivantana avy amin'ny Fanahy Masina ary nanoratra sy niteny araka izay nambaran'Andriamanitra (Vakio ny 2 Pet. 1:20,21). Ny Soratra Masina iray manontolo dia azo avy tamin'ny tsindrimandry tamin'ny fomba mitovy, noho izany, ny Soratra Masina iray manontolo, avy amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apôkalipsy, dia ahitana ny fahamarinan'Andriamanitra izay azo ampiharina sy mandaitra amin'ny olona rehetra amin'ny toerana rehetra.

Ny Baiboly no Teny masin'Andriamanitra tsy mety diso. Tsy mino isika hoe ao anatin'ny avokoa ny hafatr'Andriamanitra rehetra ho an'ny olombelona, satria Andriamanitra dia mbola manome aingam-panahy ny olona maro amin'izao fotoana izao ary mbola miezaka hampita ny fahamarinany amin-tsika. Kanefa isika dia mino fa ny fahamarinana sy ny hafatra rehetra izay milaza azy ho avy amin'Andriamanitra dia tsy maintsy tsapaina amin'ny alalan'ireo fahamarinana izay efa nambara ao amin'ny Soratra Masina. Ny hafatra na fanambarana môderina izay avy amin'Andriamanitra dia tsy hanohitra mihitsy ny zavatra izay efa voambara. Izany no tian'i Petera holazaina raha

niteny izy hoe “*fa ny famoahan-kevitra ny faminiana ao amin’ny Soratra Masina dia tsy efan’ny fisainan’ny olona fotsiny ihany*” - 2 Pet. 1:20

Efa naneho ny tenany tamin’ny fomba mazava ao amin’ny Baiboly Andriamanitra. Ny fanambarana na fanazavana hafa rehetra izay ho avy dia tsy maintsy mifanaraka tanteraka amin’izay efa nambarany sy nasehony. Amin’ny maha-Kristianina mino ny Baiboly azy, ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia manaiky fa tsy manana fahafaham-pitondrana amin’ny fahamarinana na ny Soratra Masina. Fantatsika tsara fa maro ireo fiangonana Kristianina hafa izay manaiky sy mino ny Baiboly ho Tenin’Andriamanitra.

Fantatsika koa anefa fa misy maro samy hafa ny fanazavana sy fahatakarana ny Soratra Masina, na ao anatiny na ivelan’ny fiangonana. Tsy mila fanampiana hanazavana ny tenany Andriamanitra. Izay zavatra tiany hampitaina amin’ny zanak’olombelona dia vitan’ny tenany ihany, tsy navelany ho amin’ny fanazavantsika sy fahatakarantsika fotsiny ihany izany. Mety ho diso ny olombelona, Andriamanitra irery ihany no tsy mety diso.

Ilay Andriamanitra mahalala ny zava-drehetra sy manana ny fahendrena rehetra dia nahafantatra fa hanodina sy handiso fanazavana ny teniny ny olona. Noho izany, nisafidy tsara ny lehilahy sy ny vehivavy mahatoky amin’ny taranaka rehetra Izy, nandritry ny taona an-jatony, hilaza sy hanoratra mazava tsara ny hafany, ary hanazava izany mba tsy hisy olona ho fanina, na hanova na handiso izay tena tiany holazaina. Mila mitandrina tsara ny olombelona mba tsy hametraka ny heviny manokana na ny fahatakarany ara-kolontsaina ao amin’ny Soratra Masina. Tsy mila ny fanampiantsika Andriamanitra. Raisintsika amin’ny teniny fotsiny Izy. Matoky ny teniny isika, satria Izy irery ihany no tanteraka sy masina sy marina ary tsara.

Kristianina

Ny teny hoe Kristianina dia midika fa mpanara-dia an’i Kristy isika. Midika izany fa ny Advantista, tahaka ny ankamaroan’ny fiangonana Kristianina hafa, dia manaiky fa i Jesôsy dia tonga nofo, niaina fiainana tsy nisy fahotana, voahombo tamin’ny hazo fijaliana ary nitsangana indray. Ny Advantista dia mino fa amin’ny alalan’i Jesôsy Kristy irery ihany no ahazoana famonjena. Ny fahafatesany teo Kalvary no fanavotana ho an’ny fahotantsika ary manome onitra feno amin’ny olan’ny fahotana.

“Ary tsy misy famonjena amin’ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin’ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena.” – Asa. 4:12

Amin’ny maha-vatan’ny mpino Kristianina antsika dia manaraka ny fampianaranasyny fomban’i Jesôsy rehetra isika, ao anatin’izany ny fandraisana ny zanak’olombelona rehetra ho rahalahy sy anabavy, na inona foko na inona vondrona na inona antokom-pivavahana misy azy. Tsy mpanavakavaka olona Andriamanitra. Na aiza na aiza misy olona mila fanampiana dia any no tokony hizaran’i Jesôsy sy ny mpianany fitiavana sy fanantenana ary tanana manampy. Izany no mahatonga ny Advantista manerana ny tany handray anjara mavitrika amin’ny asa fanasoavana ny olombelona. Miasa mafy isika amin’ny fametrahana sy fanaovana ezaka ara-pivoarana sy ara-panabeazana, ary manampy amin’ny fotoan-tsarotra, manerana izao tontolo izao.

Tanora Advantista toa anao no efa namaly ny antson'Andriamanitra amin'ny iraka any amin'ireo faritra mitokana amin'izao tany izao. Miala any an-tsekoly na any am-piasana mandritra ny volana sy taona maro izy ireo ho lasa tanana sy tongotr'i Jesôsy ho an'ireo olona mila fanampiana. Izany no tena maha-izy azy ny Advantista. Ao amin'ny fanehoantsika fiantrana sy fikarakarana ireo ory sy mila fanampiana no ahitan'ny Kristianina ny tena maha-izy azy. Ny teny hoe Kristianina dia midika fa mpanara-dia an'i Kristy isika. Manome ny maha-isika antsika io anarana io, kanefa ny fampiharana an'i Jesôsy no tena manome ny maha-azo itokiana sy tena izy antsika. Ny olona rehetra dia azo antsoina amin'ny anarana rehetra, fa ny zavatra ataontsika sy ny fitondran-tenantsika no manome ny tena maha-isika antsika sy ny tena maha-azo itokiana antsika.

Nantsoina ny Kristianina Advantista mba hitaratra ny fiainana sy ny asan'i Jesôsy n'aiza n'aiza alehantsika. Tsy voafetra amin'ny fotoana na toeram-pivoriana voafaritra izany. Jereo fotsiny ny fiainan'i Jesôsy. Ny ankamaroan'ny fampianarana sy fahagagana lehibe indrindra nataony dia tsy tao anatin'ny trano hita maso mihitsy. Nandehandeha mandrakariva Izy. Nitady fahafahana mandrakariva Izy hanatsarana ny fiainan'ny olombelona sy hanamaivanana ny fijaliany. Izany no fivavahana Kristianina tsara indrindra. Ny asan'i Jesôsy, tahaka ny an'ny mpanara-dia Azy rehetra, dia nahomby indrindra tany amin'ireo toerana izay betsaka indrindra ny fijalian'ny olona. Nanao izay faraheriny i Jesôsy hametraka ny tenany any amin'ny toerana ahafahany manao soa betsaka indrindra ho an'ireo izay tena nila izany. Izany no tena fivavahana Kristianina.

Sabatan'ny Andro fahafito

Singa fototra iray ao amin'ny maha-izy azy ny Advantista ny Sabata. Mino ny Advantista fa mbola manana ny maha-izy azy ankehitriny ny Didin'Andriamanitra rehetra amin'ny maha-fitsipi-piainana ampiharina amin'ny fari-piadihana rehetra eto ambanin'ny masoandro. Araka izany, tsy manana fahefana isika hanapa-kevitra hoe iza no tokony ho mbola tandremana ary iza no tsy tokony intsony. Mbola tokony hotandreman'ny olona rehetra amin'ny toerana rehetra sy ny fotoana rehetra ny didin'Andriamanitra manontolo. Iray amin'ireo fitsipi-piainana maro maharitra mandrakizay izay nomena ny taranak'olombelona amin'ny toerana rehetra ny Sabata ary marika hamantarana ny fankatoavana sy ny maha-izy azy ny Kristianina.

Tsy mampianatra na mino ny Advantista fa afaka mamonjy ny olona amin'ny fahotana ny didy na ny Sabata. Fa etsy andanin'izany, manameloka ireo izay tsy mankatò azy ny lalàna. Na izany aza, tahaka ny lalàna rehetra any amin'ny tany rehetra, rehefa voadika izany dia misy vokany. Rehefa dikaina ny lalàn'Andriamanitra dia misy ny vokany sy ny fanarenana. Milaza ny Baiboly fa: "Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra." Tsy ao amin'ny lalàna na ao amin'ny Sabata ny famonjena. Ao amin'ny i Jesôsy irery ihany ny famonjena. Izany no tena maha-izy azy marina ny Advantista.

Mino ny Advantista fa manandrana fanovana avy ao anatiny sy avy eo ivelany izay rehetra novonjena tamin'ny fahasovan'i Jesôsy Kristy. Tsy hisy ny tena

fiovam-po marina raha tsy misy fanovana tanteraka amin'ny lafiny rehetra. Fanandramana isan'andro sy miandalana izany ary mazàna antsoina amin'ny teny hoe *fanamasinana*. Dingan'ny fitomboana isan'andro izany amin'ny fiankinana amin'i Jesôsy ho fandresena ny fahotana sy ny fakam-panahy.

Mino ny Advantista Mitandrana ny Andro fahafito fa manana hafatra miavaka izay manana lafiny roa sosona amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra azy amin'ny andro farany. Hiantso ny olona hiala ao amin'ny fiankohofana sy fampianarana diso ary haneho amin'izy ireo ny fiankohofana ilay tena Andriamanitra marina sy velona. Ho setrin'izany antso hiala amin'ny fampianaran-diso izany dia tsy maintsy hisy fanoherana avy amin'i Satana, izay fanoherana ny tena fiankohofana marina amin'Andriamanitra.

Araka ny voalazan'ny Apôk. 12:7-12, dia ady sy fifanandrinana no aterak'izany, izay raha ny tena marina nanomboka tany an-danitra. Aty aoriana ao amin'io toko io ihany, ny sisa, na ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany dia ny *Fitandremana ny Didin'Andriamanitra sy ny fananana ny Filazana an'i Jesosy Kristy* no marika hahafantarana azy ireo. Raha fintinina, ny tena fiangonan'Andriamanitra marina na ireo vahoaka izay nantsoina hivoaka dia ho mahatoky sy marina amin'ny Didiny ary ho tarihin'ny fijoroana ho vavolombelon'ireo Mpaminaniny nandritra ny fotoana rehetra. Tena lafiny iray fototra amin'ny maha-izy azy ny Advantista io.

Advantista

Ny ampahany farany amin'ny maha-isika antsika izay hojerentsika androany dia ny finoantsika ny fiavian'i Jesôsy fanindroany ara-bakiteny sy hita maso. Mino ny advantista fa tonga i Jesôsy tamin'ny voalohany amin'ny mahazakely, tahaka izay nolazainy mihitsy. Niverina tany an-danitra mba hiaraka amin'ny rainy izy taorian'ny fanomboana azy teo amin'ny hazo fijaliana sy ny fitsangan'ny maty. Ny teny hoe Advantista dia avy amin'ny teny hoe “advent” izay midika hoe fisehoana na fiaviana. Ny fiaviana voalohany dia fony izy tonga zazakely. Ny fiaviany fanindroany dia rehefa miverina fanindroany amin-kery sy voninahitra Izy, tahaka izay nolazainy fa hataony mihitsy.

Mametraka ny fanantenany mafy orina ny Advantista amin'ny finoana fa iny Jesôsy iny ihany izay tonga zazakely, niara-nandeha tamin'ny olona, nanasitrana sy nampianatra no hiverina indray indray andro any tsy ho ela mba hamarana ny fahoriana sy ny fijaliana rehetra eto an-tany. Hofoanany mandrakizay ny fahafatesana sy ny helo. Ireo izay manaiky sy mino azy ankehitriny no ho velona sy hanjaka hiaraka Aminy mandrakizay mandrakizay. Tena izany no maha-izy azy ny Advantista.

Ny mampalahelo rehefa miresaka ny maha-izy azy ny Advantista isika, ny ankamaroan'ny olona dia mifantoka amin'ny fombafomba amam-panao sy ny fitsipi-piainana izay tena manome lanja ny kolontsaina. Miovaova isaky ny kolontsaina ireny fombafomba amam-panao ireny ary ireny indrindra no antsoina hoe lovantsofina. Tafiditra ao anatin'izany ny fomba fanaovana fanompoam-pivavahana, mozika, fitafy eny fa na dia ny sakafo aza. Ny tena maha-izy azy marina ny Advantista dia tsy hita ao amin'ny lovantsofina, fa eo amin'ny fitsipi-piainana fototry ny famonjena ao amin'i Jesôsy Kristy.

Ireo fombafomba araka ny lovantsofina sy ny fitsipika araka ny kolontsaina

dia tafiditra eo ambany fampianaran'olona manokana avokoa ary mitarika ho amin'ny fikorontanana; ny antony dia tsotra fotsiny: tsy azo atao ny mampihatra izany amin'ny fomba mitovy any amin'ny toerana rehetra sy ny fotoana rehetra. Ao amin'izany fifanjevoana izany dia ho mora ny hahavery ny tena maha-advantista antsika. Tena mino marina ny Advantista fa raha mifikitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra aseho ao amin'ny soratra masina dia ho voasoroka ny fikorontanana rehetra ary ho voatahiry ny tena maha-isika antsika ao amin'i Jesôsy.

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra:

1. Zarao ao amin'ny tarika misy anao ny famaritan'ny tenanao manokana ny maha-izy azy ny Advantista.
2. Amin'ny fomba ahoana no ilazan'ny anarana Advantista Mitandrina ny Andro fahafito ny maha-isika antsika amin'ny maha-vatana.
3. Inona ireo zavatra izay lazain'ny tsy mambra aminao mahakasika izay inoan'ny Advantista?

Lohahevitra:

Ny fiaraha-misakafo amin'ny fampakaram-bady

Ny fiangonana amin'ny maha-ampakarina—Ahoana no fomba tokony hiomanan'ny Tanora amin'ny fiavian'i Jesôsy (Ilay mpampakatra)

- **Andininy Fototra:** Apôk. 19:9
- **Hevitra fototra:** Efa ela no niandrasan'i Jesôsy ny fihaonany amin'ilay fofombady nosafidiny, dia ny fiangonana, ary manao ny fiomanana ho amin'ny fankalazana amim-boninahitra.

Fampidirana

Ny ho tafaray indray amin'ny fiangonany no faniriana lalina ao amin'i Jesôsy. Nitondra fisarahana teo amin'Andriamanitra sy ny olona ny fahotana. Tamin'ny alàlan'i Jesôsy Kristy no nanisiana tetezana izany hantsana izany. Tamin'ny alalan'ny fahafatesany teo Kalvary no nahatanterahan'i Kristy ireo zavatra takin'ny fahotana. Izany no nampisokatra ireo tombontsoa fanararaotra ho amin'ny famerenana amin'ny laoniny feno sy tanteraka ireo taranak'olombelona nikomy.

Nanome teny fikasana ho an'ny fiangonana i Jesôsy mialoha ny hiverenany any amin'ny Rainy. Nilaza izy fa ho avy indray handray ny fiangonany, ny vahoakany mahatoky hiaraka Aminy. Ny Apôkalipsy 19 no milazalaza izany fanandraman'ny lanonana fampakaram-bady izany, izay i Jesôsy Kristy no mpampakatra ary ny fiangonany no ampakarina.

Tsy ho ela intsony dia ho avy amim-pamirapiratana sy voninahitra i Jesôsy handray ny vadiny hiaraka aminy mandrakizay. Ho fihaonana lehibe tokoa izany. Ho fankalazana amim-pifaliana sy voninahitra, raha toa ka ireo vahoakan'Andriamanitra nandritra ny taona rehetra no ho tafahaona indray amin'ny Mpamonjy azy ireo, tsy hisaraka intsony.

Tsy hisy intsony ny fahotana sy ny mpanota. Ho tonga ny fiaraha-misakafo amin'ny fampakaram-badin'ny zanak'ondry ary ny ampakarina, ny fiangonana dia efa niomana. Kanefa noho ny fahasovan'i Jesôsy irery ihany izay nanao sorona ny tenany ho an'ny vahoakany no nahafahana nahatanteraka izany.

Hanana tombontsoa ireo tanora advantista hihaona amin'ireo tanora hafa izay nanao sorona ny fiainan'izy ireo ho an'i Jesôsy Kristy. Endrey, hanao ahoana re izany fankalazana feno fifaliana izany!

Hanokana fotoana isika androany hianarana ireo teny fikasana nataon' i Jesôsy ary hanamafy ny finoantsika ireo teny fikasana ireo. Kanefa manandanja kokoa noho izany dia hotsindriantsika ny maha-zava-dehibe ny fiomanana sy ny hahavonona ny tanora tsirairay eo amin'ny fiainany eo am-piandrasana ny fiavian'i Jesôsy tsy ho ela sy ny fampakaram-badin'ny zanak'ondry. Maranata! Ho avy faingana i Jesôsy.

Toriteny

Amin'ny maha-zaza nitombo tao amin'ny tanàna kely any ambanivohitr' i Jamaika ahy dia nahatsiaro foana ireo dia izay naleha, matetika ireo dia lavitra ataon'ny fiangonana ireo no fivoriana masina na fitsangantsanganana fialam-boly. Tsy dia nisy zavatra betsaka hatao teo amin'ny fiaraha-monina kely nisy ahy, indrindra amin'ny alina, koa tena zava-dehibe ary tombontsoa fanararaotra ho anay tokoa ny mamonjy fivoriana an-dasy, fihaonam-ben'ny tanora na fitsangantsanganana eny amoron-dranomasina. Izaho manokana dia mahatadidy ny fotoana izay tsy maintsy hifohazana maraina be mba ahafahana mamonjy ilay hany fitaovampitaterana handehanana hitsidika ireo havako any amin'ny tanànan'i Kingston. Tena mahalana izany, ary satria tsy maintsy mifoha maraina be izahay dia tena mafy tokoa ny fiandrasana ary mila tsy habita tory mihitsy. Sady matory aho no miambina. Tsy tafandrimandry mihitsy aho fa toy ny misy lolo ao an-kiboko. Renoky ny tory mandritra ny minitra vitsivitsy aho ary manonofy fa tonga ilay fiarakodia ary nilaozany aho. Taitra mitsamboatra ao amin'ny torimasoko aho izay vao mahatsapa fa hay nofy fotsiny ihany izany izay nateraky ny havesatry ny fientanentanako sy ny fiandrasako amim-pitaintainana.

Nianarantsika omaly fa ny iray amin'ireo maha-isika antsika sy mampiavaka antsika amin'ny maha-Advantista dia ny finoantsika miorina amin'ny teny fampantanenan'i Jesôsy fa ho avy indray Izy. Isika, mihoatra noho ireo antokom-pinoana sy fivavahana hafa dia nitory izany hafatra izany nandritra ireo taonjato. Ireo mpialoha lalana antsika voalohany tamin'ny fiantombohan'ny taonjato faha-19 dia nampihantona ireo fanantenany sy finoany amin'izany teny fikasana izany.

Kanefa, eny fa na dia talohan'ny taonjato faha-19, eny, taloha lavitry ny nahaterahan'ny firenena Jiosy, dia hitantsika ireo mpaminany izay miandry tamim-pientanentanana io teny fikasana io. Ao amin'ny Hebreo 11:10 no ilazana amintsika fa i Abrahamana dia nanantena tanàna misy fanorenana izay, Andriamanitra no Tompo-marika sy Mpanao izany. I Enoka koa dia naminany fa ho tonga Andriamanitra, hotronin'ny anjely masiny an'alinalina; Jereo ny Joda 14,15. Nanambara i Jôba ao amin'ny toko faha 19:25-27: *“Kanefa raha izaho, dia fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any amparany eo ambonin'ny vovoka Izy. Ary rehefa levona ny hoditro, izao simba izao, sady afaka amin'ny nofoko aho, dia hahita an'Andriamanitra. Eny, izaho no hahita Azy, ary ny masoko no hijery, fa tsy olon-kafa. Efa matimpaniriana ny saiko ato anatiko.”*

Nianatra isika tamin'ny lesontsika voalohany tamin'ity herinandro ity fa ny fiangonana dia ny fikambanan'ireo vahoaka nantsoin'Andriamanitra

tamin'ny fotoana rehetra. Hatramin'ny voalohany rehefa nanota ny olona dia fikasan'Andriamanitra ny hamerina Aminy indray ny olona. Izany no antony nahatongavan'i Jesôsy mba hahafahany mamonjy antsika amin'ny fahotana. Mialoha ny nahatongavan'i Jesôsy dia nanao drafitra tsy haharitra Andriamanitra, tamin'ny alalan'ireo fombafomba fanaovan-tsorona, ho mpampahatsiahy antsika ny teny fikasany ny handefa ny zanany ho sorona handoavana ny onitry ny fandikan-dalàn'ny olombelona. Tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra mandrakariva ny hitondra ny olona hiverina eo aminy mandrakizay. Maniry izy ny hanana ireo vahoaka nantsoiny, Ny fiangonany, ho tafaray aminy indray ary ho mandrakizay. Tsy tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra velively ny fahotana, kanefa raha vao nisafidy ny hanota ny olona, dia efa namolavola drafitra Andriamanitra hanavotana azy sy hanome ny olona akany vaovao sy mandrakizay.

Manerana ny soratra masina no ahitantsika ireo faminaniana izay manondro io toe-javatra nandrasana hatry ny ela io. Mihoatra ny 400 ireo faminaniana ao amin'ny Baiboly mikasika ny fiavian'i Jesôsy fanindroany. Lohahevitra ny ankamaroan'ny asa soratr'ireo patriarika sy mpaminany ny hafatry ny fiavian'i Jesôsy fanindroany. Loharanon'ny fifaliana sy fientanentanana lehibe indrindra ny fiheverana ny fiverenan'Andriamanitra ho tafaray indray amin'ny vahoakany.

Nolazaiko tany am-piandohana ny fahazazako rehefa handeha hanao dia lavitra izahay. Iray amin'ireo fahatsiarovana mamiko indrindra ny fivoahan'ny fiangonana handeha hamonjy ny fivoriana anaty lay. Tamin'ny andro izay mbola nananan'ireo pasitora fiangonana maro. Tena nalaza sy nampiantanentana ny fivoriana an-day manokana satria manome tombontsoa fanararaotra ho anay handeha hivoaka ny tanàna sy ny trano amin'ny alina. Mahalana no nahitana tombontsoa azo hararaotina hifaneraserana amin'ny hafa mba hihonana sy nahitana namana vaovao ho anay ankizy.

Ny nampivavaka ireny fivoahan'ny fiangonana ireny dia ny toe-tsaina velombelona sy falifaly izay miseho indrindra amin'ireo hirahira eny ampandehanana. Maro amin'ireo hira nohiraina no manana lohahevitra mahakasika ny andro farany. Toa mbola reko sy azoko an-tsaina ireo mambra sasantsasany mihira ny hira toy ny hoe: *“We Shall Have a Grand Time Up In Heaven.”* - Hanana fotoana lehibe isika any an-danitra. Hira iray hafa malaza ihany koa ny hoe *“When The Saints Go Marching In.”* - Rehefa miditra ao ny olo-masina. Indraindray izahay mihira ny hira hoe *“We’re Marching to Zion, Beautiful, Beautiful Zion”* - Mizotra ho an'ny Ziona, Ziona tsara tarehy isika na *“When We All Get to Heaven.”* - rehefa tonga any an-danitra isika rehetra.

Ny hira izay tena nalaza ary tsy afaka ao an-tsaiko dia ilay hira izay toa tsy dia heno sy hiraina intsony hatramin'ny fahazazako. Tahatahaka izao ny tonony:

“Mandeha amin'ny lalam-boninahitra, efa hitako ankehitriny ny lanitra,

Na dia mafy aza ny lâlana, Jesôsy hitondra anao, hitantana anao

Hitarika ho amin'io tany io, Handeha amin'ny lâlana-boninahitra.

Azoko fa tsapan'ireo tanora namako fa tia hira aho. Ireo hira ireo amiko no mampita ny hafatry ny filazantsara mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra. Tena ankafiziko ireo hira advantista taloha, indrindra ireo izay manana ny

lohahevitra mahakasika ny fiaviany fanindroany na ny hoe mandeha mody miaraka amin'i Jesôsy.

Nikomy nandritra ny fotoana ela ny planetantsika. Isika rehetra dia efa samy nanandrana fahoriana sy ratram-po, aretina sy fahafatesan'ireo olona malalantsika. Tsy izany velively ny prôgraman'Andriamanitra ho an'ny Fiangonany, ny fofombadiny, ny vahoaka izay nantsoiny. Ny fahavalo no nanao izany. Ny fahotana no nitondra fisarahana eo amin'Andriamanitra sy ny olony. Nandao ny voninahitra sy ny famirapiratan'ny lanitra i Jesôsy mba ho tonga hanavotra ny tany. Ny fidirany an-tsehatra tamin'ny alalan'ny drafi-panavotana izay hahafahan'ireo mpanota mamerina amin'ny laoniny indray ny firaisana amin'ny fianakavian'ny lanitra indray mandeha ary ho mandrakizay.

Izany no anton'ireo lohahevitra ao amin'ny Baiboly sy ny ankamaroan'ireo hira izay hifantoka amin'izay nataon'i Jesôsy hanavotana antsika ho Azy. Ary izany no antony ankafizako manokana ireo hira izay miresaka ny fanavotana sy ny fiavian'i Jesôsy, hamerina amin'ny laoniny amin'ny farany sy hampiray indray ny olona sy Andriamanitra. Ho fihaonana lehibe sy be voninahitra izany ary tsy hisy fisarahana intsony. Ho potika mandrakizay amin'izay fotoana izay ny fahotana sy i Satana. Tsy hisy intsony ny alahelo sy ny ratram-po, ny aretina sy fahafatesana.

Tena azoko tsara ankehitriny ny dikany sy ny hafatra ao amin'ireo hira izay nahazatra anay ny nihira azy tamin'ny fahazazako tamin'ireo dia nataon'ny fiangonana, ary ireo hira izay mbola ankafiziko hatramin'izao. Tena matanjaka ny hafatra ary naharitra mandritra ny fotoana rehetra sy ny taranaka rehetra. Hevero ny mety ho dikany tamin'ireo raiko izay efa maty sy ny mpiara-belona taminy rehefa nihira izy ireo manao hoe:

“ Miresaka ny amin'ny fanjakan'ny olon-tsambatra
Ilay tany mampiratra sy soa
Mampiaiky ny voninahiny
hanao ahoana rehefa tonga any.”

Na “Andeha isika hihira izay hampifalifaly ety an-dalana
tsy ho ela intsony dia hody any an-trano isika.”

Na “Mahafinaritra ny fanantenana kristianina
Rehefa miasa mafy ety ambany ety.
Manidina isika mamakivaky ny tany efitry ny loza.”

Na “Mbola lavitra ve ny trano? Hoy aho nanontany niondrika nijery ny dian-tongotra.

Namaly ny mpiambina: efa ho lasa ny alina maizina, tsy ho ela dia ho tonga ny maraina (...)

“Tsy lavitra ny trano! Fisainana mahasambatra!
Mifaly ny fo irerin'ny mpivahiny:

Izay no entin'ily balsama fanasitranana sy nanamaina ny ranomason'ireo mpisaona.

Tsy hisy tomany intsony satria hihaona isika, tsy hivezivezy intsony, Ho lasa ny fitsapana, ho tanteraka ny fifaliana, azo antoka ny ao an-tranon-dRay.

Feno teny fikasana sarobidy avy amin'i Jesôsy ny Baiboly. Nomeny antsika ny teniny ary afaka mino azy isika. Mino Azy isika satria nitana ny teny fikasany ny amin'ny fiaviany Izy ary hanolotra ny tenany hisolo ny fahotantsika. Nilaozany ny famirapiratana sy ny voninahitry ny lanitra ary nidina taty izy mba hanavotra antsika. Natolony ny ainy ho onitra tanteraka sy sorono noho ny fahotantsika. Nitana ny teniny ao amin'i Kristy Andriamanitra mba hanavotana ny olona amin'ny fahotana. Tamin'ny alalan'ny sorona nataony no nanokafany ny lalana ho amin'ny voninahitra hahafahan'ireo rehetra maniry hiditra ao.

Ankehitriny isika dia miresaka ireo olona nahavita be teo amin'ny lalana nizorany; midika izany fa tena nanana faharetana tamin'ny asa na fahaizana manokana izy ireo. Nahavita tsara mandrakariva izy ireo rehefa nisy zavatra nasaina nataony. Andriamanitra no tena nahavita be tsy misy azo kianina tamin'ny lalana nizorany. Nitana ny teniny izy tamin'ny voalohany. Notanterahiny ny teny fikasana ny handefa an'i Jesôsy mba handoa ny onitry ny fahotana. Mifototra amin'izay lalana nizorany izay no ahazoantsika antoka fa hotanterahiny ny teny fikasana ny ho avy indray mba hampikambana antsika Aminy indray mandrakizay.

Ao amin'ny 1 Tes. 4:16,17 dia nanoratra izao teny izao ny iray amin'ireo mpanoratra lehibe ny Testamenta Vaovao, dia i Paoly apôstôly:

“Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'ny Kristy no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.”

Ny Jao. 14:1–3 no mirakitra ny teny fikasana izay nomen'i Jesôsy, Izy tenany, mialoha ny hiverenany any an-danitra:

“Aza malahelo ny fonareo; minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa.”

I Jaona ilay Mpanambara nohenjehina noho ny fitoriana ny filazantsaran'i Jesôsy Kristy sy natao sesitany tao amin'ny nosy Patmôsy ary napetraka tao anaty vilanibe nisy menaka mahamay. Kanefa niseho taminy tamin'ny fahitana i Kristy, ary hitany ny fanasan'ny fampakaram-bady lehibe izay nasehony antsary mazava tsara ao amin'ny Apôk. 19:7–9.

“Aoka isika hifaly sy ho ravoravo Ka hanome voninahitra Azy; Fa tonga ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry, Ka efa niomana ny vadiny. Ary

nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy; fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon' ny olona masina. Ary hoy koa izy tamiko: Soraty: Sambatra izay nantsoina ho amin'ny fanasana fampakaram-badin' ny Zanak'ondry. Fa hoy izy tamiko: Ireo dia teny marin'Andriamanitra."

Mampiasa ny sarin'ny fampakaram-bady i Jaona mba hanehoana an-tsary ny fankalazana feno fifalian'ny vahoakan'Andriamanitra rehefa miverina fanindroany i Jesôsy. Jesôsy ilay zanak'ondrin'Andriamanitra no soritsoritana ho ilay mpanjaka mpampakatra. Efa niandrandra ela mialoha ny fihaonana sy ny fankalazana miaraka amin'ny fofombadiny, ny fiangonana. Ny sary dia maneho ny ampakarina mitafy lamba fotsy izay maneho ny fahamarinan'ny olo-masina.

Ny lanonana fampakaram-bady tsirairay dia fankalazana ny fitiavana sy ny fanekena hifanaovan'ny mpampakatra sy ny ampakarina. Tena fitsipika fototra ireo amin'ny fifandraisana rehetra, indrindra amin'ny fanambadiana. Jesôsy Kristy, ilay Tompo sy Mpamonjy antsika, no ohatra fara tampon'ny tena fitiavana marina sy fanekena. Amin'ny maha-tanora mandinika izany fanapahan-kevitra lehibe hanova ny fiainana izany, dia tena zava-dehibe ny mahatakatra fa ny fanambadiana feno fahombiazana dia miorina amin'ny fototry ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fanekena hifanaovana.

Raha miomana sy miandrandra ny fiverenan'i Jesôsy isika dia mampirisika anao aho ny ho latsa-pitiavana amin'i Jesôsy isan'andro isan'andro. Tia Azy isika satria Izy efa tia antsika taloha. Tena manana fitiavana miredareda antsika i Jesôsy ary mamaly izany amim-pitiavana isika amin'ny fanomezana azy ny fanoloran-tena feno sy tanteraka. Mivoady ny hitia Azy isika ary hanome ho Azy izay tsara indrindra amim-panoloran-tena.

Mahatoky koa i Jesôsy ilay mpampakatra antsika, manome voninahitra ny teniny izy ary mitana ny teny fikasany. Tena fototra eo amin'ny fifandraisan'ny fanambadiana ny fahatokiana. Io voady masina io, izay tandremana tsy ho voadika, no fatoram-pahatokiana izay apetraky ny mpivady mba hiarovana ireo endrika mety ho fanafihana avy any ivelany ny fifandraisam-panambadiana. Rehefa manambady ny ampakarina i Jesôsy dia manao izany mandrakizay.

Mitoetra maharitra mandrakizay ny fanambadiana. Tsy ao anatin'ny drafitr'Andriamanitra velively ny fisaraham-panambadiana. Raha tiana haharitra ny fanambadiana, ny mpivady dia tsy maintsy manana ireo toetra tsara toy ny faharetana, hatsaram-panahy, halemem-panahy, ary famelan-keloka, tahaka ny ataon'i Kristy amin'ny vadiny, ny fiangonana. Lazain'i Paoly ao amin'ny Efes. 5 fa ny fifandraisan'ny fanambadiana dia tandindon'i Kristy sy ny Fiangonany. Te hiaraka amin'ny fiangonany mandrakizay i Kristy ary tokony ho tahaka izany ihany koa ny fanambadiana eo amin'ny mpivady.

Tahaka ny fanambadiana sasantsasany ankehitriny, ny fiangonan'Andriamanitra, ireo olona antsoina hivoaka dia toa mitolona sy mijaly ankehitriny. Ny fahavalon'ny fanahy dia mikatsaka ny hanakivy, hanao izay hahavariana sy handravana ny olom-boafidin'Andriamanitra. Kanefa manana vaovao mahafaly ho an'ireo zanak'Andriamanitra aho. Mifikira fa kely sisa. Marina sy azo antoka ny teny fikasan'Andriamanitra. Toa lavitra ny lalana ary mafy ny ady kanefa Andriamanitra dia manana ny zava-bita tsara indrindra tsy misy kianina. Mitazona ny teniny Izy. Indray andro any dia ho tafaray Aminy indray ny fofombadiny.

Mbola ao amin'ny tononkira ny hira taloha mikasika ny fiverenany:

“Andeha isika hihira hira izay hampifaly eny an-dalana tsy ho ela intsony dia hody any an-trano isika fa hifarana ny alina any amin'ny andro maharitra mandrakizay tsy ho ela intsony dia hody any an-trano isika.”

Raha miandry amim-paharetana ny fahatanterahan'ny teny fikasana isika dia aoka hifaly eny an-dalana. Aoka hihazona mafy ny fanekem-pinoantsika fa tsy hihozongozona. Mahatoky ilay nanome ny teny fikasana. Marina ny teniny. Azo antoka ny teny fikasana.

Izao no lazainy ao amin'ny Apôk. 22:12:

“Indro avy faingana Aho; ary eto amiko ny famaliako, mba hamaliako ny olona rehetra araka ny asany.”

Tena ho avy araka izay nolazainy Izy. Nihazona ny teny fikasany Izy tamin'ny fiaviany voalohany; azo antoka fa hihazona izany Izy amin'ny fiaviany fanindroany. Koa

“Mandra-pahatongan'izay dia hanohy hihira ny foko, Mandra-pahatongan'izay fotoana izay amim-pifaliana no hanohizako ny dia, Mandra-pibanjin'ny masoko ilay tanàna, mandra-pahatongan'ny andro izay Hiantsoan'Andriamanitra ahy hody any an-trano.”

Aoka hahatoky isika mandra-pahatanteraky ny teny fikasany. *“Eny, avy faingana Aho. Amena. Avia, Jesosy Tompo!”* Apôk. 22:20

Fanontaniana hifanakalozan-kevitra:

1. Nahoana ianao no mino fa tena misy dikany lehibe amin'ireo mpino nandritra ny fotoana rehetra ny teny fikasana ny amin'ny fiaviany fanindroany?
2. Inona no fototra izay iorenan'ny finoantsika ny teny fikasana ny amin'ny fiverenan'i Kristy fanindroany?
3. Efa niandry ny fiverenan'i Jesôsy ny fiangonana amin'ny mahafombadin'i Kristy azy. Inona no zavatra voalohany andrasanao rehefa ho avy i Jesôsy.